



**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
Fitivana - Tanindrazana - Fandrosoana

**VOLAVOLAN~DALÀNA LAHARANA FAHA 022/2024**  
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY  
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA  
HO AMIN'NY TAONA 2025

**PROJET DE LOI n° 022/2024**  
PORTANT LOI DE FINANCES  
POUR 2025

**VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA 022/2024  
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY  
FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA  
HO AMIN'NY TAONA 2025**



## VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA 022/2024 MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA HO AMIN'NY TAONA 2025

### FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Tompokolahy sy tompokovavy,

**Ireo olana ara-tontolo iainana sy ara-bola**, nateraky ny fiovaovan'ny toetr'andro sy ny fifandirana ara-jeopolitika iraisam-pirenena, dia mitaky fametrahana politika vaovao sy maharitra.

Noho izany indrindra dia kihon-dàlana lehibe ho an'i Madagasikara ity volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ity satria izy ity dia mampitodika ireo laharam-pahamehana ara-tetibola ho amin'ny laharam-pahamehana roa lehibe : ny fiampitana miandalana mankany amin'ny angovo azo havaozina ary ny fiandrianana ara-tsakafo, izay ho fanoitra amin'ny fandrosoana ara-toekarena.

**Io fiampitana miandalana mankany amin'ny angovo azo havaozina io dia mitaky ny fampitambarana loharanon'angovo isan-karazany** mba ahafahana mamaly ireo filàna andavanandron'ny mponina amin'ny ankapobeny ary ireo sehatra ara-toe-karena. Ny politika fametrahana toby fitarihana angovo azo avy amin'ny masoandro izay nahatratra 50 MW tamin'ny taona 2024 dia ho lasa 250 MW ka ny 150 MW dia iantohan'ny fanjakana malagasy amin'ny alalan'ity volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ity ary ny 100 MW ambiny kosa dia avy amin'ny fampiasam-bola mivantana. Hisy ihany koa loharanon'angovo hafa ho avy amin'ny taona 2025 ka anisan'izany ny herinaratra 30 MW azo avy amin'ny rivotra ary 20 hatramin'ny 30 MW azo avy amin'ny toerana fandorana fako.

Ankoatr'izay, noho ny fananany toetr'andro tsara sy velaran-tany midadasika afaka ambolena, i Madagasikara dia **manana ny herijika hanatrarana ny fahavitan-tena ara-tsakafo** ka ho lasa sompitry ny vary aty Afrika. Araka izany, ny fanovana ara-pambolena dia laharam-pahamehan'ny fanjakana amin'ny taona 2025 ka ao anatin'izany no hividiana, hizarana, hampiasana ny masomboly safiotra, ary hametrahana ozinina mpamokatra zezika. Andrasana amin'izany ny fiakaran'ny taham-pamokarana ka hahazoana vary akotry fanampiny iray tapitrisa taonina.

Mifanindran-dàlana amin'ny fampiharana ireo fepetra ireo dia **tsy ho atao ambanin-javatra ny fanohizana ireo lahasa efa natomboka ho an'ny sehatra sosialy sy fotodrafitr'asa**, toy ny fanatsarana sy fanavaozana ny fitaterana amin'ny alalan'ireo fotodrafitr'asa maro ho an'ny lalàna izay

tena zava-dehibe amin'ny fampiroboroboana ny toe-karena. Anisan'izany ny tetikasa fanamboarana lalambe mampitohy ny renivohitra sy ny tanànan'i Toamasina, ny fitaterana an-tariby, ny fampifandraisana toerana maro toy ny atao amin'ny lalam-pirenena faha-13.

**Ny fanjakana malagasy dia mikendry hahatratra fitomboan'ny harikarena faobe 5%** amin'ny taona 2025 amin'ny alalan'ireo tetikasa voatanisa ireo, miaraka amin'ny fitantanana mahomby ny volam-panjakana. Izany dia hifantoka amin'ny (i) fanatsarana ireo loharanom-bola anatin'ny ivelany, (ii) fandanjalanjana ireo fandania amin'ny fampandehanan-draharaha, ary (iii) fanaraha-maso manokana ny fitosana. Ireo ovam-pivoaran'ireo fanavaozana napetraka, izay nitarika ireo mpiaramiombon'antoka ara-teknika sy ara-bola hanohana amin'ny alalan'ireo programa maro, dia manosika antsika hanao ezaka bebe kokoa amin'ny fanatanterahana ireo tetikasam-pampandrosoana, fa ihany koa ny fizakana ara-pitantanam-bolam-panjakana sy ny famerana ny toe-danja fototra ankapobeny na « solde primaire global » ho 2,9%-n'ny harikarena faobe.

Toy izany avy ireo tanjon'ity volavalan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ity, izay mikendry ny hamaly ireo fanamby ankehitriny sady manohy ny fampandrosoana maharitra an'i Madagasikara.

## **I- ZAVA-MISY EO AMIN'NY SEHATRY NY TOE-KARENA**

### **I.1- NY FIVOARAN'NY TOE-KARENA MANDRITRA NY TAONA SY VINA HO AN'NY FARAN'NY TAONA 2024**

#### **Fivoaran'ny toe-karena mandritra ny taona**

Ny toe-draharaha iraisam-pirenena dia manaraka ny fihanaky ny fifanolanana ara-jeopolitika, izay mety hisy fiantraikany amin'ny varotra sy ny fampiasam-bola, ary voamarika amin'ny fanitsiana ny vidin'ny nikela, izay mety hisy fiantraikany amin'ny fepetran'ny varotra amin'ireo firenena mpanondrana. Ny fitsimoky ny aretina M-pox, amin'ny lafiny iray, dia mety hampisy fiantraikany amin'ny sehatry ny fizahantany sy ny fizotry ny mpandeha iraisam-pirenena. Etsy an-daniny, ny fihiban'ny fisondrotry ny vidim-piainana maneran-tany, na dia voamarika kokoa aza amin'ireo firenena manana toe-karena vao misondrotra, dia miaraka amin'ny fanalefahana ara-bola. Na izany aza, ny fiakaran'ny vidin'ny fitaterana entana avy any Azia dia mety tsy mahasakana ny fiakaran'ny vidim-piainana.

Eto an-toerana, ny fampidirana ny Starlink sy ny fidiran'ny Emirates eo amin'ny tsena dia mety ho tosika ho amin'ny fampandrosoana ny sehatry ny fifandraisan-davitra sy ny fizahan-tany. Manombana vinavina tsara ho an'ny toekaren'ny Malagasy ihany kosa anefa ny fiakaran'ny fanondranana grafita ary ny fanatsarana tsikelikely ny fotodrafitrasa ara-dalana. Ireo tranga maro samihafa izay sady mifandray akaiky ireo, dia mamaritra sarintsarin-na toe-karena ifanojoan'ny « risques sy opportunités ».

#### **Vina ho an'ny faran'ny taona 2024**

Ny fitomboan'ny toekaren'i Madagasikara ho an'ny taona 2024 dia novinavinaina ho +4,4%, nihena kely raha oharina amin'ny tomanana teo aloha ho +4,5% voarakitra ao amin'ny lalàna mifehy ny teti-bola nasiam-panitsiana ny taona 2024 (LFR 2024). Ity fanavaozana ity dia taratry ny fanitsiana ny sehatra mifototra amin'ny antontan'isa hatramin'ny Septambra 2024 sy ny vinavina ho an'ny faran'ny taona. Tohanan'ny sehatry ny fambolena (+6,0%), ny lamba (+31,6%), ny fizahan-tany (+14,7%) ary ny paositra sy fifandraisan-davitra (+13,4%).

### **Fitantanana ny isan'ny mpiasampanjakana : paikady laharam-pahamehana ho an'ny fampandrosoana iaraha-misalahy**

Ao anatin'ny volavolan-dalàna mifehy ny Fitantanambolam-panjakana ho an'ny taona 2025, ny Fanjakana malagasy dia mampifanaraka ny politikany amin'ny fitantanana ny isan'ny mpiasampanjakana mba hanohanana ny fampandrosoana ara-toekarena sy hanatsarana ny kalitaon'ny tolotra omena ny vahoaka. Ny drafitra hentitra sy voakajy momba ny fandraisana mpiasa vaovao miisa 6.650 dia mampiseho ny finiavana sy ny fahavononana hamaly ny filàna maika amin'ny sehatra manandanja maro. Io fandraisana mpiasa vaovao io dia ahitana mpiasa 4.500 ho raisina mivantana ary 2.150 ho raisina amin'ny alalan'ny fifaninanana hidirana ho mpiasampanjakana.

Ireto avy ireo sehatra lehibe hahazo tombotsoa amin'io fandraisana mpiasa io :

- **Ny filaminam-bahoaka:** Ny fanatsarana ny filaminam-bahoaka dia laharam-pahamehana ara-stratejika ho an'ny Governemanta. Ny Fanjakana dia mikasa ny hampitombo ny isan'ny mpiasa amin'io sehatra io mba hamerenana ny tontolo ahazoana toky sy isian'ny fandiampahalemana, izay tsy maintsy atao mba hisarihana ny mpampiasa vola vahiny sy hampiroboroana ny fandrosoana ara-toekarena maharitra sy lovainjafy. Ity fampitomboana isa ny mpiasa ity dia mikendry ny hiadiana amin'ny asan-jiolahy, ny dahalo, ary koa ny fivarotana zava-mahadomelina sy ny fanondranana an-tsokosoko ireo harempirenena.
- **Ny Fahasalamana:** ny fiantohana ny fanomezana fitsaboana tsara kalitao ho sitrahan'ny rehetra dia singa lehibe ho an'ny firenena. Ny fandraisana mpiasa hiasa eo amin'ny sehatry ny fahasalamana, izay ahitana mpitsabo mpanampy, mpitsabo sy mpandidy, dia hanamafy ny fisian'ireo fotodrafitrasa ara-pahasalamana, indrindra eo amin'ny Tobim-pahasalamana fototra (CSB I-II) sy ireo Tobim-pitsaboana isam-paritra sy oniversitera. Izany dia hanampy amin'ny fanatsarana ny fanaparahana ny fitsaboana ho sitrahan'ny rehetra sy ny kalitaon'ny fitsaboana manerana ny firenena.
- **Ny Fanabeazana:** ny fanabeazana no andry ho an'ny fampandrosoana maharitra. Ny fandraisana mpampianatra sy mpiasa ara-panabeazana dia mikendry ny hanatsarana ny kalitaon'ny fampianarana sy hiantohana ny fahafahana mahazo fanabeazana tsara kalitao ho an'ny ankizy malagasy rehetra. Ity hevitra ity dia hanohana ny fanofanana entina hanampiana ny fahaiza-manaon'ireo mpiasa, izay afaka hiatrehana ireo fanamby ho avy eto amin'ny firenena.

Amin'ny ankapobeny, ity fanitsiana ny politikan'ny fitantanana ny isan'ny mpiasa ity dia tokony hahafahana miatrika ny olana ara-tsosialy sy ara-toekarena amin'izao fotoana izao sady manomana ny firenena ho amin'ny ho avy mamiratra sy ara-drariny. Amin'ny alalan'ny fanomezana loharanonkarena tovozina avy amin'ny maha-olona ho an'ireo sehatra laharampahamehana, ny Fanjakana malagasy dia manao fanamby hametraka tontolo izay mendrika ho an'ny fampandrosoana ara-toekarena sy ny fanatsarana ny fiainan'ny mponina. Ireo fandraisana mpiasa ireo dia fivoy tena ilaina amin'ny fampihenana ny tsy fananana asa, ny fanohanana ny asa anatin'ny sehatra ara-dalàna ary ny fanamafisana ny fahombiazan'ny Fanjakana. Ny fahombiazan'ity politika ity dia fepetra tsy maintsy arahana amin'ny fanatanterahana ny Drafitra ho amin'ny Fampandrosoana an'i Madagasikara anatin'ny fotoana fohy sy ivo ezaka, ka handray anjara amin'ny fampandrosoana maharitra sy iaraha-misalahy ho an'ny vahoaka malagasy rehetra.

## **I.2- VINAVINA ARA-TOE-KARENA HO AN'NY TAONA 2025**

Ny toekarena malagasy dia antenaina hiabo hatrany eo anelanelan'ny taona 2025 sy 2028, miainga amin'ny +5,0% ny taona 2025 ka ahatratra +5,6% ny taona 2028. Izany dia taratry ny fitohizan'ny fanatsarana ny tontolo ara-toekarena sy ny fitomboana amin'ny famokarana amin'ny sehatra samihafa.

Eo amin'ny **seha-piharina voalohany**, ny sampana "fambolena" dia heverina fa hitombo +9,5% amin'ny taona 2025. Izany vokatry izany dia vokatry ny fandraisana sy fanaparitahana ny masomboly nohatsaraina izay mety hahatratra 5 taonina mahery isaky ny hektara ny vokatry.

Eo amin'ny , andrasana ny fiverenan'ny fizotry asa fitrandrahana harena an-kibon'ny tany miaraka amin'ny fivoarany ho +4,0% amin'ny 2025, rehefa nahita fihenana -20,8% tamin'ny 2024. Eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, ny tinady goavana eo amin'ny sehatry ny vy, ny fitomboan'ny famokarana bateria ho an'ny fiara elektrika, ny fiverenan'ny hetsika indostrialy manerantany ary ny fitomboan'ny fangatahana mifandray amin'ny teknolojia angovo azo havaozina dia heverina fa hisy fiantraikany tsara amin'ny famokarana sy fitrandrahana eto an-toerana. Noho izany, ny sehatra faharoa dia tokony hampiseho fitomboana 3,4% ny taona 2025.

Ny **seha-pihariana fahatelo**, izay antenaina hitombo +5,4%, dia ho atosiky asa fizahan-tany sy fifandraisan-davitra. Nametraka paikady ho fampiroboroboana ny fizahantany ny minisiteran'ny Fizahantany, ka anisan'izany ireto singa manaraka ireto : ny fampitomboana ny tolotr'ny fizahantany, ny fanatsarana ny fitantanana ny sehatra, ny fanamafisana ny endrika tsaran'i Madagasikara ary ny fotodrafitrasa fampandrosoana. Mandeha araka izany i Madagasikara amin'ny fanatanterahana ny tanjona ho mpizaha-tany<sup>1</sup> tapitrisa amin'ny taona 2028. Ambonin'izany, hitohy ny fanavaozana eo amin'ny sehatry ny fifandraisan-davitra ary mba hampiroborobo io sehatra io ary koa ny tolotra nomerika.

## II- FITODIKY NY TETIBOLAM-PANJAKÀNA

### II.1- VOLA MIDITRA

#### II.1.1- HETRA

##### II.1.1.1- HO AN'NY VOLA MIDITRA AVY AMIN'NY HETRA ANATINY :

Ny Fitantanan-draharaha ara-ketra ao anatin'ny drafitra stratejika 2024-2028 dia nametraka ho vontootin'ny tanjona ny : fampiasana ny teknolojia nomerika ho an'ireo raharaha sy paik'ady ara-ketra rehetra, ny fanamafisana ny fahaiza-manetsika ny fampidirana-ketra sy ny fahombiazan'ny fizotry ny famorian-ketra; fanitarana ny sehatra ampiarana ny famerana ny hetra sy fametrahana rafitra ara-ketra mampahomby ny fandraharahana ; fanamafisana ny fidiram-bola an'ireo Vondrom-bahoaka itsijaram-pahefana ary farany ny fampitomboana avo roa heny ireo ezaka sy hetsika amin'ny ady amin'ny kolikoly ho fampiroboroana ny fahaiza-mitantana sy ny fahamarinana.

Ho an'ny taona 2025, novinavinaina ho 5 628,4 lavitrisa Ariary ny vola hiditra ara-ketra izay ahitana fitomboana 21,39 isan-jato raha ampitahana amin'ny tanjona tamin'ny taona 2024. Noraisina ireo fepetra amin'ny politika ara-ketra mafonja toy ny fandanjalanjana ireo fandaniana ara-ketra amin'ny haba amin'ny tataom-bidy sy ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana, ny fampidirana ny haba amin'ny fifanakalozana atao amin'ny alalan'ny finday sy ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana amin'ireo vokatry manimba ny tontolo iainana sy ny fahasalamana, ny fandoavana ny ampaham-bola mialoha amin'ny hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana amin'ny ravim-paraky sy ny fanamafisana ny famorian-ketra amin'ny hetran-tany sy hetran-trano, ary koa ny fampandehanana ny sehatra amin'ny taratasim-barotra mba hiadiana amin'ireo varotra tsy misy fakitiora.

Fepetra isan-karazany ihany koa no ho raisina ho fanatsarana ny fitantanan-draharaha, indrindra ny fametrahana ny rafitra vaovao ny rindran-baiko SAFI, ny fanamafisana ireo asa ara-ketra mikasika ny mpisitraka tena izy (famoahana ampahibemaso ireo fifanarahana amin'ny tsenam-baro-panjakana, famantarana ireo mpisitraka, ...) indrindra ireo mikasika ny harena an-kibon'ny tany, fanatsarana ny fitantanana ny TVA amin'ny fametrahana zotra amin'ny fanaraha-maso ny fandoavana ny TVA an'abaka (e-TVA) ary farany ny fanamafisana ny fanaraha-maso anatiny amin'ny alalan'ny famakafakana ny endriky ny tataom-pahavoazana arak'asa mba hiadiana amin'ny kolikoly.

Ireo fepetra samihafa ireo dia ahafahana mampidi-bola fanampiny mitentina 784,28 lavitrisa Ariary.

Venty : Lavitrisa Ariary

KARAZAN-KETRA	LFR 2024	LFI 2025	Elanelany
Hetra mikasika ny vola miditra	1 178,95	1 411,37	232,42
Hetra alaina amin'ny karama sy ny toa azy	848,22	889,92	41,71
Hetra alaina amin'ny fitomboan-karena avy amin'ny fanana mitera-bola	78,24	93,71	15,47
Hetra alaina amin'ny tombom-barotra	14,03	18,29	4,26
Hetra tambatra	132,35	164,70	32,35
Sara-panoratana sy famindran-tompo	48,97	62,77	13,80
Haba amin'ny tombam-bidy (efa tafiditra ao ny haba amin'ny fifanakalozana atao amin'ny finday)	1 400,21	1 742,25	342,04
Hetra alaina amin'ny Tsenam-baro-panjakàna	148,69	250,00	101,31
Hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana (efa tafiditra ao ny haba ara-tontolo iainana)	754,09	955,38	201,29
Hetra amin'ny fifanaraham-piantohana	17,21	20,58	3,37
Haban'ny hajia	14,07	16,77	2,70
Hetra hafa	1,48	2,66	1,18
<b>TONTALINY</b>	<b>4 636,50</b>	<b>5 628,40</b>	<b>991,90</b>

### II.1.1.2- FEPETRA MAHAKASIKA NY LALÀNA ARA-KETRA :

Ny fampiroborobona ny fampidiran-ketra dia manana anjara-toerana fototra eo amin'ny firenena kely fidiram-bola toa an'i Madagasikara, amin'ny maha fomba fidiram-bola mora azon'ny Fanjakana hatao indrindra azy, raha oharina amin'ireo loharanom-bola hafa.

Na dia teo aza ireo fanavaozana ara-drafitra sy ny rindran-damina napetraky ny fitondram-panjakana amam-polo-taonany maro, dia tsapa fa mbola misy hatrany ireo fanamby lehibe atrehany. Araka izany, ny fanjakazakan'ny tsy fahatsapan-tena amin'ny fandoavan-ketra, indrindra amin'ny alalan'ny fandosirana sy ny hosoka ara-ketra, dia mbola sakana hatrany amin'ny fahombiazan'ny famorian-ketra.

Amin'ny ankapobeny, ireo fepetra vaovao araka ny voafarit'ity volavolan-dalàna mifehy ny teti-bolam-panjakana ity dia mahakasika hetra maromaro toy ny hetra amin'ny vola miditra (IR), hetra amin'ny tsenam-baro-panjakana (IMP), hetra tambatra (IS), hetra alaina amin'ny karama sy ny toa azy (IRSA), hetra alaina amin'ny tombombarotra (IPVI), saram-panoratana (DE), hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandaniana (DA), haba amin'ny tataom-bidy (TVA), hetra alaina amin'ny tany (IFT) ary koa ny hetra amin'ny trano miorina (IFPB). Ny fanohizana ny fampidirana ao anatin'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra ireo lalàna ara-ketra izay miparitaka any anatin'ireo lalàna isan-tseha-pihariana dia naroso ihany koa amin'ity volavolan-dalàna ity. Voalaza ao ihany koa ireo fepetra natao hanitarana ireo sehatra ampiharana ny famerana ny hetra toy ny fametrahana ny haba alaina amin'ny fifanakalozana atao amin'ny alalan'ny finday (TTM) sy ny fanamafisana ny momba ny hetra amin'ny tontolo iainana. Ankoatra ireo fanadiovana madinidinika natao, dia nohamafisina tao amin'ny Fehezan-dalàna amin'ny paika ara-ketra ihany koa ireo fepetra hafa natao hampahomby ny Fitantanan-draharaha ara-ketra.

#### 1- Fandanjalanjana sy fanafonana ireo fandaniana ara-ketra :

- Fanafonana ireo fanesoran-ketra amin'ny TVA ho an'ireo vokatra sasany (+12,83 lavitrisa Ariary) ;
- Fameranana ny fampiharana ny TVA :
  - amin'ireo zana-bola alain'ny Orinasa mpampindram-bola amin'ny famatsina amin'ny alalan'ny kitapom-bola na sonia omena ny mpanjifa (+116,64 lavitrisa Ariary) ;
  - amin'ireo fisoratana fifanarahana fiantohana (+ 14,76 lavitrisa Ariary) ;



- Fanafoanana ireo fanesoran-ketra amin'ny DA amin'ireo vokatra sasany (+76,42 lavitrisa Ariary).

## 2- Fampananana antoka ireo vola miditra avy amin'ny hetra :

- Fametrahana rafitra fakana ampaham-bola mialoha amin'ny DA amin'ny sigara novokarina teto an-toerana avy amin'ny ravim-paraky nafarana avy any ivelany ;
- Fanoritana mazava tsara :
  - ireo mason-tzivana momba ny fakitiora ara-dalàna ;
  - ny andraikitra amin'ny fitanan-kaonty ataon'ireo mpanondrana vokatra avy amin'ny fambolena sy ny ala ;
  - ny fanoratana ny sora-panekena mikasika ny tondram-pananana amin'ny ampahany enti-mihetsika ho an'ireo orinasa tsy mipetraka eto an-toerana ;
  - ireo paik'ady amin'ny fifanolanana sy fitakian-ketra ;
  - ny fahafahana manala ireo tamby ara-bola amin'ny fizaran-draharaha ;
  - ny fahafahana manala ireo zana-bola avy amin'ny fikirakiràna ireo vola enti-miasa anaty vondrona na anaty kaontin'ny mpiara-miombon'antoka ;
  - ireo dingana ampiarina amin'ny fanampiana ny famoriana ireo trosan-ketra vahiny ;
  - ireo andraikity ny Sampana misahana ny fifanakalozana angom-baovao mba handrakofana ihany koa ny fifanakalozana angom-baovao eto an-toerana ;
  - ny fanatataovan-ketra IPVI amin'ny tombony azon'ny olon-tsotra tamin'ny lavanty ampahibemaso ary koa ny andraikitr'ireo nahazo ny entana tamin'izany manolona io hetra io ;
  - ny fahataperan'ny paik'andro ara-ketra amin'ny fanoratana ho an'ireo fifanarahana momba ny famindran-tompo sy ny fifanarahana misy fepetra fampihantonana ;
  - ny fampiharana ny haba TVA mitsitapitapy amin'ny fisahanan'asa atao eto Madagasikara tanterahin'ireo olona tsy monina eto an-toerana ;
  - ny fanakanana ny karatra ara-ketra raha misy tsy fahavitana ireo andraikitra amin'ny fandoavan-ketra, ny sara sy ny haba voalazan'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra.

## 3- Fampahombiazana ny fitantanana ara-ketra :

- Fanohizana ny fampidirana ireo fepetra ara-ketra voafarit'ireo lalàna isan-tseha-pihariana ao anatin'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra sy ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra : lalàna momba ny fampitrosana fampanofana, lalàna momba ny filatsahana an-tsitrapo, lalàna mikasika ny fampiasam-bola vaventy amin'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany.
- Fanoritana mazava tsara :
  - ireo mason-tzivana amin'ny fonenana ara-ketra ;

- ny fahafahana manaisotra ny haba TVA tafiditra anaty DAT ;
  - ny tsy fandoavan'ireo olon-tsotra IR/IS amin'ireo tombom-barotra azo raha toa ka efa nangalana IPVI izany ;
  - ny tsy fakana IRSA amin'ny vatsim-bola tsy misy setriny, narotsaka ho an'ireo Mpilatsaka an-tsitrapo ;
  - ireo paika arahina amin'ny fanomezana laharam-pamantarana ireo mpandoa hetra misahana ny raharaha mila fanomezan-dalana ;
  - ireo fe-potoana ho an'ireo andraikitra amin'ny fanambarana sy ny fandoavana ny hetra ;
  - ny fanoratana ireo sora-panekena izay misy fifandraisana amin'ny sora-panekena iray na maromaro hafa ;
- Fandrindrana ny fahafahana manaisotra ny fiantohana ara-pahasalamana amin'ny IR sy ny IRSA ;
  - Fanitsiana ny hetra fandoa farafahakeliny ho an'ireo orinasa misehatra amin'ny solika sy ireo mpaninjara izany (+42,52 lavitrisa Ariary) ;
  - Fanalana amin'ny sehatra fampiharana ny IMP ireo tsena vatsian'ny tahiry amin'ny Andraikitra ara-tsosialy an'ireo orinasa (RSE) natao amin'ireo asa ho an'ny tombontsoa iombonana ;
  - Fanitsiana ho 10% ny haba TVA amin'ny fanafarana sy ny fivarotana entona fandrehitra sy ny fitoerany ;
  - Fanitsiana ny lamandy amin'ny fahefana mitaky fampahafantarana ;
  - Fandrindrana ny fomba famoriana sy ny fitanan-kaontin'ny IMP ;
  - Fanitsiana ny fampihenana ifotony amin'ny IS amin'ireo mpikambana amin'ny Foibem-pitantanana ankatoavina.

#### **4- Fanitàrana ny fototra hameran-ketra sy fampiroboroana ny fampidiran-ketra :**

- Fanamafisana ny fitakian-ketra ifotony amin'ny alàlan'ny fanohanan'ny Fitantan-draharaha ara-ketra ny Vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefàna (CTD) (+30,5 lavitrisa Ariary) ;
- Fametràhana ny haba alaina amin'ny fifanakalozana atao amin'ny alalan'ny finday (TTM) (+143 lavitrisa Ariary) ;
- Fanitsiana ireo sanda amin'ny Hetra tsy mivantana alaina amin'ny fandania (DA) amin'ireo paraky sy vokatra misy sy nasiana alikaola sasany (+61,25 lavitrisa Ariary) ;
- Fampiharana ny DA amin'ny fanafarana sy amin'ny famokarana eto an-toerana ireo vokatra vita amin'ny plastika (+15,5 lavitrisa Ariary) ;
- Fampiharana ny DA amin'ireo sigara elekitronika (+1,3 lavitrisa Ariary) ;

### II.1.1.3- MIKASIKA IREO FEPETRA ARA-PITANTANANA NY HETRA :

- Fanohizana ny fanaparahana ny rindran-baiko SAFI (+97 lavitrisa Ariary) ;
- Fanatsarana ny fitantanana, ny fanaraha-maso sy ny famoriana ny TVA amin'ny alalan'ny rafitra fanaraha-maso mitohy sy tatitra isam-bolana atao amin'ny mpamatsy vola, indrindra ny FMI (fepetra ao anantiny FEC), (+11,54 lavitrisa Ariary) ;
- Fanamafisana :
  - ireo asa ara-ketra mikasika ny mpisitraka tena izy (famoahana ampahibemaso ireo fifanarahana amin'ny tsenam-baro-panjakana, famantarana ireo mpisitraka, ...), indrindra ireo mikasika ny harena an-kibon'ny tany (+25 lavitrisa Ariary) ;
  - ny ady atao amin'ny kolikoly : fitsirihana anatin'ny amin'ny alalan'ny famakafakana ny tataom-pahavoazana arak'asa.

### **Tabilao : Fiantraikan'ireo fepetra ara-ketra laharam-pahamehana ho an'ny LFI 2025**

<i>Venty : Lavitrisa Ariary</i>		
N°	Fiantraikan'ny fandaniana ara-ketra nofoanana sy ny fepetra vaovao	Sora-bola
<b>Fepetra ara-ketra (1)</b>		<b>650,74</b>
1	Fanafoanana ireo fanesoran-ketra amin'ny TVA	144,23
2	Fanafoanana ireo fanesoran-ketra amin'ny DA	76,42
3	Haba alaina amin'ny fifanakalozana atao amin'ny alalan'ny finday (TTM)	143,00
4	Andraikitra amin'ny fampiasana ny faktiora amin'ny alalan'ny serasera aterineto	81,12
5	DA amin'ireo sigara elekitronika	1,30
6	Fampiakarana ny DA amin'ireo paraky sy vokatra misy sy nasiana alikaola sasany	61,25
7	Haba ara-tontolo iainana DA amin'ny ireo vokatra vita amin'ny plastika)	15,50
8	Famorina ireo hetram-bondrom-bahoaka ( IFT, IFPB)	30,50
9	Fanapahana am-potony ny IS an'ireo mpamokatra vokatra aondrana	18,50
10	Fametrahana ho azo tanterahana ny IREX	36,40
11	Fanavaozana ny Hetra fandoa farafahakeliny amin'ny vola miditra	42,52
<b>Fepetra ara-pitantanana ny hetra (2)</b>		<b>133,54</b>
12	Fanohizana ny fanabeazam-boho ny SAFI sy ny e-Hetra;	97,00
13	Fanatsarana ny fitantanana ny TVA	11,54
14	Fitsirihina ara-ketra	25,00
<b>TONTALINY (1) + (2)</b>		<b>784,28</b>

### II.1.2- FADINTSERANANA

Mandroso hatrany ny fanavaozana ny asan'ny Fandraharahana ny Fadintseranana mba hanamafisana ny fisirihana eo amin'ny tontolon'ny fandraharahana sy hanatsarana ny tontolon'ny fampiasam-bola.

Ankoatra izany, mikendry ny hanatsara ny fiaraha-miasa eo amin'ireo mpandray anjara samihafa ny Fandraharahana ny Fadintseranana, mba hanamora sy hanafaingana ny asa atao, ka hanatsara ny fampiharana ireo politikam-panjakana. Ny fanentanana sy fiarovana ny vola miditra avy amin'ny haban-tseranana dia mitana anjara toerana lehibe raha jerena ny fepetra noraisina.

Izany rehetra izany dia natao hanohanana ny fampandrosoana ara-toekarena maharitra eto Madagasikara ao anatin'ny tontolo miovaova sy mandroso hatrany, araka ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana.

**II.1.2.1- NY AMIN'NY FAMPIDIRAM-BOLA AMIN'NY HABAN-TSERANANA :**

Araka ny vinavinan'ny fanondranana indostrialy sy ny fanoloana ny fanafarana entana amin'ny famokarana eto an-toerana dia mitentina 4366 miliara Ariary no vinavinaina ho tafiditry ny Faditseranana ao amin'ny kitapombolam-panjakana. Ny 72% amin'izany fampidirana izany dia azo avy amin'ny fanafarana entana ankoatra ny solika, ary ny 28% kosa dia azo avy amin'ny fakan-ketra avy amin'ny fanafarana solika.

<b>Toetry ny haba sy ny hetra (Nature des droits et taxes)</b>	<b>Vinavinan'ny vola miditra (Prévision de recettes en milliers d'Ariary)</b>
Haban-tseranana (Droit de douane)	1 010 700 000
Hetra fanampiny amin'ny fanondranana (TVA à l'importation)	2 148 300 000
Haba amin'ny solika (Taxe sur les produits pétroliers)	326 000 000
Hetra fanampiny amin'ny vokatra avy amin'ny solin-tany (TVA sur les produits pétroliers)	879 000 000
Haba alaina amin'ny fitanterana an-tsambo (Droit de navigation)	1 900 000
Samihafa (Autres)	100 000
<b>Totaliny (Somme)</b>	<b>4 366 000 000</b>

**II.1.2.2- FEPETRA ARA-PANJAKANA**

Ny fepetra ara-panjakana dia mahakasika ny :

- Ny fametrahana ny « module Exonération » mba ahafahana mikirakira amin'ny alalan'ny informatika ny fanomezan-dalana ho an'ny fanafahana amin'ny sara sy ny haba, mba hiantohana sy hanaraha-maso amin'ny fomba mahomby ny fitantanana ny fandaniana hetra
- Ny fanamafisana ny fanaraha-maso ny faritra sy orin'asa afak'haba ataon'ny Sampandraharaha miandraikitra ny fitantanana sy ny fanohanana ary ny fanampiana azy ireo

**II.1.2.3- MIKASIKA NY FEHEZAN-DALÀNA MOMBA NY FADINTSERANANA :**

Ny fanovàna noentina tao anatin'ny fehezan-dalàna momba ny Fadintseranana dia mikendry ny :

- Fampidirana ny lalàna amin'ny fandrafetana ny Faritra ara-toekarena manokana
- Ny fampifanarahan'ny hetsika samihafa amin'ny fepetra momba ny hetra na tsy momba ny hetra avy amin'ireo andrim-panjakana hafa mba hifanaraka amin'ny politikan'ny Fadintseranana eo amin'ny fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana
- Fampidirana fepetra mikasika ny andraikitra fanamarinana ny niavian'ny entana, izay andraikitrin'ny Fandraharana ny Fadintseranana

- Fampidirana fepetra mandidy ny mpanafatra entana hanome vaovao marina sy azo antoka momba ireo singa fototra mandrafitra ny sandan'ny entana amin'ny fadintseranana, ary misy sazy mifanaraka amin'ny lalàna manan-kery raha tsy manaraka izany
- Fampidirana fepetra mikasika ny fepetra hisian'ny famotsoran-keloka raha tsy mbola manomboka ny asa fanagiazana ataon'ny Fandraharana ny Fadintseranana
- Famaritana mazava ny fepetra ao amin'ny andininy 124 ao amin'ny fehezan-dalàna momba ny Fadintseranana mba hanamafisana ny fomba fitantanana ny haba sy ny hetra amin'ny fanafarana entana
- Fanampiana fanazavana momba ny fomba atao amin'ny famindrana entana
- Fampanarahana fenitra ny fametrahana entana amin'ny fadintseranana sy ny fepetra mifandraika amin'ny entana simba noho ny antony tsy azo hanoharana
- Famerenana ny fanangonana ny hetra tsy mivantana ataon'ny mpiasan'ny fadintseranana amin'ny vokatry sasantsasany, ary ny fomba hanaovana izany dia hofaritan'ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana
- Fanitsiana ny sazy mikasika ireo andininy 359 sy 360
- Fanitsiana ireo hadisoana ara-materialy

#### II.1.2.4- MIKASIKA NY LAZAM-BIDY AMIN'NY FADINTSERANANA

Ny fanovàna momba ny lazam-bidy amin'ny Fadintseranana dia miompana amin'ny:

- **Famerenana ny haban-tseranana amin'ny taha 10% ary 20% ho an'ny TVA ho an'ny « Catamarans et bateaux de croisières » zana-tsokajy laharana 8901.10 90 ary amin'ny taha 20% ho an'ny haban-tseranana ary 20% ho an'ny TVA ho an'ny zana-tsokajy laharana 8903.21 00 / 8903.22 00 / 8903.23 00 / 8903.31 00 / 8903.32 00 / 8903.33 00 :**  
 Nanomboka ny taona 2023, ny fanalefahana ny haban-tseranana sy ny TVA amin'ny fanafarana sambo dia nitarika fitotonganana goavana tamin'ny isan'ny sambo nafarana, nahatratra hatramin'ny 90% izany fihenana izany raha oharina tamin'ny taona 2022. Talohan'ity fepetra ity, ny fanondranana dia nahatratra ny haavo ambony indrindra miaraka amin'ny haban-tseranana 10% hatramin'ny 20%. Na dia nantenaina aza ny fiakaran'ny fanondranana noho ny fanafoanana ny hetra, dia nahitana fihenana tamin'ny sanda fanafarana, izay midika fa nanapa-kevitra ny hampihena ny fividianana na ny fanafarana sambo ny mpanafatra. Ity toe-javatra ity koa dia nisy fiantraikany tamin'ny vola miditra amin'ny fanjakana, manasongadina ny vokatry ara-toekarena amin'ity « politique fiscale » ity.
- **Famerenana ny haban-tseranana amin'ny taha 5% ho an'ny haban-tseranana ary amin'ny taha 20% ho an'ny TVA ho an'ny kamiao, ny traktera an-dalana, ny “camions-citernes et remorques” zana-tsokajy laharana 87.01 / 87.04 / 87.16 :**

Nandritran'ny taona maro, ny kamiao, ny traktera misy kodiarana tokana, ny traktera andalana, ny "camions-citernes et remorques" izay voatanisa ao amin'ny zana-tsokajy laharana 87.01, 87.04, ary 87.16 dia nahazo fanalefahana haban-tseranana. Ity fanalefahana ity dia napetraka mba hanohana ny sehatry ny fitaterana sy ny logistika, ka nanamora ny fividianana sy ny fampiasana ireo fitaovana manan-danja ho an'ny fampandrosoana ara-toekarena. Na izany aza, ao anatin'ny ezaka maharitra hanavaozana sy hanazavana ny « ligne tarifaire », zava-dehibe ny manamarika fa ireo fiara ireo, izay tsy raisina ho fitaovana fambolena, ka iharan'ny hetra amin'ny taha 10%, araka ny politikan'ny hetra manan-kery hatramin'ny taona 2004.

- **Fanovana ny fanambarana DD ho TPP ary DDAPEi ho TPP APEi ho an'ny « huiles de pétrole » sokajy laharana 27.10 , fampifanarahana amin'ny taha 20% ho an'ny TPP ary amin'ny taha 20% ho an'ny TPP APEi, ary fampifanarahana ny TPP APEi ho an'ny zana-tsokajy laharana 2710.19 34 / 2710.19 39 /2710.91 00/ 2710.99 00 :**

Ny hetra amin'ny « lubrifiants » dia mitovy amin'ny « produits pétroliers » satria na dia ahitana akora samihafa aza ny « lubrifiants », dia avy amin'ny fampiasana ny menaka fototra avy amin'ny « dérivées du pétrol » no mahatonga azy ireo ho sokajiana ho tahaka ny « produits pétroliers ».

- **Fanasarahana zana-tsokajy mba hampifanaraka ny lazam-bidy amin'ny taha 20% ho an'ny haban-tseranana ho an'ny zana-tsokajy laharana 8471.30 00 / 8517.62 00 / 8534.00 00 / 9031.80 00, izay voasokajy ho entana azo ampiasain'ny mpanjifa avy hatrany ary ny lazam-bidy amin'ny taha 10% ho an'ny haban-tseranana ho an'ny zana-tsokajy laharana 8513.10 :**

Ity fepetra ity dia mikasika ny vokatra vita, indrindra ny entana lafo vidy sy avo lenta, toy ny fitaovana elektronika mandroso. Ireo vokatra ireo, manomboka amin'ny solosaina « portable » ka hatramin'ny sigara elektronika, izay maneho ny maha-zava-dehibe ny entana lafo vidy sy teknolojia avo lenta ao amin'ny tsena maoderina. Zava-dehibe ny mametraka politika mety hanara-maso ny fidirana, hanohana ny zava-baovao, ary hamaly ny filàna ara-toekarena sy teknolojika ao amin'ny fiaraha-monina.

- **Fanitsiana amin'ny taha 20% ho an'ny TVA ho an'ny « autres articles de robinetterie et organes similaires » zana-tsokajy laharana 8481.80 00, ho an'ny « pompe » zana-tsokajy laharana 8413.81 00 / 8413.91 00 ary ny « filets, gants, mitaines et moufles pour le sport » ho an'ny zana-tsokajy laharana 3926.20 10, 4203.21 00, 5608.19 10, 5608.90 10 :**

Ny fanitsiana ny taha ho 20% ho an'ny TVA dia fepetra manan-danja mikendry ny hamorona firindrana ao amin'ny rafitra hetra sy hiantohana ny fahamarinana eo amin'ny vokatra samihafa ao amin'ny tsena. Ity ezaka ity dia mikendry ny hanamora ny hetra amin'ny entana sy ny serivisy mitovy, ka manome antoka ny fifaninanana ara-drariny sy mitovy eo amin'ireo mpandraharaha ara-toekarena samihafa.

- **Famerenana ny haban-tseranana amin'ny taha 20% ary 20% ho an'ny TVA ho an'ny « autres verres de lunetterie en autres matières » zana-tsokajy laharana 9001.50 90 :**

Ny fampifanarahana ny politika nasionaly momba ny hetra dia manampy amin'ny famokarana eo an-toerana ary mandrisika ny asa any amin'ny sehatra indostrialy, manampy amin'ny fitomboan'ny toe-karena. Ny fanombanana indray ny haban-tseranana amin'ny taha 20 % amin'ny vokatry vita dia mikendry ny hiaro ny indostria nasionaly sady manamafy ny fanekena ny fenitra iraisam-pirenena.

- **Fanitsiana amin'ny taha 10% ho an'ny TVA ho an'ny « récipients pour gaz comprimés ou liquéfiés, en fonte ou acier » zana-tsokajy laharana 7311.00 00 :**

Ny mpandraharaha ara-toekarena dia afaka mitahiry ny « crédit TVA » rehefa manao fandanianana lehibe voatondro amin'ity hetra ity izy, raha toa ka tsy mandoa na manana tahan'ny hetra ambany ny varotra ataony. Zava-dehibe ny fanonerana haingana ireo vola ireo mba hitazomana ny « fluidité financière ».

- **Fanitsiana amin'ny taha 20% ho an'ny TVA ho an'ny « chaussures de sports : Chaussures à pointes, à crampons » zana-tsokajy laharana 6402.19 20 / 6403.19 10 / 6404.11 10 :**

Ny fametrahana « cadre fiscal » mitombina sy mazava, miaraka amin'ny fanamafisana ny hetra amin'ny vokatry mitovy, dia dingana manan-danja mba hiantohana fifaninanana aradrariny sy hamporisika ny fitomboan'ny toekarena. Ity fomba fanao ity dia tsy manampy ho an'ny fitokisan'ny orinasa sy ny mpanjifa fotsiny ihany, fa mandray anjara ihany koa amin'ny fahamarinan-toekarena amin'ny alàlan'ny fanangonana hetra mahomby.

Ny tanjona dia ny hisorohana ny fanakorontanana amin'ny fifaninanana izay mety hitranga raha toa ka mahazo tombony ara-hetra ny vokatry sasany raha oharina amin'ny hafa.

- **Fanasarahana zana-tsokajy laharana 8711.60 mba hampivavaka ny « bicyclettes et trotinettes électrique » amin'ny « motocycles électriques » :**

Ny hevitra hanasarahana ny bisikileta sy ny « trotinette » elektrika amin'ny « motorcycle » dia mifototra amin'ny fanamarihana fa izy ireo dia efa vahaolana maharitra amin'ny fitaterana. Rehefa ampiasaina tsy misy motera, dia mitandro ny tontolo iainana izy ireo izay tsy mitaky solika. Izany dia manampy amin'ny fampihenana ny « empreinte carbone » sy mandrisika ny fomba fitaterana tsara kokoa.

- **Fampifanarahana ny tahan'ny haban-tseranan'ny « APEi » ho an'ireo vokatry tafiditra ao anatin'ny lisitra « les produits d'exclusion » :**

Ny fanavaozana ny hetra dia dingana manan-danja ao anatin'ny fifanarahana fiaraha-miasa amin'ny APEi nosoniavin'i Madagasikara. Ity fifanarahana ity, mikendry ny hametraka fifandraisana ara-barotra milamina eo anivon'i Madagasikara sy ny mpiara-miombon'antoka aminy, dia ahitana fepetra manokana ho an'ny vokatry voasakana, ahafahan'i Madagasikara

miaro ny indostria eo an-toerana sasany raha mbola mifanandrify amin'ny fepetra takian'ny varotra iraisam-pirenena.

- **Fanasarahana sokajy laharana 4801.00 mba hamoronana zana-tsokajy ho an'ny « les déchets de papier journal » :**

Ity tetikasa ity dia mikendry ny hanamora ny fanomezana ireo indostria eo an-toerana amin'ny fako taratasy gazety mba hahafahana mamaly kokoa ny filan'ny orinasa izay miankina amin'ity karazana akora ity ho an'ny dingan'ny fanodinana sy ny famokarana. Ity fanasokajiana vaovao ity dia hahafahana manatsara ny fitantanana ny fitantanana ny fako, ary koa hampiroborobo ny faharetan'ny indostria eo an-toerana. Mamporisika ny fampiasana mahomby ny loharanon-karena sy hanampy amin'ny fampihenana ny fako ao amin'ny faritr'ity.

- **Fampifanarahana manaraka ny « politique tarifaire nationale » :**

Fomba entina mampandroso ny toekarena amin'ny fanasokajiana ireo vokatry sasany ho toy ny entana vita, entana anelanelany, na akora fototra, ary manasongadina ny filàna hiaro ny tsena nasionaly amin'ny fifaninanana avy any ivelany. Ity fampifanarahana ity dia manampy amin'ny famokarana eo an-toerana ary mandrisika ny asa ao amin'ny sehatra famokarana, manampy amin'ny fitomboan'ny toe-karena. Noho izany, ny fampiharana io modely io dia mikendry ny hiaro ny indostria nasionaly amin'ny alalan'ny fampiharana ireo tahan'ny hetra telo ireto dia 5%, 10%, ary 20% amin'ny politika hetran'ny fadintseranana.

- **Fanitsiana ny fahadisoana ara-materialy ary fanavaozana hifanaraka amin'ny « SH 2022 » :**

Ny fanitsiana ny hadisoana ara-materialy ao anatin'ny lazam-bidy Malagasy dia dingana manan-danja ho an'ny fanamafisana sy ny fanarahana ny Rafitra « Harmonisé » (SH) tamin'ny taona 2022. Ity dingana ity dia mikendry ny hanitsy ny tsy fitoviana amin'ny fanoratana ny zana-tsokajy, mba hiantohana ny fanasokajiana marina ny entana.

#### II.1.2.5- FIANTRAIKAN'NY FANOVANA

Ny fiantraikan'ny fanovàna amin'ny alalan'ny fepetra ara-panjakana dia tomanana ho 45,61 miliara Ariary.

Ny fiantraikan'ireo fanovàna ny lazam-bidy eo amin'ny fidiran-ketra dia mihoatran'ny 105,61 miliara Ariary ho an'ny taona 2025, izay mitsinjara toy izao :

- 15,50 miliara Ariary avy amin'ny famerenana ny haban-tseranan'ny « catamarans et bateaux de croisière » ;
- 14,38 miliara Ariary avy amin'ny famerenana ny haban-tseranan'ny kamio, traktera andalana, ny “camions-citernes et remorques”;
- 1,2 miliara Ariary avy amin'ny fanovana ny fanambarana ny « huile de pétrole » ;



- 23,7 miliara Ariary avy amin'ny fanasarahana zana-tsokajy mahakasika entana sasany toy ny vokatry ny teknolojika'ny fampahalalam-baovao izay azo ampiasain'ny mpanjifa avy hatrany ;
- 44,32 miliara Ariary avy amin'ny fampifanarahana manaraka ny « politique tarifaire nationale » ;
- 3,11 miliara Ariary avy amin'ny fanitsiana ny TVA ho an'ny « autres articles de robinetterie et organes similaires » ary ny « gants, mitaines et moufles pour le sport » ho an'ny zana-tsokajy laharana 3926.20 10, 4203.21 00, 5608.19 10, 5608.90 10 ;
- 2,2 miliara Ariary avy amin'ny fanitsiana nyTVA ho an'ny « récipients pour gaz comprimés ou liquéfiés » ;
- 1,2 miliara Ariary avy amin'ny fanitsiana ny TVA ho an'ny « chaussures de sports : Chaussures à pointes, à crampons ».

Araka izany, ny totalin'ny fiantraikan'ny fanovàna amin'ny alalan'ny fepetra ara-panjakana sy ireo fanovàna ny lazam-bidy eo amin'ny fidiran-ketra dia mitentina 151,22 miliara Ariary ho an'ny taona 2025.

## **II.2- FANDANIAMBOLAM-PANJAKÀNA**

### **II.2.1- Antontan-karama**

**Fitantanana tsara kokoa ho an'ny antontankarama : singa ara-stratejika ho an'ny fampandrosoana ara-toekarena an'i Madagasikara**

Ho an'ny taona 2025, ny tetibola natokana ho an'ny karama dia voafetra ho **3.846,40 miliara Ariary**, izay maneho fitomboana +31,86 miliara Ariary (+0,84%) raha oharina amin'ny taona 2024. Ity fitomboana ity dia vokatr'ireo antony mahazatra sy ny toe-javatra mandalo izay misy fiantraikany amin'ny antontankarama isan-taona.

Anisan'ireo antony mahazatra ny Tambikarama omena ireo mpiasa handeha hisotro ronono, ny tambikarama solon'ny fialan-tsasatra tsy nalaina, ny fisondrotana amin'ny toeranasana, ny fiovana sokajinasa, ary koa ny latsakemboka ara-tsosialy aloan'ny Fanjakana any amin'ny kitapombolan'ny fisotroandronono ho an'ny mpiasam-panjakana. Ireo antony mahazatra ireo dia misy fiantraikany mivantana amin'ny antontankarama.

Ny Volavolan-dalàna mifehy ny Fitantanam-bolam-panjakana 2025 dia mampiditra fepetra ara-stratejika telo fanampiny:

- **Fiverenan'ny fandraisana mpiasa mivantana** : Fampitomboana ny isan'ny mpiasa eny amin'ny Andrimpanjakana sy ny Ministera mba hamaly ny filàna amin'ny sehatra ara-

stratejika samihafa sy hanoloana ireo mpiasa lasa nisotro ronono, izay miantoka ny fitohizan'ny asa mitoetra ho laharam-pahamehana atolotry ny Fanjakana.

- **Fanamafisana ny fijoroana eo amin'ny sehatra ara-diplomatika** : Fanendrena ireo masoivoho, konsily ary mpiasampanjakana any amin'ireo firenena vahiny izay tsy nahitana izany teo aloha ary fanamafisana ny ekipa any amin'ireo masoivoho efa misy mba hanatsarana ny fahombiazana ara-diplomatikan'i Madagasikara.
- **Fampidirana fandoavana karama ao amin'ny Tetibola Ankapobeny** : Fiantohana ny karaman'ny mpiasa miisa 264 izay naloha tamin'ny tetibola anakina ho an'ny Fampandrosoana ny Nomerika, ny Paositra ary ny Fifandraisan-davitra, ary koa ny an'ny ELD miisa 86 avy amin'ny Ministeran'ny Tontolo lainana sy ny Fampandrosoana Lovain-jafy, izay novatsian'ny sokajy fahatelo "Tambikarama" teo aloha .".

Ireo hevitra ireo dia mampiseho ny finiavan'ny Fanjakana hitantana amin'ny fomba hentitra ny loharanonkarena tovozina amin'ny maha-olona, sady mifanaraka amin'ny filàna izay mitombo hatrany eo amin'ny asa omen'ny Fanjakana ny vahoaka. Araka izany, ny Governemanta dia mikendry ny fitantanana maharitra ny volam-panjakana, sady mitazona ny fahazotoana sy ny fahafaham-pon'ny mpiasam-panjakana.

#### **II.2.1- Kitapombola ho an'ny fisotroandronono :**

**Fanamafisana ny faharetana sy ny fifandanjana ara-bola eo amin'ny rafitry ny fisotroandronono ho an'ny mpiasampanjakana malagasy**

Ho an'ny taona 2025, fanampiana ara-bola mitentina **296,21 miliara Ariary** no hatokana ho an'ny Kitampombola ho an'ny Fisotroandronono Sivily sy Miaramila (CRCM), izay hahafahany manatanteraka ny andraikiny manoloana ireo mpikambana ao aminy. Ity fanampiana ity dia manamarika ny fitomboana + 17,86 miliara Ariary raha oharina amin'ny taona 2024, izay vokatry ny fitomboan'ny isan'ny mpisotro ronono izay haingana kokoa raha oharina amin'ny isan'ny mpiasa mbola miasa.

Manoloana io toejavatra io, ny Governemanta dia manohy ny paikadiny amin'ny fanatsarana ny rafitry ny fisotroandronon'ny mpiasampanjakana, izay manana ny tanjona fanamafisana ny fahafahana miantoka izany ara-bola. Fanavaozana lehibe maro, eo amin'ireo singa mpamaritra sy ara-drafitra no efa napetraka mba hiantohana ny fifandanjana maharitra, indrindra: (i) ny fanavaozana sy fanadiovana ny antontan'isa momba ireo mpandray fisotroan-dronono, izay manala ireo "mpandray fisotroandronono sandoka", (ii) ny fidiran'i Madagasikara ho mpikambana ao amin'ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny Fiahiana ara-tsosialy (AISS), izay mitondra tombontsoa ara-paikady sy ara-pratika ho amin'ny fitantanana tsaratsara kokoa ny kitapombola ho an'ny fisotroandronono, (iii) ny fanefana ny trosa tsy voaefa momba ny latsakemboka tokony naloan'ny mpampiasa mba hiantohana ny fanarahandalàna amin'ny latsakemboka eo amin'ny rafitry ny fisotroan-dronono, ary (iv) ny fanefana ny latsakemboka izay miandry baiko ho an'ny famerenana izany avy amin'ny Tahirimbolam-panjakana mba hampitomboana ny loharanom-bolan'ny kitapombolan'ny fisotroandronono.

Ireo fanavaozana ireo dia mikendry ny fiantohana ny fahamarinan-toerana eo amin'ny rafitry ny fisotroandronon'ny mpiasampanjakana sy ny fizarana ara-drariny ny tombontsoa ho an'ny mpandray fisotroan-dronono rehetra.

Ny Governemanta dia manohy hatrany ny ezaka ataony, ka miahy ny faharetan'ny rafitry ny fisotroan-dronono mifototra amin'ny fifampizakana (par repartition), sady mampifanaraka ireo fepetra momba ny fiahiana ara-tsosialy amin'ny zava-misy ara-toekarena eto amin'ny firenena, anatin'ny fironana amin'ny fitantanana hentitra sy mangarahara.

### **II.2.1- Fandaniana ho an'ny fampandehanan-draharaha ankoatran'ny karama ary ny fandaniana ho an'ny fampiasam-bolam-panjakana**

#### **Lalantsaina amin'ny fandrindrana ny fandaniana ankoatra ny karama**

Ny fifehezana ny fandaniana dia lokan'ady iray mba hiantohana ny fitantanam-bolam-panjakana mahomby izay manambatra ny fitohizan'ny fitomboan'ny harikarena sy ny fifandanjan'ny tetibola. Noho ireo fanamby misy ankehitriny, ny fanjakana dia mikendry ny hanamafy ny fahafahana misitraka ireo tolotra ara-tsosialy fototra —anisan'izany ny fahasalamana sy ny fanabeazana— ary koa ny angovo, ny rano ary ny fotodrafitrasa isan-karazany. Izany no antony nisafidianan'ny governemanta ny hanome laharam-pahamehana ny fandaniana amin'ny fampiasam-bola miteraka fotodrafitrasa izay miaraka amin'ny fitandroana mba hitazona ny tsy fahampiana eo am-piandohana ankapobeny mahatratra 2,9 % amin'ny HAF.

#### **Fandanjalanjana ny fandaniana ho an'ny fampandehanan-draharaha ankoatran'ny karama**

Ny sehatry ny **fambolena** dia anisan'ny laharam-pahamehana ho an'ny fanjakana, ary fototra lehibe amin'ny fitomboana ara-toekarena, satria mifandray mivantana amin'ny ankamaroan'ny mponina. Ny tanjona napetraka ho an'ny taona 2025 dia ny hahatratra vokatry fanampiny milanja iray tapitrisa taonina.

Mba hahatratrarana izany dia hisy tetik'asa fampiasam-bola lehibe mifanaraka aminy, izay hatomboka amin'ny famatsiam-bola anatin'ny ivelany. Ao anatin'io tanjona io, ny fahavitan-tena ara-tsakafo dia anisan'ny laharam-pahamehana indrindra, satria mikendry ny ho lasa sompitra ho amin'ny famokarana vary ho an'i Afrika i Madagasikara. Hatao laharam-pahamehana koa: (i) ny famokarana vary amin'ny alalan'ny fampiasana masomboly safiotra, ny fampitaovana sy ny fanavaozana ny teknika ara-pambolena PFUMVUDZA, ary ny fametrahana ozinina mpamokatra zezika; (ii) ny fanohizana ny tetik'asa « Titre Vert » sy Ankohonana Miarina; (iii) ny fanarenana ny tohodrano sy ny faritra ahazoana rano ho an'ny fambolena; (iv) ny fanovana ho amin'ny rafitra fambolena maharitra; ary (v) ny fampivoarana ny fiompiana hazandrano any amin'ny faritra avo sy ny morontsiraka atsimo atsinanana eto Madagasikara.

Ankoatra ny tanjona hanatsarana ny famokarana vary, dia hisy fandaharan'asa hapetraka miaraka amin'ny mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola amin'ny sehatry ny rafitra fambolena maharitra. Anisan'izany ny "Programme d'Appui au Développement Durable et Intégré des Communautés et des Écosystèmes à Madagascar (PADDI)", izay mikendry ny hampihena ny tsindry

amin'ireo faritra voaaro amin'ny alalan'ny fanatsarana ireo tolotra ekôsystemika ho tombony ho an'ny fiarahamonina mivelona ao an-toerana; ny tetik'asa « Systèmes et Politiques Agricoles Durables (AgSys) », izay mifantoka amin'ny dingana fanovana mankany amin'ny rafitra fambolena maharitra; ny tetik'asa "Aquaculture pour la Sécurité Alimentaire de Madagascar (ASAM)", izay manampy amin'ny fampandrosoana ireo asa rehetra mifandraika amin'ny fiompiana hazandrano; ary farany, ny tetik'asa "Pôle de Développement Agricole" any amin'ny morontsiraka havanan'i Mangoky (lâlambe famatsiana rano, tohodrano, rafitra fitantanana ny rano sy fitehirizana ny vokatra).

Amin'ny sehatry ny **Angovo**, dia hohamafisina kokoa ny fiampitana mankany amin'ny angovo azo havaozina, mba hialana amin'ny fianteherana amin'ny angovo azo avy amin'ny hafanana, amin'ny alalan'ny fanohizana ny fametrahana toby famokarana angovo avy amin'ny masoandro misy herinaratra 50 MW sy ny fametrahana toby fanampiny izay hamokatra, amin'ny farany, herinaratra 250 MW; ny fanodinana ny fako ho angovo izay mety hamokatra 20 hatramin'ny 30 MW; ny fanamboarana toby mamokatra angovo avy amin'ny rivotra 30 MW ary ny fanamboarana ny fitaterana izany. Ankoatra ireo loharanon'angovo ireo, dia hisy koa ny fanamafisana ny tohodrano mpamokatra herinaratra ao Mandraka amin'ny alalan'ny tetik'asa Mandraka III ary ny tetik'asa Volobe izay mikendry ny hampitombo ny famokarana herinaratra miandalana. Ankoatra izany, ny fanentanana amin'ny fampiasana fandrahoana madio any amin'ny tokantrano dia hapetraka amin'ny alalan'ny tetik'asa Smart Clean Cooking (etanol, biogaz, charbon écologique). Farany, ny fizarana ireo fitaovana mandeha amin'ny herin'ny masoandro amin'ny alalan'ny tetik'asa « Hazavana ho anao » dia hotohizana sy hanamafisana amin'ny fanomezana ireo fitaovana mamokatra 3 KW.

Ny fanatsarana sy ny fanavaozana ny **fotodrafitrasa fototra** dia antoka ho an'ny fampandrosoana ara-toekarena, ahafahana mampitombo ny fifamoivoizana, manatsara ny fivezivezena manerana ny nosy ary manamora ny varotra amin'ny alalan'ny fanatsarana ny vidin'ny fitaterana (lâlambe, lalana nasionaly, tetezana vy, lalamby, sns.). Mba hahatratrarana izany, dia hotohizana ny asa lehibe mifandray amin'izany, anisany ny lalam-pirenena toy ny RN13, ny lâlambe migodana Antananarivo – Toamasina, ny tetik'asa Flyover Anosizato sy Kianja Maki Andohatapenaka, ny tetik'asa « Projet d'Aménagement de Corridors et de Facilitation du Commerce (PACFC Phase III) » ary ny tetik'asa « Lake Village Ivato ». Ankoatra izany, ny fanavaozana ny sehatry ny fitaterana dia hohatsaraina amin'ny fanohizana ny tetik'asa « Train urbain » sy Fitaterana amin'ny alalan'ny tariby, ary tsy hohadinoina ny fiaraha-miasa vaovao amin'ny « Global Environment Facility (GEF) » ho fanomezana fiara elektrika sy ny tetik'asa famerana ny fandotoana entona karbonika ao amin'ny sehatry ny fiaramanidina eto Madagasikara, izay arahin'ny Banky Iraisam-pirenena.

Mba hanamaivana ny tsy fahampian'ny famatsiana **rano**, dia hotohizana ny fanamboarana ny fantsona Efaho any atsimon'i Madagasikara, ary koa, hohatsaraina ny tetik'asa fanatontosana ny fizarana rano fisotro madio any amin'ny faritra hafa amin'ny alalan'ny fametrahana lavadrano sy ozinina fanadiovana rano, indrindra mba hanamafisana ny fidirana amin'ny rano fisotro madio sy hiarovana ny fahasalamam-bahoaka. Ity hetsika ity dia tohanana amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa amin'ny mpiaramiombon'antoka ara-teknika sy ara-bola, amin'ny alalan'ny tetik'asa toy ny « Projet d'Expansion et d'Amélioration du Système d'Approvisionnement en Eau (EASAE) » any Toamasina, izay mikendry ny

hanangana tolotra famatsiana rano madio sy maharitra miaraka amin'ny fiaraha-miasa amin'i Japon; ary ny tetik'asa fanangonana, fiarovana, fanomezana lanja ny loharanon-drano ary fanamafisana sandan-tohitra amin'ny fiovan'ny toetrandro miaraka amin'ny Banky Afrikana ho an'ny Fampandrosoana (BAD).

Farany, ary tsy kely, ny fanamafisana ny **loharanon-karena maha-olona**, izay miteraka mpiasa matihanina, dia manana anjara toerana manan-danja amin'ny vina stratejikan'ny fanjakana. Noho izany, ny tetik'asa sosialy dia hapetraka manerana ny nosy, anisan'izany ny fametrahana ivon-toerana fanofanana faobe amin'ny sehatry ny fampianarana teknika, ny fampandehanana ireo ivon-toerana fitsaboana isan-karazany, ny fanomezana vaksiny sy ny ady amin'ny areti-mifindra, ny fizarana "karinem-pokontany" misy kaody QR, ny fanohizana ny fanamboarana sekoly sy ny fanomezana fitaovana (kits scolaires, ...); ny tohana ara-bola ho an'ny sekoly sy ny efitrano fisakafoanana any antsekoly. Amin'ity tanjona ity ihany koa, ny Banky Iraisam-pirenena sy ny BAD dia mandefa vola amin'ny tetik'asa EAGER na Fandaharan'asa fanamafisana ny fahaleovantena sy ny fahaiza-miatrika ny fahasahian'ny zazavavy ao amin'ny faritra atsimon'i Afrika, sy PROTAMA na fanamafisana ny fahaiza-manao ho an'ny asa sy ny fandraharahana ho an'ny tanora eto Madagasikara.

Anisan'ny fanamby lehibe amin'ny fitantanana ara-bola ho an'ny fanjakana ny fifehezana ny fandania ho an'ny fampandehanana ireo sampan-draharaha, ankoatra ny fanomezana laharam-pahamehana ny fandania ho amin'ny fampiasam-bola. Mba hampifandanjana io fepetra io amin'ny tanjona ampitomboina ny harena sy fampandrosoana, dia nisy ny fanatsarana sy fanarahamaso ny fizarana ny teti-bola. Noho izany, tsy nisy fiakarana nampiharina tamin'ny fitambaramben'ny teti-bola ho an'ny fampandehanana ireo sampan-draharaha, ho an'ny taom-panantanterahana teti-bola 2025, izay natokana ho an'ny Andrim-panjakana sy Ministera. Ity fepetra ity dia mikendry ny hanamafy ny fitantanana mahomby ny vola ampiasain'ny fanjakana, mba hahazoana antoka fa hitohy hatrany ny asa aman-draharaham-panjakana, sady mitahiry ny fifandanjana ara-bola. Ao anatin'izany, ireo sora-bola natokana ho an'ny fety sy lanonana dia esorina. Na izany aza, misy fandania izay tsy azo isorohana izay tokony ho tafiditra amin'ny teti-bola ho an'ny taona 2025, anisan'izany ny fandania mifandraika amin'ny fandraisana ny Fihaonamben'ny SADC.

### **II.3- NY TROSAM-PANJAKANA**

#### *TROSA IVELANY*

Vinavinaina ho 1 195,1 miliara Ariary ny fitambaran'ny vola ho efaina ato amin'ny volavolandalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana 2025 voalohany. 880,9 miliara Ariary amin' izany no renivola ary mitotaly 314,2 miliara Ariary kosa ny zanabola.

#### *TROSA ANATINY*

Ny trosa anatiny dia ahitana indrindra ny zanabola efaina amin ny taratasimbola-mpanjakana sy ireo mifanaraka amin' ny findramambola atao amin ny Banky Foibe. Ny fandania amin'ny fandoavana ny zanabola amin'ny trosa anatiny ho an'ny taona 2025 dia ahatratra 442,2 miliara Ariary.

Ny tahan'ny zanabola fanefana ny taratasimbolam-panjakana amin'ny ankapobeny dia tomanana ho 13,0%.

#### **II.4- NY KAONTY MANOKAN'NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKÀNA**

Mahakasika ny kaontin'ny fampindramambola dia misy sorabola 334,2 miliara Ariary hofaritana ao amin'ny tetibola 2025, ka ny 226,7 miliara Ariary dia mifandraika amin ny fampindramambola avy any ivelany ho an an'ny orinasa SPAT mahakasika ny tetikasa fanitarana ny seranatsambon'i Toamasina ary 35,8 miliara Ariary ho an'ny orinasa JIRAMA mahakasika ny tetikasa « *JIRAMA Andekaleka Hydro Expansion* ».

Ny fandraisan'anjaran'ny fanjakana ao amin'ny renivolan'ny orinasa dia mitotaly 781,8 miliara Ariary ao anatin'ity volavolan-dalàna mifehy ny tetibolam-panjakana 2025 ity ka ny 35,5 miliara amin'izany dia atao amin ny orinasa eto antoerana ary ny 746,3 miliara Ariary dia ho an'ny vondrona iraisam-pirenena. Ny kaotin'ny fandraisan'anjaran'ny fanjakana ao amin ny renivolan'ny orinasa dia voamariky ny fampidirana ao anatin'ny tetibolam-panjakana ny fiakaran'ny fandraisananjaran'i Madagasikara amin'ny renivolan'ny Tahirimbola iraisam\_pirenena (FMI) izay mitentina 122,2 tapitrisa DTS.

Ny kaontin'ny fisotroandronono dia hifandanja 1 083,5 miliara Ariary ny vola miditra sy ny fandaniana.

#### **II.5- NY VOLA ATERAKY NY FANOMEZANA SY NY FANAMPIANA AVY ANY IVELANY**

Ny vinavinan'ny vola miditra avy amin'ny vola ateraky ny fanomezana sy fanampiana avy any ivelany dia hitentina 4,6 miliara Ariary amin ny taona 2025. Ny fandaniana hanam-pamokarana atao avy amin'ireo vola azo teo aloha kosa dia hovinavinaina 8,9 miliara Ariary.

#### **II.6- NY FAMADIHANA HO RENIVOLA NY TROSAM-PANJAKÀNA**

Ny fanentsemana ny fatiantoka anatin'ny ara-tetibolan'ny Fanjakana dia hotanterahina amin'ny fivarotana taratasim-bola eo amin'ny sehatry ny banky sy ny ivelan'ny banky amin'ny ankapobeny. Hahatratra 1 924,6 miliara Ariary ny vola handrandraina hiditra raha toa ka 1 821,6 miliara Ariary ny famerenana trosa ho atao. Noho izany dia hitombo 103,0 miliara Ariary ny antontan-trosan'ny Fanjakana amin'ny taratasim-bola mandritra ny taona 2025.

Ankoatr'izay ny tahirimbolam-panjakana dia hanao avansy amin'ny Banky Foiben'i Madagasikara.

Raha mahakasika ny famoaham-bola ho an'ireo tetik'asa kosa indray dia heverina ho 3 714,3 miliara Ariary izany ho an'ny volavolan-dalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana 2025 raha toa ka noeritreretina ho 2 488,3 miliara Ariary izany tamin'ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana 2024 nasiam-panitsiana.

Ny fanampiana ara-tetibola avy amin'ireo mpiara-miombonantoka avy any ivelany, amin'ny alalan'ny fampindramambola dia mitontaly 314,1 miliara Ariary amin ny taona 2025, izay avy andrasana avy amin'ny Banky Afrikana ho an'ny Fampandrosoana (BAD), ao anatin'ny fandaharan'asa fanohanana ny fampivoarana ny fitantanana ara-toekarena (PARGE II) dia 50,0 tapitrisa UC.

Hahazo famatsiam-bola avy amin'ny FMI i Madagasikara ao anatin'ny fandaharan'asa tohanan'ny FEC sy ny FRD. Araky ny fandaharam-potoanan'ny famoaham-bola sy ny jery toman' ny fifanarahana amin'ny fandaharanasa dia mitentina 1 100,4 miliara Ariary ny vola ho azo amin'ny taona 2025 ka 72,7 tapitrisa DTS ny avy amin'ny FEC ary 101,8 tapitrisa DTS ny FRD.

Toy izany no antonanton'izao volavolan-dalàna izao.

## **NY MINISITRY NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA**

**VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA -022/2024**  
**MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY**  
**FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA**  
**HO AMIN'NY TAONA 2025**





**VOLAVOLAN-DALÀNA LAHARANA FAHA –022/2024  
MOMBA NY LALÀNA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKÀNA HO  
AMIN'NY TAONA 2025**

**I- FEPETRA MIKASIKA NY HETRA**

**ANDININY VOALOHANY**

Raha tsy mifanohitra amin'ny fepetra voalazan'ity lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana ity dia hatao manaraka ny didy aman-dalàna manan-kery ny fandrotsahana ho an'ny Tetibolam-panjakana sy ho an'ny Vondrom-bahoakam-paritra, ny hetra, ny sara aman-kaba amin'ny hetra sy fadintseranana ary koa ny vokatry ny fidiram-bolam-panjakana amin'ny taona 2025.

**ANDININY FAHA-2**

**FEHEZAN-DALÀNA MOMBA NY HETRA SY NY PAIKA ARAHINA ARA-KETRA**

**ANDININY FAHA 2.1**  
**FEHEZAN-DALÀNA MOMBA NY HETRA**

Ny fepetry ny Fehezan-dalàna momba ny hetra dia ampiana sy ovàna toy izao manaraka izao :

**BOKY I**  
**HETRAM-PANJAKANA**  
**FIZARANA VOALOHANY**  
**HETRA ALAINA AMIN'NY VOLA MIDITRA SY NY TOA AZY**  
**LOHATENY I**  
**HETRA ALAINA AMIN'NY VOLA MIDITRA**  
**ZANA-DOHATENY I**  
**HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA (IR)**  
**TOKO II**  
**SEHATRA AMPIHARANA**  
**SOKAJY III**  
**FAMARITANA NY FARITANY AMPIHARANA NY HETRA**

**Andininy 01.01.04.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

“ Ho fampiharana ny fepetra voalazan'ny andininy 01.01.02 etsy aloha, dia heverina ho azo teto Madagasikara :

1° Ny vola niditra rehetra azon'ireo rafitra manana zo aman'andraikitra izay manana **fonenana ara-ketra** eto Madagasikara, na avy aiza na avy aiza fiaviany ;

2° Ny vola niditra na avy aiza na avy aiza fiaviany ary na inona na inona karazany, azon'ireo olon-tsotra **manana fonenana ara-ketra** eto Madagasikara. Ny dikan'ny hoe Madagasikara eto dia ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ireo fari-dranomasina ananany zo ;

3° Ireo vola miditra avy amin'ny :

a- fananana **mipetraka eto Madagasikara** na ireo zo mifandraika aminy ;

b- fivarotana ny fanamarinam-pikambanana ao amin'ny fikambanana ka ny ampahany na manontolo amin'ny sandany dia azo mivantana na an-kolaka avy amin'ny fananana mipetraka eto Madagasikara na avy amin'ireo zo mifandraika amin'izany ;

4° Ny vola niditra avy amin'ny asa fitadiavam-bola sy raharaha na lahasa manana endrika fitadiavana tombony, natao teto Madagasikara ary koa izay rehetra loharanon-tombontsoa teto Madagasikara ;

5° Ny vola avy tamin'ny loharanom-bola **malagasy** azon'ireo olon-tsotra na rafitra manana zo aman'andraikitra ka tsy manana **fonenana ara-ketra** eto Madagasikara, tsy tafiditra amin'izany ireo vola miditra avy tamin'ny sandan'ny fananana izay efa niharan'ny hetra alaina amin'ny fitomboan-karena avy amin'ny fananana mitera-bola (IRCM).”

## SOKAJY IV OLONA IHARAN'NY HETRA

### **Andininy 01.01.05.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

*“ Ireo rafitra mizaka zo aman'andraikitra sy ireo olon-tsotra **manana fonenana ara-ketra eto Madagasikara** mahafeno ireo fepetra napetraky ny andininy 01.01.02 dia iharan'ny hetra alaina amin'ny vola miditra amin'ny fitambaran'ny vola izay miditra amin'izy ireo.*

**Heverina ho toy ny manana fonenana ara-ketra eto Madagasikara :**

**1° Ireo rafitra mizaka zo aman'andraikitra manana foiben-toerana sy/na foibem-pitantana raikitra ao ;**

**2° Ireo olon-tsotra izay :**

**- manana ny toeram-pivahinianany maharitra eto Madagasikara, ka 183 andro ny fitambaran'izany ao anatin'ny roambinifolo volana ; na**

**- manao asa fitadiavam-bola maharitra eto Madagasikara ; na**

**- manana ny ivon'ny tombontsoany ara- toekarena eto Madagasikara.**

*Ireo fepetra sy fomba arahina amin'ny fanomezana ny taratasy fanamarinam-ponenana ara-ketra dia faritan'ny didy amam-pitsipika.*

*I-lharan'ny hetra alaina amin'ny vola miditra ireo mpiombon'antoka mpitantana manana ny ampaham-bola betsaka na ohatrinona na ohatrinona karamany.*

*Atao hoe mpiombon'antoka mpitantana manana ny ampaham-bola betsaka, ireo mpiombon'antoka mpitantana, na araka ny lalàna na araka ny zava-misy ka manana ny ampahany betsaka amin'ny renivola, ireo anjara tanany avy amin'ireo ray aman-dreny sy zanaka amin'ny fizanahana mivantana amin'ireo mpitantana ary koa avy amin'ireo vadiny dia sokajiana ho toy ny fananany manokana.*

*Atao hoe mpitantana araka ny zava-misy ireo olona izay manana andraikitra ao amin'ny orinasa izay hananany renivola amin'ny anarany manokana na amin'ny alalan'ny olona hafa araka ny voalazan'ny andalana etsy aloha.*

*II- Ireo olona manana **fonenana ara-ketra** ivelan'i Madagasikara dia iharan'ny hetra noho ny fananany loharanom-bola malagasy araka ny voafaritry ny andininy 01.01.04. Iharan'ny hetra voalazan'ity lohateny ity ihany koa, ireo olona izay manana na tsia fonenana **ara-ketra** eto Madagasikara ka mahazo tombom-barotra na vola miditra izay akana hetra eto Madagasikara amin'ny alalan'ny fifanarahana hifanaovan'ny firenena roa na iraisam-pirenena mikasika ny fakan-ketra indroa miantoana.*

*III- Iharan'ny hetra amin'ny vola miditra, ny olona rehetra tsy manana laharam-pamantarana, araka ny fepetra voalazan'ireo andininy I-01 sy I-02 amin'ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra izay manao fanafarana sy fanondranana entana.*

IV- Ireo olon-tsotra tsy manana laharam-pamantarana, monina na tsia, ireo rafitra mizaka zo aman'andraikitra **tsy manana foibe** eto Madagasikara, manana vola miditra araka ny voafaritry ny andininy 01.01.04 3° b, dia iharan'ny hetra amin'ny vola miditra.

V- Ireo olon-tsotra na rafitra mizaka zo aman'andraikitra misehatra amin'ny fampianarana na ohatrinona na ohatrinona vola miditra amin'izy ireo dia iharan'ny hetra amin'ny vola miditra amin'ny fitambaran'ny vola miditra aminy. Ireo olona misehatra amin'ny asan'ny fahasalamana dia afaka misafidy ny fandoavana ny hetra amin'ny vola miditra eny am-piforonany. Ny fomba fampiharana ireo fepetra ireo dia faritan'ny didy amam-pitsipika.

VI- Ireo olon-tsotra na rafitra mizaka zo aman'andraikitra manao fanondranana ireo vokatra avy amin'ny fambolena sy ny ala, na ohatrinona na ohatrinona ny vola matiny sy/na ny vola miditra aminy isan-taona dia iharan'ny hetra amin'ny vola miditra amin'ny fitambaran'ny vola miditra aminy. ”

## TOKO IV FOTOTRA AMERANA NY HETRA

### Andininy 01.01.10.-

a) Ampidirana paragirafy faharoa izay mirija toy izao aorin' ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity :

**“ Raha misy tranga fivarotana fifanarahana fampitrosana fampanofana , ny tombom-bidy nataon'ny mpitrosa mpanofa dia andoavana hetra amin'ny vola miditra raha tsy hoe fifanarahana mikasika ireo fananana mifaka namidin'ny olon-tsotra izay ampiharana ny fepetra voalazan'ny andininy 01.05.02 amin'ity Fehezan-dalàna ity.”**

b) Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ny andalana voalohany ao amin'ny 1° amin'ity andininy ity :

**“ 1° Ireo fandaniana rehetra, ireo raharaha tany ivelany, sy ireo raharaha hafa tany ivelany, ny fizakana ny mpiasa sy ireo fandaniana mahazatra samihafa ary koa ny fividianana entana sy raharaha mifandraika amin'ireo asa voalazan'ny andininy 01.01.05–II sy 01.02.02-II izay niharan'ny fakana ifotony sy fandrotsahana ny hetra alaina amin'ny vola miditra na hetra tambatra. Na izany aza, ny fandoavan'ny orinasa ny hetra amin'ny vola miditra amin'olon-tsotra izay tokony nefain'ny mpiasa iray na maro dia tsy azony esorina amin'ny tombom-barotra, ankoatra ny mbola itakiana ny hetra amin'ilay vola mifanaraka amin'io hetra io amin'ny anaran'ilay olona nisitraka azy. Ny karama mifanentana amin'ny asa natao ihany sady tsy mihoatra ny tokony ho izy raha jerena araka ny raharaha vita, ireo **tambin-karama omena amin'ny fianaran-draharaha** ary koa ireo **tambin-karama omena** ireo mpisotro ronono na inona na inona fiantsoana izany, tafiditra ao ny vola mihoatra ny karamany herintaona izay efa nandrotsahana IRSA ihany no azo esorina amin'ny tombony hakana hetra.”**

d) Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ny tsipika voalohany ao amin'ny 1° amin'ity andininy ity :

**“ - Ireo karama na ampahan-karama tsy nanaovana fanambarana mitohy izay takian'ny CNaPS na antokon-draharaha toa azy sy/na tsy nanaovana fandrotsahana ny hetra amin'ny vola miditra amin'ny olon-tsotra raha tsy nafahana tamin'ny hetra izy ireo.”**

e) Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ny andalana faha-3 ao amin'ny 4° amin'ity andininy ity :

**“ Na inona antony, ny raharaha ara-bola ao anatin’ny vondrona na amin’ny kaonty kirakiran’ny mpiombon’antoka dia tsy maintsy atao amin’ny alalan’ny fifanarahana voarakitra ara-dalàna sy vita fitanan-kaonty ara-dalàna, miaraka amin’ny fitanana an-tsoratra nankatoavin’ny fivoriambe araka ny fepetr’ireo andininy 376 sy 377 ny lalàna laharana faha 2003-036 tamin’ny 30 janoary 2004 mikasika ireo orinasa ara-barotra.”**

## **TOKO VII FIKAJIANA NY HETRA**

### **Andininy 01.01.14.-**

Ovanà toy izao ny rijan-tenin’ny andalana faha 9 ao amin’ny A- amin’ny I- amin’ity andininy ity :

*“ Na izany aza, io hetra farany ambany io dia natao ho :*

**- Ar 1 000 000, tataovana 7 isan’arivon’ny vola maty afaka haba tamin’ny taom-piasana ho an’ireo orinasan-tsolika ;**

**- 1 isan’arivon’ny vola maty afaka haba azo nandritra ny taom-piasana ho an’ireo mpandoa hetra mivarotra solika amin’ny antsinjarany.**

*Raha toa izy ireo ka manao asa isan-karazany iharan’ny hetra, dia tsy maintsy anaovana fitanan-kaonty sy fanambarana misaraka amin’ilay varotra solika antsinjarany ary ampiharana ny hetra fandoa farafahakeliny mifanaraka amin’ny asa atao.”*

## **TOKO X ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA**

### **Andininy 01.01.20.-**

Ampidirana paragirafy farany izay mirija toy izao any amin’ny faran’ity andininy ity:

**“Amin’ny resaka fampitrosana fampanofana, ny fikarakarana ara-ketra amin’ny firaharahana mifandraika amin’izany manoloana ity Fehezan-dalàna ity dia mandray ny fenitry ny fitanan-kaonty sy ny fanombanana voafaritry ny Drafitra fitanan-kaonty ankapobe 2005.”**

### **Andininy 01.01.21.-**

Ovànà toy izao ny rijan-tenin’ny paragirafy voalohany amin’ity andininy ity :

**“ Ireo orinasa izay mahazo vola avy amin’ny fananan-tany, avy amin’ny fitaterana, avy amin’ny anton-draharaha mahaleo tena, avy amin’ny ny asan’ny fahasalamana, avy amin’ny asampanabeazana, avy amin’ireo fanondranana vokatry avy amin’ny fambolena sy ny ala ary ireo vola azo avy amin’ny asa matihanina hafa, dia tsy maintsy manao taratasy sy filazana miavaka amin’ireo fidiram-bola ireo, isaky ny faran’ny taom-piasana. ”**

**ZANA-DOHATENY III  
HETRA AMIN'NY TSENAM-BARO-PANJAKANA**

**TOKO II  
SEHATRA FAMPIHARANA**

**SOKAJY II  
VOLA MIDITRA TSY IHARAN'NY HETRA**

**Andininy 01.01.46.-**

Ampiana tsipika roa vaovao izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity :

*“ - Ireo vola miditra amin'ny mpamatsy entana na asa aman-draharaha avy amin'ireo tsenam-barotra vatsian'ny tahiry amin'ny “Andraikitra ara-tsosialin'ny orinasa (RSE)” natao amin'ireo asa ho an'ny tombontsoa iombonana ;*

*- Ireo vola miditra amin'ny mpamatsy entana na asa aman-draharaha avy amin'ireo tsenam-barotra na fifanarahana ataony miaraka amin'ny Banky Foiben'i Madagasikara. ”*

**LOHATENY II  
HETRA TAMBATRA**

**TOKO III  
FOTOTRA AMERANA NY HETRA**

**SOKAJY I  
FOTOTRA HAKANA NY HETRA**

**Andininy 01.02.04.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy farany amin'ity andininy ity :

*« Na izany aza, ireo mpikambana amin'ny foibem-pitantanana ankatoavina iharan'ny hetra tambatra dia misitraka ny fampidinana 50 isan-jato amin'ny fototra hakana ny hetra izay tsy tokony hihoatra ny **Ar 10 000 000** araka ireo fepetra sasan-tsasany voafaritry ny fitsipi-dalàna. »*

**TOKO V  
ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA**

**Andininy 01.02.07.-**

Ampidirana paragirafy fahadimy izay mirija toy izao aorian'ny paragirafy faha efatra amin'ity andininy ity:

*“Amin'ny resaka fampitrosana fampanofana, ny fepetra ara-ketra amin'ny firaharahana mifandraika amin'izany, manoloana ity Fehezan-dalàna ity dia mandray ny fenitry ny fitanan-kaonty sy ny fanombanana voafaritry ny Drafitra fitanan-kaonty ankapobe 2005.”*

**Andininy 01.02.07 bis.-**

Ovàna ho *“fara-fahatarany ny faha 15 ny volana”* ny vondron-teny *“alohan'ny faha 15 ny volana”* ao amin'ny paragirafy faha 2 sy faha 3 amin'ity andininy ity.

**LOHATENY III  
HETRA ALAINA AMIN'NY KARAMA SY NY TOA AZY (IRSA)**

**TOKO II  
SEHATRA FAMPIHARANA**

**SOKAJY I  
VOLA MIDITRA IHARAN'NY HETRA**

**Andininy 01.03.02.-**

Ampiana paragirafy mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity :

*“Na dia eo aza ireo fepetra voalazan'ny paragirafy etsy ambony, tsy voasokajy ho anisan'ny karàma ireo fanampiana tsy misy tambiny, arotsaka ho an'ireo Mpilatsaka an-tsitrapo izay voalazan'ny lalàna faha 2015-015 tamin'ny 22 jona 2015 mikasika ny filatsahana an-tsitrapo eto Madagasikara.”*

**TOKO IV  
FOTOTRA AMERANA NY HETRA**

**Andininy 01.03.09.-**

Ovàna toy izao ny rijan-tenin'ny 2° amin'ity andininy ity :

*“ Ireo vola notanan'ny mpampiasa amin'ny latsakemboky ny mpiasa amin'ny fikambanana arapahasalamana ho an'ny orinasa na ny sampan-draharaham-piantohana momba ny fahasalamana, dia voafetra ho 2 isan-jaton'ny karama tsy afakaratsaka ; ”*

**TOKO VIII  
FAMPIHENAN-KETRA ARAKA NY OLONA LOLOHA**

**Andininy 01.03.19.-**

Ovàna ho *“fampihenana-ketra Ar 2 000”* ny vondron-teny *“fampihenana Ar 2 000”* ao amin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity :

**LOHATENY V  
HETRA ALAINA AMIN'NY TOMBOM-BAROTRA AVY AMIN'NY FANANANA MIFAKA  
(IPVI)**

**SOKAJY I  
FOTO-KEVITRA**

**Andininy 01.05.01.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

*“Noraisina ny hetra alaina amin'ny tombom-barotra avy amin'ny fananana mifaka, izay mahasolotena sy manafaka amin'ny hetra amin'ny vola miditra sy ny hetra tambatra, ho an'ny Tetibolam-panjakana ankapobe .*

*30% ny hetra alaina amin'ny tombom-barotra avy amin'ny fananana mifaka dia arotsaka ao amin'ny Tahirim-pirenena momba ny tany.”*

## SOKAJY II SEHATRA AMPIHARANA

### Andininy 01.05.02.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

*“ Ampiharana ity hetra ity, ny tombom-barotra azon'ireo olon-tsotra tamin'ny fivarotana fananana mifàka. Toy izany koa ho an'ny lavanty ampahibemaso ny fananana mifàka.*

*Ny hetra dia tsy maintsy efain'ny mpivarotra na inona na inona karazany sy ny fomba nahazoana ireo fananana ireo na amin'ny tsy fahatanterahan'ity farany izany, dia tsy maintsy efain'ireo mpividy manana zo hisitraka ilay fananana ka ao anatin'izany ireo mpividy nahazo ny entana amin'ny lavanty tsy misy fierana, araka ireo fepetra voalazan'ny andininy VII-20 amin'ny Fehezandalàna amin'ny paika arahina ara-ketra.*

*Amin'ny fivarotana ataon'olon-tsotra, ny fifanarahana fampitrosana fampanofana mikasika ny fanana-mifaka, ny tombom-barotra azon'ny mpanofa mpitrosa dia iharan'ny hetra alaina amin'ny tombom-barotra avy amin'ny fananana mifaka.”*

## SOKAJY IV FAMERANA NY TOMBONY IHARAN'NY HETRA

### Andininy 01.05.04.-

Ampiana paragirafy vaovao izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity:

*“Ho an'ny fivarotana fifanarahana fampitrosana fampanofana, izany tombom-bidy izany dia mitovy amin'ny elanelana eo amin'ny vidiny nivarotana azy sy ny ampahany'ny hofany izay mifanandrify amin'ny fanavotam-bidy izay mety nataon'ilay orinasa nivarotra araka ny fomba fanao, raha toa ka izy no tompon'ny fananana anton'ny fifanarahana. Izany fanavotam-bidy izany dia kajiana amin'ny vidiny nividianan'ny mpampanofa ilay fananana anesorana ny vidiny voalazan'ny fifanarahana amin'ny fanesorana ny safidimpividianana, ka tazonina ny faharetan'ny fampiasana mitovy amin'ny an'ny fifanarahana”*

## FIZARANA II SARA-PANORATANA SY FAMINDRAN-TOMPO TOKO I SEHATRA AMPIHARANA SY FEPETRA ANKAPOBE Ankapoben-javatra

### Andininy 02.01.05.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha telo amin'ity andininy ity :

*“Na izany aza, ny fototra amerana ny hetra amin'ny sara-panoratana amin'ny famindran-tompo ireo fananana mifàka, dia tsy mahazo latsaka ny sanda farany ambany voakajy araka ny fanombanana apetraky ny Fanjakana amin'ireo fananana izay faritan'ny didy amam-pitsipika. Amin'ny lavanty*



*ampahibemaso, io fototra io dia ny sanda ambony indrindra amin'ny vidy na, raha tsy misy izany, amin'ny fametrahana tombam-bidy farany ambany sy ny sanda apetraky ny Fanjakana.”*

**Andininy 02.01.06.-**

Ampidirana paragirafy faharoa izay mirija toy izao ao aorian'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity :

*“ Ireo ankolafiny ao amin'ny fifanarahana dia tsy maintsy mampahafantatra any amin'ny biraon-ketra mahefa ny fahatanterahin'io fepetra io ao anatin'ny roa volana aorian'izany.”*

**TOKO II  
SANDA SY FIKAJIANA NY HETRA**

**SOKAJY I  
FEPETRA IRAISANA**

**Andininy 02.02.02.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

*“ Tsy tokony ho latsaky ny Ar 20 000,00 raha toa ka ny tambatra sy ny sanda dia tsy mahafeno Ar 20 000,00 ny haba mifanentana.”*

**SOKAJY IV  
FAMINDRAM-PANANANA MISY SETRINY  
SORA-PANEKENA SY FAMINDRAM-PANANANA VOAN'NY HABA**

**Orinasa**

**Andininy 02.02.35.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

*“ Ampiharina ihany koa amin'ireo fisarahana sy amin'ny tondram-pananana amin'ny ampahany enti-mihetsika ireo fepetra voafaritry ny andininy 02.02.34.”*

**Andininy 02.02.37.-**

Ampiana paragirafy farany izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity:

*“ Ireo fepetra voalazan'ity andininy ity dia ampiharina amin'ireo tondram-pananana amin'ny ampahany enti-mihetsika ataon'ny orinasa tsy monina, izay mitazona manontolo ny anjaram-pikambanana na petra-bolan'ny orinasa voafehin'ny lalàna malagasy, raha toa izany ka miteraka famindrana amin'ny olona iray na maromaro tsy monina ny tontalin'ny renivola fototra. ”*

**FIZARANA III  
HETRA TSY MIVANTANA  
LOHATENY VOALOHANY  
HETRA TSY MIVANTANA ALAINA AMIN'NY FANDANIANA**

**TOKO IV  
FEPETRA MIFEHY NY FIOTAZANA NA FANAMBOARANA, FIVIDIANANA ETO AN-  
TOERANA SY NY FANAFARANA NY VOKATRA IHARAN'NY HETRA TSY MIVANTANA  
AMIN'NY FANDANIANA**

**SOKAJY I  
FANOMEZAN-DALANA AMIN'NY FIOTAZANA NA FANAMBOARANA, NY FIVIDIANANA  
ETO AN-TOERANA SY NY FANAFARANA**

**Andininy 03.01.12.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

*“ Ny asa atao amin'ny fanamboarana iray eo ambany fanaraha-maso tsy tapaka ary tanteraka ataon'ny Mpiasan'ny Fandraharahana ny hetra eny amin'ny toeram-pamokarana, dia fanapahan-kevitra ny Tale Jeneralin'ny Hetra izay afaka mamindra ny fahefany.”*

**TOVANA  
TABILAON'NY HETRA TSY MIVANTANA ALAINA AMIN'NY FANDANIANA**

**TOVANA 2** : Ovàna toy izao ity tovana ity :

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS	TAUX ET TARIF	
		LOCAL	IMPORTE
0409.00 00	Miel naturel	Exo	5%
<b>09.02</b>	<b>Thé, même aromatisé.</b>		
0902.10 00	- Thé vert (non fermenté) présenté en emballages immédiats d'un contenu n'excédant pas 3 kg -----	Exo	50%
0902.20 00	- Thé vert (non fermenté) présenté autrement -----	Exo	50%
0902.30 00	- Thé noir (fermenté) et thé partiellement fermenté présentés en emballages immédiats d'un contenu n'excédant pas 3 kg -----	Exo	50%
0902.40 00	- Thé noir (fermenté) et thé partiellement fermenté présentés autrement -----	Exo	50%
<b>17.02</b>	<b>Autres sucres, y compris le lactose, le maltose, le glucose et le fructose (lévulose) chimiquement purs, à l'état solide, sirops de sucres sans additions d'aromatisants ou de colorants, succédanés au miel, même mélangés de miel naturel, sucres et mélasses caramélisés :</b>		
	-Lactose et sirop de lactose :		
1702.11 00	- - Contenant en poids 99% ou plus de lactose, exprimé en lactose anhydre calculé sur matière sèche -----	Exo	5%
1702.19 00	- - Autres -----	Exo	5%
1702.20 00	-Sucre et sirop d'érable -----	Exo	5%
1702.30 00	- Glucose et sirop de glucose, ne contenant pas de fructose ou contenant en poids à l'état sec moins de 20% de fructose -----	Exo	5%
1702.40 00	- Glucose et sirop de glucose, contenant en poids à l'état sec de 20% inclus à 50% exclus de fructose, à l'exception du sucre inverti (ou interverti) -----	Exo	5%
1702.50 00	- Fructose chimiquement pur -----	Exo	5%
1702.60 00	-Autre fructose et sirop de fructose, contenant en poids à l'état sec plus de 50% de fructose, à l'exception du sucre inverti (ou interverti) -----	Exo	5%

1702.90 00	-Autres, y compris le sucre inverti (ou interverti) et les autres sucres contenant en poids à l'état sec 50% de fructose -----	Exo	5%
<b>17.04</b>	<b>Sucreries sans cacao (y compris le chocolat blanc)</b>		
1704.10 00	- Gommages à mâcher (chewing-gum), même enrobées de sucre -----	<b>5%</b>	10%
1704.90 00	- Autres -----	<b>5%</b>	10%
<b>18.06</b>	<b>Chocolat et autres préparations alimentaires contenant du cacao</b>		
1806.10	- Poudre de cacao, avec addition de sucre ou d'autres édulcorants		
1806.10 10	- - - Conditionnés dans des contenants de 25 kg et plus -----	<b>2%</b>	10%
1806.10 90	- - - Autres -----	<b>2%</b>	10%
1806.20 00	- Autres préparations présentées soit en blocs ou en barres d'un poids excédant 2 kg, soit à l'état liquide ou pâteux ou en poudres, granulés ou formes similaires, en récipients ou en emballages immédiats, d'un contenu excédant 2kg ----- -Autres, présentés en tablettes, barres ou bâtons :	<b>2%</b>	10%
1806.31 00	- - Fourrés -----	<b>2%</b>	10%
1806.32 00	- Non fourrés -----	<b>2%</b>	10%
1806.90 00	- Autres -----	<b>2%</b>	10%
<b>20.07</b>	<b>Confitures, gelées, marmelades, purées et pâtes de fruits, obtenues par cuisson, avec ou sans addition de sucre ou d'autres édulcorants :</b>		
2007.10 00	-Préparations homogénéisées ----- - Autres	<b>5%</b>	10%
2007.91 00	- - Agrumes -----	<b>5%</b>	10%
2007.99 00	- - Autres -----	<b>5%</b>	10%
<b>20.08</b>	<b>Fruits et autres parties comestibles de plantes, autrement préparés ou conservés, avec ou sans addition de sucre ou d'autres édulcorants ou d'alcool, non dénommés ni compris ailleurs</b>		
	-Fruits à coques, arachides et autres graines même mélangés entre eux :		
2008.11 00	- - Arachides -----	Exo	10%
2008.19 00	- - Autres y compris les mélanges -----	Exo	10%
2008.20	-Ananas :		
2008.20 10	- - Avec addition d'alcool -----	Exo	10%
2008.20 90	- - Sans addition d'alcool -----	Exo	10%
2008.30	-Agrumes :		
2008.30 10	- - Avec addition d'alcool -----	Exo	10%
2008.30 90	- - Sans addition d'alcool -----	Exo	10%
2008.40	- Poires :		
2008.40 10	- - Avec addition d'alcool -----	Exo	10%
2008.40 90	- - Sans addition d'alcool -----	Exo	10%
2008.50	- Abricots :		
2008.50 10	- - Avec addition d'alcool -----	Exo	10%
2008.50 90	- - Sans addition d'alcool -----	Exo	10%
2008.60	- Cerises :		
2008.60 10	- - Avec addition d'alcool -----	Exo	10%
2008.60 90	- - Sans addition d'alcool -----	Exo	10%
2008.70	- Pêches, y compris les brugnon et nectarines :		
2008.70 10	- - Avec addition d'alcool -----	Exo	10%
2008.70 90	- - Sans addition d'alcool -----	Exo	10%
2008.80	- Fraises :		
2008.80 10	- - Avec addition d'alcool -----	Exo	10%
2008.80 90	- - Sans addition d'alcool -----	Exo	10%
	- Autres y compris les mélanges à l'exception de ceux du n°2008.19		

2008.91	-- Cœurs de palmiers :		
2008.91 10	-- Avec addition d'alcool -----	Exo	10%
2008.91 90	-- Sans addition d'alcool -----	Exo	10%
2008.93	-- Canneberges (Vaccinium macrocarpon, Vaccinium oxycoccos), airelles rouges (Vaccinium vitis-idaea)		
2008.93 10	-- Avec addition d'alcool -----	Exo	10%
2008.93 90	-- Sans addition d'alcool -----	Exo	10%
2008.97	-- Mélanges :		
2008.97 10	-- Avec addition d'alcool -----	Exo	10%
2008.97 90	-- Sans addition d'alcool -----	Exo	10%
2008.99	-- Autres :		
2008.99 10	-- Avec addition d'alcool -----	Exo	10%
2008.99 90	-- Sans addition d'alcool -----	Exo	10%
<b>20.09</b>	<b>Jus de fruits (y compris les moûts de raisin et l'eau de noix de coco) ou de légumes, non fermentés, sans addition d'alcool, avec ou sans addition de sucre ou d'autres édulcorants.</b>		
	- Jus d'orange :		
2009.11 00	-- Congelés -----	2,5% Sans être inférieur à Ar 50/L	10% Sans être inférieur à Ar 200/L
2009.12 00	-- Non congelés, d'une valeur Brix n'excédant pas 20 -----	2,5% Sans être inférieur à Ar 50/L	10% Sans être inférieur à Ar 200/L
2009.19 00	-- Autres -----	2,5% Sans être inférieur à Ar 50/L	10% Sans être inférieur à Ar 200/L
	- Jus de pamplemousse ou de pomelo		
2009.21 00	-- D'une valeur Brix n'excédant pas 20 -----	2,5% Sans être inférieur à Ar 50/L	10% Sans être inférieur à Ar 200/L
2009.29 00	-- Autres -----	2,5% Sans être inférieur à Ar 50/L	10% Sans être inférieur à Ar 200/L
	- Jus de tout autre agrume		
2009.31 00	-- D'une valeur Brix n'excédant pas 20 -----	2,5% Sans être inférieur à Ar 50/L	10% Sans être inférieur à Ar 200/L
2009.39 00	-- Autres -----	2,5% Sans être inférieur à Ar 50/L	10% Sans être inférieur à Ar 200/L
	- Jus d'ananas		
2009.41 00	-- D'une valeur Brix n'excédant pas 20 -----	2,5% Sans être inférieur à Ar 50/L	10% Sans être inférieur à Ar 200/L
2009.49 00	-- Autres -----	2,5% Sans être inférieur à Ar 50/L	10% Sans être inférieur à Ar 200/L
2009.50 00	- Jus de tomate -----	2,5% Sans être inférieur à Ar 50/L	10% Sans être inférieur à Ar 200/L
	- Jus de raisin (y compris les moûts de raisin)		
2009.61 00	-- D'une valeur Brix n'excédant pas 30 -----	2,5%	10%

2009.69 00	-- Autres -----	Sans être inférieur à Ar 50/L 2,5% Sans être inférieur à Ar 50/L	Sans être inférieur à Ar 200/L 10% Sans être inférieur à Ar 200/L
2009.71 00	- Jus de pomme -- D'une valeur Brix n'excédant pas 20 -----	2,5% Sans être inférieur à Ar 50/L	10% Sans être inférieur à Ar 200/L
2009.79 00	-- Autres -----	2,5% Sans être inférieur à Ar 50/L	10% Sans être inférieur à Ar 200/L
2009.81 00	- Jus de tout autre fruit ou légume -- Jus d'airelle rouge (Vaccinium macrocarpon, Vaccinium oxycoccos, Vaccinium vitis-idaea) -----	2,5% Sans être inférieur à Ar 50/L	10% Sans être inférieur à Ar 200/L
2009.89 00	-- Autres -----	2,5% Sans être inférieur à Ar 50/L	10% Sans être inférieur à Ar 200/L
2009.90 00	- Mélanges de jus -----	2,5% Sans être inférieur à Ar 50/L	10% Sans être inférieur à Ar 200/L
<b>21.06</b>	<b>Préparations alimentaires non dénommées ni comprises ailleurs</b>		
2106.90	- Autres		
2106.90 30	--- Préparations concentrées pour boissons -----	2,5% Sans être inférieur à Ar 1000/kg	10% Sans être inférieur à Ar 4000/kg
2106.90 40	--- Sirop de sucre aromatisé ou coloré -----	2,5% Sans être inférieur à Ar 50/L	10% Sans être inférieur à Ar 200/L
<b>22.01</b>	<b>Eaux, y compris les eaux minérales naturelles ou artificielles et les eaux gazéifiées, non additionnées de sucre ou d'autres édulcorants ni aromatisées ; glace et neige.</b>		
2201.10	- Eaux minérales et eaux gazéifiées :		
2201.10 10	--- Eaux naturelles non distillées -----	<b>2,5% Sans être inférieur à Ar 50/L</b>	10% Sans être inférieur à Ar 200/L
2201.10 20	--- Eaux minérales naturelles, eaux minérales artificielles, non aromatisées ni sucrées	<b>2,5% Sans être inférieur à Ar 50/L</b>	10% Sans être inférieur à Ar 200/L
2201.10 30	--- Eaux gazéifiées non aromatisées ni sucrées -----	2,5% Sans être inférieur à Ar 50/L	10% Sans être inférieur à Ar 200/L
2201.90 00	- Autres -----	2,5% Sans être inférieur à Ar 50/L	10% Sans être inférieur à Ar 200/L
<b>22.02</b>	<b>Eaux y compris les eaux minérales et les eaux gazéifiées, additionnées de sucre ou d'autres édulcorants ou aromatisées, et autres boissons non alcooliques, à l'exclusion des jus de fruits ou de légumes du n° 20.09.</b>		
2202.10	- Eaux, y compris les eaux minérales et les eaux gazéifiées, additionnées de sucre ou d'autres édulcorants ou aromatisées		
2202.10 10	--- Eaux minérales, additionnées de sucre ou d'autres édulcorants ou aromatisées	2,5%	10%

2202.10 20	--- Autres eaux, additionnées de sucre ou d'autres édulcorants ou aromatisées ----	Sans être inférieur à Ar 50/L 2,5% Sans être inférieur à Ar 50/L	Sans être inférieur à Ar 200/L 10% Sans être inférieur à Ar 200/L
2202.91 00	- Autres -- Bière sans alcool -----	2,5% Sans être inférieur à Ar 50/L	10% Sans être inférieur à Ar 200/L
2202.99 00	-- Autres -----	2,5% Sans être inférieur à Ar 50/L	10% Sans être inférieur à Ar 200/L
<b>22 03 00</b>	<b>Bières de malt</b>		
2203.00 10	-- -D'un titre alcoolique de 4° ou moins -----	12,5% Sans être inférieur à Ar 850/L	50%
2203.00 90	-- -Autres -----	12,5% Sans être inférieur à Ar 850/L	50%
<b>22 04</b>	<b>Vins de raisins frais, y compris les vins enrichis en alcool ; moûts de raisin autres que ceux du n°20.09</b>		
2204.10	-Vins mousseux :		
2204.10 10	-- -De champagne -----	50% Sans être inférieur à Ar 800/L	200%
2204.10 90	-- -Autres -----	50% Sans être inférieur à Ar 800/L	200%
	-Autres vins; moûts de raisins dont la fermentation a été empêchée ou arrêtée par addition d'alcool :		
2204.21 00	-- En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l -----	12,5% Sans être inférieur à Ar 100/L	50%
2204.22 00	-- En récipients d'une contenance excédant 2 l mais n'excédant pas 10 l -----	12,5% Sans être inférieur à Ar 100/L	50%
2204.29	-- -Autres		
	-- -Vins (autres que les vins de liqueur et assimilés et les vins mousseux) provenant exclusivement de la fermentation des raisins frais ou du jus de raisin frais :		
2204.29 11	--- -En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l -----	12,5% Sans être inférieur à Ar 100/L	50%
2204.29 19	--- -Autres -----	12,5% Sans être inférieur à Ar 100/L	50%
	-- -Vins de liqueur, mistelles ou moûts mutés à l'alcool, provenant exclusivement de raisin frais ou du jus de raisin frais:		
2204.29 21	--- -En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l -----	37,5% Sans être inférieur à Ar 600/L	150%
2204.29 29	--- -Autres -----	37,5% Sans être inférieur à Ar 600/L	150%

2204.29 31	-- -Vins vinés : --- - En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l -----	12,5% Sans être inférieur à Ar 100/L	50%
2204.29 39	--- - Autres -----	12,5% Sans être inférieur à Ar 100/L	50%
2204.29 90	--- - Autres -----	12,5% Sans être inférieur à Ar 100/L	50%
2204.30 00	- Autres moûts de raisin -----	12,5% Sans être inférieur à Ar 100/L	50%
<b>22 05</b>	<b>Vermouths et autres vins de raisins frais préparés à l'aide de plantes ou de substances aromatiques.</b>		
2205.10	- En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l		
2205.10 10	--- - Vermouths -----	37,5% Sans être inférieur à Ar 600/L	150%
2205.10 90	--- -Autres -----	37,5% Sans être inférieur à Ar 600/L	150%
2205.90	- Autres :		
2205.90 10	--- - Vermouths -----	37,5% Sans être inférieur à Ar 600/L	150%
2205.90 90	--- - Autres -----	37,5% Sans être inférieur à Ar 600/L	150%
<b>22 06.00</b>	<b>Autres boissons fermentées (cidre, poiré, hydromel, par exemple);mélanges de boissons fermentées et mélanges de boissons fermentées et de boissons non alcooliques, non dénommées ni comprises ailleurs.</b>		
	--- - Cidre, poiré et hydromel présentés :		
2206.00 11	--- - En récipients d'une contenance n'excédant pas 2 l -----	25% Sans être inférieur à Ar 100/L	100%
2206.00 19	--- - Autres -----	25% Sans être inférieur à Ar 100/L	100%
2206.00 90	--- - Autres boissons fermentées (betsabetsa, jus fermenté de cocotier etc) -----	25% Sans être inférieur à Ar 100/L	100%
<b>22 07</b>	<b>Alcool éthylique non dénaturé d'un titre alcoométrique volumique de 80p.100 vol. ou plus; alcool éthylique et eaux-de-vie dénaturés de tous titres.</b>		
2207.10 00	-Alcool éthylique non dénaturé d'un titre alcoométrique volumique de 80p.100 vol. ou plus (1) -----	<b>Ar 3050/L</b>	<b>Ar 4050/L</b>
2207.20	-Alcool éthylique et eaux-de-vie dénaturés de tous titres		
2207.20 10	--- - Alcool éthylique dénaturé d'un titre alcoométrique volumique de 90p100 vol.ou plus (ou éthanol combustible) (2)-----	Exo	Exo
2207.20 20	--- - Alcool éthylique dénaturé d'un titre alcoométrique volumique inférieur à 90p100 vol	<b>Ar 3050/L</b>	<b>Ar 4050/L</b>
2207.20 30	--- - Eaux de vie dénaturées de tous titres -----	<b>Ar 3050/L</b>	<b>Ar 4050/L</b>
	<b>Note explicative :</b>		

	<p>(1) Le bénéfice de l'exonération des produits classés dans cette sous-position est conditionné par</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- l'obtention d'une Autorisation d'importation délivrée par la Direction Générale des Impôts ;</li> <li>- l'établissement d'une attestation de destination établie par les importateurs ou les acheteurs et visée au préalable par les services fiscaux.</li> </ul> <p>(2) Pour être classés dans cette sous-position, les produits de l'espèce doivent :</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- Remplir la condition Alcool éthylique dénaturé d'un titre alcoométrique volumique de 90p100 vol.ou plus (ou éthanol combustible)</li> <li>- Obtenir une autorisation d'importation délivrée par la Direction Générale des Impôts.</li> </ul>		
<b>22 08</b>	<b>Alcool éthylique non dénaturé d'un titre alcoométrique volumique de moins de 80p.100 vol; eaux-de-vie, liqueurs et autres boissons spiritueuses.</b>		
2208.20	-Eaux-de-vie de vin ou de marc de raisin :		
2208.20 10	- - - En récipients d'une contenance n'excédant pas 2l -----	10% Sans être inférieur à Ar 640/L	260%
2208.20 90	- - - Autres -----	10% Sans être inférieur à Ar 640/L	260%
2208.30	-Whiskies :		
2208.30 10	- - - En récipients d'une contenance n'excédant pas 2l -----	10% Sans être inférieur à Ar 1920/L	275%
2208.30 90	- - - Autres -----	10% Sans être inférieur à Ar 1920/L	275%
2208.40	- Rhum et autres eaux de vie provenant de la distillation, après fermentation, de produit de canne à sucre		
2208.40 10	- - - En récipients d'une contenance n'excédant pas 2l -----	<b>Ar 500/L</b>	260%
2208.40 90	- - - Autres -----	<b>Ar 500/L</b>	260%
2208.50	- Gin et genièvre :		
2208.50 10	- - - En récipients d'une contenance n'excédant pas 2l -----	10% Sans être inférieur à Ar 1150/L	260%
2208.50 90	- - - Autres -----	10% Sans être inférieur à Ar 1150/L	260%
2208.60 00	-Vodka -----	10% Sans être inférieur à Ar 1150/L	260%
2208.70 00	- Liqueurs -----	10% Sans être inférieur à Ar 1150/L	260%
2208.90	- Autres :		
	- - - Boissons spiritueuses, titrant en alcool (acquis et en puissance) :		
2208.90 11	- - - - moins de 15°. -----	10% Sans être inférieur à Ar 1050/L	260%
2208.90 12	- - - - 15° et plus -----	10% Sans être inférieur à Ar 1050/L	260%
2208.90 90	- - - Autres -----	10%	260%



		Sans être inférieur à Ar 1050/L	
<b>24.01</b>	<b>Tabacs bruts ou non fabriqués ; déchets de tabac</b>		
2401.10 00	-Tabacs non écotés -----	exo	<b>Ar 36 750/kg</b>
2401.20 00	-Tabacs partiellement ou totalement écotés-----	exo	<b>Ar 36 750/kg</b>
2401.30 00	-Déchets de tabac -----	exo	<b>Ar 36 750/kg</b>
<b>24.02</b>	<b>Cigares (y compris ceux à bouts coupés), cigarillos et cigarettes, en tabac ou en succédanés de tabac</b>	Par paquet de 20	
- 7) Ny fatiantoka rehetra mitambatra tamin'ireo taom-piasana taloha, izay tsy afaka nesorina tamin'ireo vokatra tamin'ireo taom-piasana ireo; izany tatitra amin'ny fatiantoka izany, dia azo atao mandritra ny dimy (5) taona ary atao raha ilaina izany, alohan'ny fanavotam-bidy nahemotra.

### **SOKAJY V SINGA MANOKANA ANAVOTAM-BIDY**

**Andininy 30.02.06.-** Tafiditra ao anatin'izany singa anavotam-bidy izany, izay tambatra ao amin'ny sara tamin'ny fananganana sy anavotam-bidy amin'ny taha isan-taona iray ampahatelony fara fahabetsany (1/3), indrindra;

- 1) Ireo saran'ny fampiasam-bola nataon'ny mpandoa hetra tamin'ny asa fikarohana harena an-kibon'ny tany ao anatin'ny vakim-paritra izay nahazoana fahazoan-dàlana amin'ny harena an-kibon'ny tany an'ny tetikasa, amin'ny fahazoana zo amin'ny harena an-kibon'ny tany sy/na amin'ny saran'ny fampiroboroana mialoha ny vaninandro fanombohan'ny tena fandraharahana.
- 2) Ireo fandraisana anjara tamin'izay lany tamin'ny fanombanana ny fiantraikan'ny asa eo amin'ny tontolo iainana; ary
- 3) Ireo fandaniahana momba ny fampiasam-bolan'ny tompom-pahazoan-dàlana amin'ny fikarohana harena kibon'ny tany natao ao anatin'ny vakim-paritry ny tetikasa nahazoana fahazoan-dàlana amin'ny harena kibon'ny tany, mandritra ny ambaratongan'ny fitrandrahana ataon'ny tetikasa.

Araka izay voalaza ao amin'ny toko II amin'ny lohateny I **amin'ny LGIM**, ny tompom-pahazoan-dàlana dia hanondro ao anatin'ny lisitra napetraka niaraka tamin'ny drafitra fampiasam-bola ny tahan'ny fanavotam-bidy farany ambony izay atolony mba hampiasainy, mifanaraka amin'izay voalazan'ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra, amin'ireo singa anavotam-bidy izay kasainy hafarana avy any ivelany. Ireo taha farany ambony ireo dia amafisina na ahitsy ary tovanana amin'ny didim-panjakana mitondra ny fanamarinana ny fanekena ny fampiasam-bola.

### **SOKAJY VI FAMPIHENAN-KETRA HO AN'NY FAMPIASAM-BOLA**

**Andininy 30.02.07.-** Ny tompom-pahazoan-dàlana sy ny mpanao fanodinana dia **afaka misitraka** ny fampihenana-ketra ho an'ny fampiasam-bola, raha misy izany, araka ny fepetra apetraky ny andininy faha-01-01-07 ka hatramin'ny 01-01-10 amin'ny Fehezan-dalànana ankapobe momba ny hetra, afa-tsy ireo ao amin'ny andalana faha-2 amin'ny andininy faha-01-01-08. Ny tahan'ny hetra raisina ho an'ny kajin'izay fampihenana voalaza ery amin'ny andalana voalohany amin'ny andininy faha 01-01-08, dia

izay ampiharina mifanaraka amin'izay fepetry ny andininy **30.02.03 amin'ity Fehezan-dalàna ity**. Ireo zo amin'ny fampihenana tsy nampiasaina dia azo ahemotra hatrany mandra- pahatapiny.

### **TOKO III**

#### **HETRA AMIN'NY VOLA MIDTRA AMIN'NY MPIASA**

##### **SOKAJY I**

#### **ADIDY HITÀNA ANY AM-POTONY SY NY TAHA AMPIHARINA**

**Andininy 30.02.08.-** Ireo karama, tafiditra ao anatin' izany ireo tombontsoa tsy ara-bola an' ny mpiasan' ny tompom-pahazoan-dàlana, ny mpiasan'ny mpanao fanodinana, ary ny an'ny mpisahan'asa, malagasy sy vahiny, dia handoavana hetra ankapobe amin' ny vola-miditra amin'olon-tsotra izay tsy maintsy tazonin' ny mpampiasa any am-potony, ary arotsaka any amin' ny Tahirimbolam-panjakana. Ankoatran'ny fepetran'ny andininy **30.02.09** manaraka izao, ireo taha ampiharina dia izay voafaritry ny Fehezan-dalàna momba ny hetra manan-kery amin' ny fotoana fanaovana ny fitànana am-potony.

##### **SOKAJY II**

#### **FAMERANA NY TAHA AMPIHARINA AMIN' NY MPIASA VAHINY**

**Andininy 30.02.09.-** Nefa kosa, mikasika ireo mpiasa vahiny izay miasa eto Madagasikara ao anatin' ny tetikasa, ny tahan' ny fitànana atao ho an' ny hetra ankapobe amin' ny vola-miditra, dia ferana tsy hihoatra ny dimy amby telopolo isan-jatony (35%).

##### **SOKAJY III**

#### **FAMERANA IREO LATSAKEMBOKA AMIN' NY FISOTROAN-DRONONO AZO ESORINA AMIN' NY KAJIN' NY HETRA**

**Andininy 30.02.10 -** Ireo latsakemboka tanan'ny tompom-pahazoan-dàlana, ny mpanao fanodinana sy ny mpisahan'asa any am-potony ary arotsany any amin' ny sampan' asa misy eto Madagasikara na any ivelany mba hikarakarana ny fandraisana fisotroan-dronono, ary koa ny fandrotsaham-bola antsitra-po ataon' ny mpiasa, dia azo esorina amin' ny kajin' ny hetra ankapobe amin' ny vola-miditra tàmàna, ho an' ny mpiasa vahiny, tsy mihoatra ny 15 isan-jaton' ny teti-bidy voalazan' ny andininy faha-01-16-13, 4 amin' ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra.

### **TOKO IV**

#### **HABA RAIKITRA AMIN'NY FAMINDRANA**

##### **SOKAJY I**

#### **FANENANA NY FOTOTRA AMERANA NY HABA**

**Andininy 30.02.11-** Araka ny fepetra voalazan'ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra, ny vola aloa ho tambin'ny asa atao ao anatin'ny rafitry ny Tetikasa, ho an'olona tsotra na rafitra mizaka zo aman'andraikitra mitoetra any ivelany ary tsy andoavana hetra amin'ny tombom-barotry ny orinasa na hetra ankapobe amin' ny vola-miditra, na koa haba amin'ny asa aman-draharaha eto Madagasikara dia andoavana haba raikitra amin'ny famindrana.

Nefa kosa, izay tsy monina eto Madagasikara, tsy mpiray tombontsoa amin'ny tompom-pahazoan-dàlana na amin'ny mpanao fanodinana ary tsy mandoa hetra amin'ny tombom-barotry ny orinasa, fa manao asa hafa ankoatran'ny famatsiana sy ny fiantohana ho an'ny tompom-pahazoan-dàlana na

amin'ny mpanao fanodinana ao anatin'ny tetikasa mandritra ny fipetrahanany voalohany, dia mandoa haba raikitra amin'ny famindrana amin'ny taha 15 isan-jato ampiharina amin'ny 45 isan-jaton'ny sora-bola aloan'ny tompom-pahazoan-dàlana na ny mpanao fanodinana amin'ireo asa ireo.

Io haba io dia manafaka amin'ny fandoavana hetra amin'ny tombom-barotry ny orinasa sy ny hetra hetra ankapobe amin' ny vola-miditra ary koa ny haba amin'ny asa aman-draharaha.

Ny tompom-pahazoan-dàlana na ny mpanao fanodinana, araka ny zava-misy, dia tsy maintsy manao ny kajy ary mandoa ny sora-bolan'ireo haba aloa amin'ny fandrotsaham-bola na amin'ny famindram-bola izay handoavana ny haba raikitra amin'ny famindrana.

## **SOKAJY II**

### **TSY FANDOAVANA HETRA AMIN'NY FAMINDRANA MIKASIKA NY FINDRAMAM-BOLA SY FIANTOHANA ANY IVELANY**

**Andininy 30.02.12-** Na eo aza ny fepetra voalazan'ny andininy teo aloha, ny famindrana atao amin'ny fandoavana ireo zana-bola, ireo sara sy ireo tambim-pampiasam-bola noho ny findramam-bola vahiny nataon'ny tompom-pahazoan-dàlana na ny mpanao fanodinana tany ivelan'i Madagasikara ary natokana manontolo hamatsiana ny tetik'asa, dia tsy andoavana haba raikitra amin'ny famindrana. Toy izany koa ireo tambim-piantohana naloa araka ny taratasim-piantohana ho an'ny tetikasa nataon'ny tompom-pahazoan-dàlana na ny mpanao fanodinana tany ivelan'i Madagasikara.

## **TOKO V**

### **HETRA ALAINA AMIN'NY FITOMBOAN-KARENA AVY AMIN'NY FANANANA MITERA-BOLA**

**Andininy 30.02.13-** Ny tompom-pahazoan-dàlana, ny mpanao fanodinana ary ireo mpampiasa vola, rafitra mizaka zo aman'andraikitra, dia mandoa hetra alaina amin' ny fitomboan-karena avy amin' ny fananana mitera-bola mifanaraka amin'ireo fepetra voalazan'ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra, afa-tsy ny fandoavana ho azy ireo ny:

- 1) zana-bola aloan' ny tompom-pahazoan-dàlana na ny mpanao fanodinana amin' ny fanaovany findramam-bola nataony tamin' ny vola vahiny tany ivelan' i Madagasikara (findramam-bola any ivelany), izay tsy andoavana hetra alaina amin' ny fitomboan-karena avy amin' ny fananana mitera-bola; ary
- 2) ny zara-tombony na fizarana hafa aloan' ny tompom-pahazoan-dàlana sy ny mpanao fanodinana amin' ny mpiombon'antoka aminy, izay andoavana amin'ny taha folo isan-jato (10 %).

Ny zana-bola aloan' ny tompom-pahazoan-dàlana sy ny mpanao fanodinana amin'ireo mpiray tombontsoa aminy tamin' ireo findramam-bola ivelany nataony, dia tsy andoavana hetra alaina amin'ny fitomboan-karena avy amin' ny fananana mitera-bola, raha tsy hoe ny tahan'ny zana-bola sy ireo fepetra hafa mikasika ny findramam-bola, dia ahazoana tombony bebe kokoa na tsaratsara kokoa noho ny taha sy fepetra mety ho azon'ny tompom-pahazoan-dàlana na ny mpanao fanodinana, raha misy izany, avy any amin' ny mpampindram-bola tsy mpiray tombontsoa amin'izy ireo. Ny fomba fampiharana ity fepetra ity, **dia** faritan' ny didim-panjakana fampiharana ny LGIM.

**TOKO VI**  
**MOMBA NY SARA-PIRAKETANA SY NY HAJIA**  
**SOKAJY I**  
**FAMPIHENANA NY SARA-PIRAKETANA**

**Andininy 30.02.14-** Ny tompom-pahazoan-dàlana sy ny mpanao fanodinana, rafitra mizaka zo aman'andraikitra, dia misitraka amin'ny izy miaraka, mandritra ny faharetan' ny fanekena ireo taha nahena amin' ny saram-piraketana ireto zavatra manaraka ireto:

1).-Ireo sora-piforonana sy fanalavam- potoanan'ny orinasa, izay tsy ahitana famindrana fananana manaraka na fanana mifaka eo amin' ny samy mpiombon' antoka na olon-kafa, ary koa ny anjara entina mba hampitomboana ny renivola, dia andoavana haba amin'ny tondra araka ny taha voafaritra toy izao manaraka izao, arakaraka ny ampahan'ny renivola :

- tsy mihoatra ny “ Ar 10 000 000 ” : 2%
- eo anelanelan' ny “Ar 10 000 000 ” sy “Ar 100 000 000 ” : 1%
- eo anelanelan'ny “ Ar 100 000 000 ” sy “ Ar 1 000 000 000 ” : 0,5%
- eo anelanelan'ny “ Ar 1 000 000 000 ” sy “ Ar 2 760 000 000 ” : 0,25%
- ambonin'ny “Ar 2 760 000 000 ”: 0%

Na izany aza anefa, ny sara raikitra dia “Ar 2 000”. izy io dia aloa rehefa manao ny firaketana ny sora-panekena tsirairay.

Ny renivolan'ny tompom-pahazoan-dàlana ary koa ny an'ny mpanao fanodinana, dia jerena miaraka amin'ny fomba fikajiana ny sokajy, ary noho izany ny taha ampiharina.

Na izany aza anefa, manomboka ny fotoana nandoavan'ny tompom-pahazoan-dàlana sy ny mpanao fanodinana miaraka ny “Ar 10 000 000 ” ny sara-piraketana ho an'ireo sora-panekena voalaza eo ambony ireo, ny taha aotra isan-jato (0 %) dia ampiharina amin'ireo sora-panekena rehetra izay ho entin'izy ireo any aoriana ho raketina.

2) Ny sara-piraketana mikasika ny fivarotana ny zo hampanofa sy ny zo amin'ny fanarenana dia ferana amin'ny taha efatra isan-jato (4%) n'ny sora-bolan'ny sanda nolazain'ny mpanome ho azy. Io saram-piraketana io, dia miampy ny haba amin'ny fampielezana ara-pananan-tany voafetra ho roa isan-jato (2%) sy ny haba fanampiny iray isan-jato (1%) n'io sanda io.

**SOKAJY II**  
**SARAM-PIRAKETANA MOMBA NY FAMPANOFANA MAHARITRA**

**Andininy 30.02.15-** Ny saram-piraketana mikasika fampanofana maharitra, dia aloa isaky ny dimy taona, amin'ny taha efatra isan-jato (4%) n'ny tetin'ny hofany mitambatra dimy (5) taona . Na izany aza anefa, ny

tompom-pahazoan-dàlana sy ny Governemanta, dia afaka mifanaraka ao amin'ny didim-panjakana mitondra ny fanamarinana ny fanekena ny fampiasam-bola fa aloha indray mandeha ireo sara rehetra ho an'ny fe-potoana manontolon'ny fampanofana.

Na izany na tsy izany, ny tompom-pahazoan-dàlana na ny mpanao fanodinana, araka ny zava-misy, dia tsy maintsy mandoa eo amin'ny fotoana fanaovana ny fandraketana amin'ny rejisitra momba ny fananan-tany ny haba amin'ny fampahafantarana momba ny tany amin'ny taha iray isan-jato (1%) n'ny sanda rehetran'ny fampanofana maharitra.

## **TOKO VII HABA AMIN'NY VOLA MATY**

### **SOKAJY I FAMPIHARANA ANKAPOBE NY HABA AMIN'NY TATAOM-BIDY**

**Andininy 30.02.16-** Ny tompom-pahazoan-dàlana, ny mpanao fanodinana ary ireo mpisahan'asa dia mandoa haba amin'ny tataom-bidy mifanaraka aminireo fepetra voalazan'ny Fehezan-dalàna ankapoben'ny hetra, raha tsy mifanohitra amin'ny fepetra voalazan'ity toko ity.

### **SOKAJY II FANAFAHAN-KETRA AMIN'NY SAMPAN-DRAHARAHAN'NY TROSA MIKASIKA NY TETIKASA SY HO AN'NY FANANANA AM-BATAN'NY MPIASA VAHINY**

**Andininy 30.02.17.-** Ny fandoavana zana-bola, sara, tambin-draharaha mikasika ny findramam-bola nataon'ny tompom-pahazoan-dalàna na ny mpanao fanodinana, ary efa voalaza tany anatinin'ny drafitra famatsiam-bola, dia tsy andoavana haba amin'ny tataom-bidy.

Afahana ihany koa amin'ny haba amin'ny tataom-bidy ny fananana am- batan'ny mpiasa vahiny an'ny tompom-pahazoan-dalàna sy ny mpanao fanodinana tamin'ny fanafarana izany, araka ny farafetra voalaza ao amin'ny toko II amin'ny lohateny faha-V n'ny LGIM.

### **SOKAJY III FAMERENANA NY HABA AMIN'NY TATAOM-BIDY EFA NALOA**

**Andininy 30.02.18-** Raha tsy mifanohitra amin'ny fepetra voalazan'ny andininy 30.02.20 manaraka, ny fepetra voalazan'ny andininy 06-01-24 amin'ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra milazalaza momba ny famerenana isam-banim-potoana ny trosan-kaba, dia ampiharina amin'ny tompom-pahazoan-dàlana, ny mpanao fanodinana, ary ireo mpisahan'asa. Ny famerenana dia tsy maintsy atao ao anatin'ny fe-potoana tsy mihoatra ny folo (10) andro iasana isaina manomboka amin'ny vaninandro naharaisana ny antontan-taratasy fangatahana.

### **FAMPIHARANA NY HABA AMIN'NY TATAOM-BIDY AMIN'IREO MPANONDRANA ENTANA MANKANY IVELANY**

**Andininy 30.02.19.-** Amin'ny alalan'ny fangatahana ataon'ny tompon-pahazoan-dàlana na ny mpanao fanodinana izay manao sonia ny fanekena andraikitra mametra ny fanekeny fa tsy hifantoka afa-tsy amin'ny asa fanondranana irery ihany ny famokarany, dia ekena ny zon' izy ireo anafatra na hampanao ny fanafarana an'ireo mpisahan'asan'izy ireo, tsy andoavana haba amin'ny tataom-bidy, ireo fitaovana, fananana ary kojakoja vita lisitra tao amin'ny drafitry ny fampiasam-bola nankatoavina. Ny mpanao fanodinana iray natsangana taorian'ny vaninandro fanamarinana ny fanekena ny fampiasam-bola, dia heverina fa nanao io fanekena andraikitra io ihany koa raha toa ny tompom-pahazoan-dàlana izay nanao sonia izany ka efa nanao fanambarana mialoha ny eritreriny hanangana mpanao fanodinana, tao

anatin'ny drafitra fampiasam-bola napetraka niaraka tamin'ny fangatahana fanamarinana ny fanekena ny fampiasam-bola.

Raha ilaina, ireo fepetry ny andininy faha-30.02.18 teo aloha, dia tsy ampiharina amin'ny tompom-pahazoan-dàlana, na ny mpanao fanodinana ary ireo mpisahan'asa.

Amin'ny alalàn'ny fangatahan'ny tompom-pahazoan-dàlana na ny mpanao fanodinana, ary raha toa manamarina izany ny tombontsoa ara-toekarenan'ny firenena, ny Governementa dia afaka manome alàlana ny tompom-pahazoan-dàlana na ny mpanao fanodinana hivarotra eo amin'ny tsena anatin'ny habetsahana voafetra amin'ny vokany na ireo vokatra anelanelany izay vokarina eto Madagasikara, tsy mahavery ny fisitrahany ny tombontsoany izany. Raha misy izany, ny habetsahana amidy eto antoerana nahazoana alàlana isan-taona, dia tsy afaka hihoatra ny 10% n'ny vokatra manontolo isan-taonan'ny tompom-pahazoan-dàlana na ny mpanao fanodinana.

Ny fivarotana eto anatin'ny ireo vokatra ireo, dia andoavana haba amin'ny tataom-bidy. Ny fomba fampiharana izao fepetra izao, dia ho faritan'ny didim-panjakana fampiharana ny LGIM.

### SOKAJY V

#### TAHAN'NY HABA AMIN'NY TATAOM-'BIDY AMPIHARINA AMIN'NY FANONDRANANA ENTANA MAKANY IVELANY

**Andininy 30.02.20.-** Ny fanondranana ataon'ny tompom-pahazoan-dàlana sy ny mpanao fanodinana, dia iharan'ny haba amin'ny tataom-bidy amin'ny taha aotra isan-jato (0%). Ankoatra izany, ny famarotana ny vokatra harena an-kibon'ny tany ataon'ny tompom-pahazoan-dalana amin'ny mpanao fanodinana, dia heverina ho toy ny asa fanondranana.

### TOKO VIII

#### HABA AMIN'NY ASA AMAN-DRAHARAHA

**Andininy 30.02.21-** Ny tompom-pahazoan-dàlana, ny mpanao fanodinana ary ireo mpisahan'asa dia mandoa haba amin'ny asa aman-draharaha araka izay fepetra voalaza ao amin'ny Fehezan-dalàna ankapoben'ny hetra, raha tsy mifanohitra amin'ireto fepetra manaraka ireto :

- 1) Ny sara raikitra dia kajiana manaraka ny taha voalazan'ny Fehezan-dalàna ankapoben'ny hetra ;
- 2) Mandritra ny ambaratongan'ny fikarohana sy ny ambaratongan'ny fampiroboroana sy fanorenana, ny tompom-pahazoan-dàlana, ny mpanao fanodinana ary ireo mpisahan'asa, dia tsy mandoa ny sara mifanentana ;
- 3) Ny tahan'ny sara mifanentana ho an'ny taom-piasana mifanesy izay manomboka aorian'ny vaninandron'ny fanombohana ny tena fitrandrahana dia ferana ho toy izao:

<u>Taona</u>	<u>Taha</u>
1	iray ampaha-dimampolo ambyzato (1/150)
2	iray ampaha-roapolo amby zato (1/120)
3	iray ampaha-sivy folo(1/90)
4	iray ampaha-enimpolo (1/60)
5 sy ny mihoatra	iray ampaha-telopolo (1/30)

4 ) Ny fototra hamerana ny sara mifanentana, dia ny sandan'ny fampanofana ny toerana, ireo foto-drafitrasa sy fitaovana raikitra na manaraka, ao anatin'izany ny fitaovam-pitaterana, afa-tsy ireo foto-drafitrasa ilaina hanasoavam-bahoaka, na toerana natao honenana, kajiana arak'izao fitsipika manaraka izao:

- Ho an'ny fananana mifaka sy ireo fitoerana nofain'ny tompom-pahazoan-dàlana, ny sandan'ny fampanofana dia ny tena hofany. Ho an'reo fitoerana hafa, ny sandan'ny fampanofana dia kajiana amin'ny alalan'ny vidy nahazoana azy na nanamboarana azy hita ao anatin'ny toe-pananana sy trosa, anesorana ny fampidinana ny fototry ny kajin'ny hetra noho ny hai-raha manokana, raha ilaina, dia ampiharina ny taha tsy mihoatra ny fito faingo roa isan-jato (7,2%) ;
- Ny fampidinana ny fototry ny kajin'ny hetra noho ny hai-raha manokana, dia ferana ho enim-poloisan-jato (60%) n'ny sandan'ny fampanofana raisina amin'ny fikajina ny haba.
- Tsy misy fampidinana ny fototry ny kajin'ny hetra noho ny hai-raha manokana ampiharina amin'ny tranom-panjakana.

5) Ny fandoavana ny haba amin'ny asa aman-draharaha dia manafaka amin'ny fandoavana ireo hetra sy haba hafa aloa ho an'ny Faritany mizaka tena na ho an'ireo vondrom-bahoaka eo an-toerana, afa-tsy ireo hetra voalazan'ny andininy 30.02.22 manaraka an'ity Fehezan-dalàna ity sy ny andininy faha 61 amin'ny LGIM.

## **TOKO IX HETRAN-TANY (IFT) HETRAN-TRANO SY HABA TOVANA MIARAKA AMINY**

**Andininy 30.02.22-** Ny tompom-pahazoan-dàlana sy ny mpanao fanodinana dia mandoa hetran-tany sy ny hetran-trano ary koa ireo haba mitovana amin'ny hetran-trano, raisina ho an'ny vondrom-bahoaka eo an-toerana.

Ho an'ny hetran-tany, ny fototra amin'ny famerana ny hetra dia ny **tombambidin'ny tany**.

Ho an'ny hetran-trano sy ny haba mitovana aminy, ny **fototra** iharana dia ny sandan'ny fampanofana isan-taonan'ireo fananana, amin'ny ankapobeny, na ny sanda ampiasaina ho an'ny **fikajiana** ny **sara mifanentana amin'ny haba amin'ny asa aman-draharaha** ho an'izay fananana tafiditra ao anatin'ny famerana izany haba izany, mifanaraka amin'izay lazain'ny andininy **30.02.21** ery ambony. Ny taha ho an'ny tsirairay amin'ireo hetra sy haba ireo dia iray isan-jato (1%).

Na izany aza anefa, raha tsy mifanohitra amin'ireo feotra voalazan'ny andininy 01-08-05 amin'ny Fehezan-dalàna ankapobe ny hetra, ny fanorenana vaovao, ny fanatsarana, sy ny fanitarana ireo efa misy, dia tsy andoavana ny hetran-trano sy haba mitovana aminy mandritra ny dimy (5) taona, isaina manomboka ny taona nahavitana azy. Etsy andanin'izany, ny tontalin'ny sora-bola aloan'ny tompom-pahazoan-dàlana sy ny mpanao fanodinana miaraka mikasika tsirairay ireo hetra roa ireo, manerana an'ireo fari-piadian'i Madagasikara, dia ferana ho 200 000 000 isan-taona. Ny fomba fampiharana io famerana io dia atao amin'ny alalan'ny didy amam-pitsipika.



**TOKO X****FIANTOHANA NY FAHAMARINAN-TOERAN'NY HETRA MIVANTANA EO AN-TOERANA**

**Andininy 30.02.23-** Ny tompom-pahazoan-dàlana, ny mpanao fanodinana ary ireo mpisahan'asa, dia tsy mandoa izay rehetra santima fanampiny voalazan'ny Fehezan-dalàna ankapoben'ny hetra, ary koa ireo hetra rehetra na haba izay mety ho napetraky ny Faritany na ny vondrombahoaka itsinjaram-pahefana hafa, afa-tsy ireo sara miendrika mifanindran-dalana amin'ny hetra voalaza eo amin'ny andininy faha-61 amin'ny LGIM.

Ny fanjakana Malagasy dia manaiky fa hampanaja ny fepetran'ity Fehezan-dalàna ity an'ireo Faritany mizaka tena sy ny vondrombahoaka itsinjaram-pahefana miankina aminy araka ny Lalàmpanorenana. Raha toa ka misy Faritany mizaka tena iray na maromaro na ireo rantsamangaika miaraka aminy, mampitombo na manampy amin' ireo vesatra ara-ketran'ny tompom-pahazoan-dàlana, ny mpanao fanodinana na ireo mpisahan'asa araka izay voalazan' ity Fehezan-dalàna ity, ary raha toa ka heverin'ny fitsarana mahefa fa izany fanapahan kevitra natao izany dia ara-dalàna, ny fanjakana dia manao izay ampidinana ny vesatry ny hetra aloa ho an' ny teti-bola ankapobeny mba tsy ahatonga ny vesatra ara-ketra faobe n'ny tompom-pahazoan-dàlana sy ny mpanao fanodinana ihoatra noho izay voalazan' ity Fehezan-dalàna ity.

Ny Governemanta dia mahazo alàlana andray izay fepetra rehetra ilaina amin'ny fampiharana io fanekena andraikitra io.

**Ny ambiny tsy misy fanovana.**

**ANDININY FAHA 2.2****FEHEZAN-DALÀNA AMIN'NY PAIKA ARAHINA ARA-KETRA**

Ny fepetry ny Fehezan-dalàna amin'ny paika arahina ara-ketra dia ampiana sy ovàna toy izao manaraka izao :

**LOHATENY I****NY AMIN'NY LAHARAM-PAMANTARANA, FILAZANA SY FANDROTSAHANA HETRA****ZANA-DOHATENY I****LAHARAM-PAMANTARAN'NY MPANDOA HETRA****TOKO I****FOMBA ARAHINA SY FILAZANA****Andininy I-03.-**

Ovana toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha 4 amin'ity andininy ity:

*“ Ny orinasa rehetra vao niforona dia iharan'ny fepetry ny hetra tambatra ka ny ampahan-ketra arotsaka mialoha amin'izany dia voafarit'ireo fepetry ny andininy 01.02.06 ny Fehezan-dalàna momba ny hetra. Ny fitsipika ara-ketra ho an'ny taom-piasana manaraka dia faritana araka ny vola maty na vola miditra tsy afakaratsaka isan-taona azon'ny mpandoa hetra tamin'ny taom-piasana farany.”*

**TOKO II****FAHAZOAN-DALANA HIASA****Andininy I-04.-**

Ovana toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny tsipika faha 3 amin'ity andininy ity:

*“ Ho an'ny asa rehetra ilàna fanomezan-dalana, amin'ny fahazoana ilay fanomezan-dalana omen'ireo departemantan'ny ministera na antokon-draharaha mahefa. Ho an'ireo asa ao amin'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany, fizahan-tany sy ara-indostria dia azo atao, raha mitondra ny atontan-taratasy omen'ny departemanta na antokon-draharaha voakasika, ny fanaovana mialoha ny laharam-pamantarana ara-ketra izay anisan'ireo fepetra takiana mba ahazona ny fanomezan-dalana..”*

**TOKO III****FEPETRA ARAHINA MANDRITRA NY FANATANTERAHANA ASA****SOKAJY I****AMIN'NY FOTOANA IASANA****Andininy I-06.-**

Ovana toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy faha 4 amin'ity andininy ity:

*“ Na dia eo aza ireo sazy famaizana na sazy ara-panjakana mifanaraka amin'izany, ny Fandraharahana dia afaka manakana avy hatrany ny karatra ara-ketra amin'ny tranga-na fanambarana diso na tsy fanajàna ireo andraikitra amin'ny fanaovana filazana voalazan'ny andininy I-08 amin'ity Fehezan-dalana ity na ny tsy fanajana ireo andraikitra amin'ny fandoavana ny hetra, sara sy haba amin'ireo fetrandro isam-banim-potoana sy ireo trosa avy amin'ireo fanitsiana ara-ketra raha tsy misy*

*fanapahan-kevitra fampiatoana ny fandoavam-bola amin'ny tranga-na fitarainana amin'ny fifanolanana.”*

**ZANA-DOHATENY II  
FILAZANA SY FANDROTSAHANA NY HETRA**

**TOKO III  
ANDRAIKITRA MIKASIKA NY HETRA AMIN'NY TSENAM-BARO-PANJAKANA**

**SOKAJY I  
PAIKA ARAHINA AMIN'NY FANDOAVANA HETRA AMIN'NY TSENAM-BARO-  
PANJAKANA NOTANANA IFOTONY**

**Andininy I-15.-**

Ovana toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny I- amin'ity andininy ity:

*“ Ho an' ny Faritra Analamanga, ireo tsena izay aloan'ny mpitana kaontim-panjakana na ihany koa izay mpiasa rehetra miandraikitra ny fandoavana ny tsena, dia izy ireo ihany no mikajy sy mitana ifotony ny hetra, tsy maintsy mandrotsaka izany any amin'ny mpandray volan'ny Foibem-pitantanana ny Orinasa Vaventy, fara-fahatarany ny faha 15 ny volana manaraka ny fitanana ifotony ihany koa izy ireo.*

***Ny fandraisana ny vola sy ny fitanan-kaonty ny Taratasy Fampahafatarana ny Fandoavam-bola (BAR) mikasika ny hetra amin'ny tsenam-baro-panjakana dia atao eny amin'ny Sampandraharaham-paritry ny orinasa akaiky azy na, raha tsy misy izany, dia eny amin'ireo Vondrona mpirotsaka an-tsehatra manana fahefana mivelatra amin'ny toerana misy ny Mpandray Vola Fototra na Mpandray Vola Ankapobe mpandoa vola ho an'ireo raharaha ivelan'ny Faritra Analamanga.***

*Ny tompon'ny tsena manana laharam-pamantarana dia tsy maintsy manao fanambarana eny amin'ny vondrona mpirotsaka an-tsehatra mpitantana ny antontan-taratasy, ny hetra notanana miaraka amin'ny taratasy manamarina ny fakana mialoha izany, fara-fahatarany ny faha 15 ny volana manaraka ny nandraisana ny vola.”*

**TOKO IV  
ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA TAMBATRA  
SOKAJY II  
FANORATANA AMIN'NY REJISITRY NY FANISANA**

**Andininy I-18.-**

Ovànà ho “ ***fara-fahatarany ny 15 desambra*** ” ny vondron-teny “ ***alohan'ny 15 desambra*** ” ao amin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity.

**ZANA-DOHATENY II  
FILAZANA SY FANDROTSAHANA NY HETRA  
TOKO VIII  
ANDRAIKITRA AMIN'NY SARA-PANORATANA  
SOKAJY V  
FANDOAVANA NY HETRA**

**I - Fandoavana ireo sara mialoha ny fanoratana**

**Andininy I-98.-**

Ampidirana paragirafy faha 2 izay mirija toy izao, aorian'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity :

***“ Raha misy ifandraisany amin'ny sora-panekena iray na maromaro ny sora-panekena iray hafa, dia tsy maintsy ampiarahina ny fanoratana azy.”***

**TOKO X  
ANDRAIKITRA AMIN'NY FAKANA MIALOHA NY HETRA AMIN'NY VOKATRA MISY  
ALIKAOLA SY NASIANA ALIKAOLA**

Ovana ho **“ANDRAIKITRA AMIN'IREO SARA SY HABA SAMIHABA”** ny lohatenin'ny Toko X ao amin'ny zana-dohateny II.

Foronina ny sokajy I vaovao izay mirija toy izao, aorian'ny lohatenin'ny Toko X :

**“ SOKAJY I**

**ANDRAIKITRA AMIN'NY FAKANA MIALOHA NY HETRA AMIN'NY VOKATRA MISY  
ALIKAOLA SY NASIANA ALIKAOLA”**

Ampidirana sokajy vaovao mirija toy izao, aorian'ny andininy I-103 :

**“ SOKAJY II**

**ANDRAIKITRA MIKASIKA NY HABA AMIN'NY FIFANAKALAZANA AMIN'NY ALALAN'NY  
FINDAY**

**Andininy I-103 bis.-**

***Ny Mpandraharaha amin'ny fifandraisan-davitra no miandraikitra ny fikajiana sy ny fitanana ny haba amin'ny fifanakalozana amin'ny alalan'ny finday. Tsy maintsy manao fanambarana sy mandrotsaka ny haba eny amin'ny Vondrona mpirotsaka an-tsehatra mpitantana ny antontan-taratasiny izy, fara-fahatarany ny faha 15 ny volana manaraka ny fitanana.***

***Ny fanambarana dia atao isam-bolana ary tsy maintsy ahitana ireo raharaha iharan'ny haba, natao miaraka amin'ireo mpaninjara mpikirakira vola amin'ny finday sy ireo mpanjifa. Ny Mpandraharaha amin'ny fifandraisan-davitra dia tsy maintsy manisy tovana ahitana ny lisitr'ireo mpaninjara mpikirakira vola amin'ny alalan'ny finday sy ireo mpanjifa, manaraka ny modely omen'ny Fandraharahana. Ny tsy fanarahana izany dia mahalasa tsy azo raisina ny fanambarana ary mahavoasazy araka ny voafaritry ny andininy 20.01.52 amin'ity Fehezan-dalàna ity.***

***Ny fanambarana dia apetraka ary manan-kery amin'ny alalan'ny sehatra anabaka voatokana amin'izany na manaraka ny modelin'ny taratasy vita printy sy tovana faritan'ny Fandraharahana ara-ketra.***

***Ny fanadinona na ny tsy fanaovana ireo andraikitra voalazan'ity andininy ity dia mitarika sazy ho an'ireo Mpandraharaha amin'ny fifandraisan-davitra araka ny voafarit'ireo andininy 20.01.52, 20.01.53 ary 20.01.54.1 ao amin'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra”***

## **TOKO XII ANDRAIKITRA MIKASIKA NY HETRAN-TANY**

### **Andininy I-106.-**

Ovana toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

***“ Ireo tompony na ireo tena mampiasa ny tany iharan'ny hetra dia tsy maintsy mandefa fanambarana an-tsoratra na anabaka any amin'ny biraon'ny Kaominina misy ny tany, **fara-fahatarany ny faha 15 oktobra** isan-taona, ka ahitana ireto avy:***

***1° Ny toerana misy ny tany na ireo tany ;***

***2° Ny velarana isaky ny karazam-boly na ireo fampiasana hafa ;***

***3° Ny anarana sy fanampin'anaran'ny mpanofa miaraka amin'ny hofany.***

***Na izany aza, ho an'ireo Kaominina ambanivohitra **lavitra**, ireo fanambarana voalaza etsy ambony dia azo soloina fanambarana am-bava izay soratana ao amin'ny rejisitra natokana amin'izany, amin'ny dika roa mitovy ataon'ny Ben'ny tanana na ny solontenany, **ary andraikity ny Kaominina no mandefa ireo antontan-taratasy ireo any amin'ny Ivon-ketra mahefa ara-paritra.*****

***Ireo fanambarana na ny rejisitra dia tsy maintsy alefa any amin'ny biraon'ny Ivon-ketra **fara-fahatarany ny 31 oktobra mba hamerana ny hetra.*****

***Raha toa ka misy fiovana eo amin'ireo fepetra mikasika ny fanofana ny tany eo anelanelan'ny faha 15 oktobra sy ny 1 janoary ny taona handoavana ny hetra, ny tompony dia tsy maintsy manao filazana fanitsiana eny amin'ny **biraon'ny Ivon-ketra** alohan'ny fiandohan'ny taona handoavana hetra.***

## **TOKO XIII ANDRAIKITRA MIKASIKA NY HETRA TRANO**

Ovana ho « **ANDRAIKITRA MIKASIKA NY HETRAN-TRANO** » ny lohatenin'ity toko ity.

### **Andininy I-107.-**

Ovana toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

“ Tsy maintsy mandefa filazana isan-taona an-tsoratra, na anabaka, any amin’ny biraon’ny kaominina misy ny fananana mifaka, **fara-fahatarany ny faha 15 oktobra**, ny tompontrano iharan’ny hetra , ka ahitana ireto avy :

1. Ny anarana sy ny fanampin’anaran’ny mpanofa trano, ny haben’ny efitra mihofa tsy misy fanaka, ny haben’ny efitra mihofa miaraka amin’ny fanaka, ary ny sandan’ny hofatrano ;
2. Ny haben’ny efitra onenan’ny mpanao filazana ;
3. Ny anarana sy ny fanampin’anaran’ireo olona tsy mandoa hofatrano, miaraka amin’ny haben’ny efitra ipetrahany ;
4. Ny haben’ny efitra tsy misy mipetraka.

Na izany aza, ho an’ireo Kaominina ambanivohitra **lavitra**, ireo fanambarana voalaza etsy ambony dia azo soloina fanambarana am-bava izay soratana ao amin’ny rejisitra natokana amin’izany, amin’ny dika roa mitovy ataon’ny Ben’ny tanana na ny solontenany, **andraikitry ny Kaominina no mandefa ireo antontan-taratasy ireo any amin’ny Ivon-ketra mahefa ara-paritra**.

Ireo fanambarana na ny rejisitra dia tsy maintsy alefa any amin’ny biraon’ny Ivon-ketra fara-fahatarany ny 31 oktobra mba hamerana ny hetra.

Raha toa misy fiovana mitranga mikasika ireo fepetra amin’ny fanofana eo anelanelan’ny 15 oktobra sy ny 1 janoary amin’ny taona amerana ny hetra, ny tompony dia tsy maintsy manao fanambarana fanitsiana eny amin’ny **biraon’ny Ivon-ketra** alohan’ny voalohan’ny taona amerana ny hetra.”

#### **Andininy I-108-**

Ovana toy izao manaraka izao ny rijan-tenin’ity andininy ity :

“ Ny sora-panekena rehetra amin’ny famindram-pananana entina **eny amin’ny Ivon-ketra** dia tsy maintsy ampiarahina amin’ny fanamarinana fizakàna.”

### **TOKO XIV**

#### **ANDRAIKITRA MIKASIKA NY HABA AMIN’NY FIAROVANA NY ISAM-BATAN’OLONA**

#### **Andininy I-109-**

Ovana ho “**fara-fahatarany ny 15 janoary**” ny vondron-teny “**alohan’ny 15 janoary**” ao amin’ny paragirafy voalohany amin’ity andininy ity.

### **TOKO XV**

#### **ANDRAIKITRA MIKASIKA NY HABA AMIN’NY TOERAM-PONENANA HO AN’NY FAMPANDROSOANA**

#### **SOKAJY I FANAMBARANA**

**Andininy I-110.-**

Ovana ho *“fara-fahatarany ny 15 jona”* ny vondron-teny *“alohan’ny 15 jona”* ao amin’ny paragirafy voalohany amin’ity andininy ity.

**TOKO XVI  
ANDRAIKITRA MIKASIKA NY HABA AMIN’NY FIVAHINIANANA  
SOKAJY I  
FANAMBARANA**

**Andininy I-112.-**

Ovana ho *“fara-fahatarany ny faha 10 ny volana”* ny vondron-teny *“alohan’ny faha 10 ny volana”* ao amin’ny paragirafy farany amin’ity andininy ity.

**SOKAJY II  
FANDOAVAM-BOLA**

**Andininy I-113.-**

Ovana ho *“fara-fahatarany ny faha 15 ny volana manaraka”* ny vondron-teny *“alohan’ny faha 15 ny volana manaraka”* ao amin’ny paragirafy farany amin’ity andininy ity.

**TOKO XVII  
HABA ISAN-TAONA AMIN’NY MILINA FILOKANA MANDEHA HO AZY**

**Andininy I-114.-**

Ovana ho *“fara-fahatarany ny 31 janoary”* ny vondron-teny *“alohan’ny 31 janoary”* ao amin’ny paragirafy farany amin’ity andininy ity.

**TOKO XIX  
IREO ANDRAIKITRA MIKASIKA NY HABA AMIN’NY DOKAM-BAROTRA  
SOKAJY II  
DOKAM-BAROTRA AMIN’NY HAINO AMAN-JERY**

**Andininy I-119.-**

Ovana ho *“fara-fahatarany ny faha 15 ny volana”* ny vondron-teny *“alohan’ny faha 15 ny volana”* amin’ny paragirafy voalohany amin’ity andininy ity.

**TOKO XXI  
HABA ALAINA AMIN’NY JOALAMBY, FAMPITANA, TENDROMPAMPITA NA  
SALAZANA**

**Andininy I-122.-**

Ovana ho *“fara-fahatarany ny 15 oktobra”* ny vondron-teny *“alohan’ny 15 oktobra”* amin’ity andininy ity.

**Andininy I-123.-**

Ovana toy izao manaraka izao ny rijan-tenin’ity andininy ity :

“ Ny hetra dia napetraka amin’ny alalan’ny sora-pameran-ketra omen’ny mpanalalana ambaratonga faharoa ny fampidiram-bolan’ny Kaominina misy ireo fitaovana, amin’ny alalan’ny fanambarana voafaritry ny andininy I-122 etsy ambony.

**Ny famoriana dia ataon’ny Mpitahiry volan’ny kaominina na raha tsy misy izany dia ataon’ny Mpiandraikitra ny fandraisam-bola eny amin’ny Kaominina misy ny fitaovana, manaraka ireo Didim-pitondram-paritra amin’ny fanatanterahana ny teti-bola.**

Ny fandrotsahana rehetra ataon’ny mpandoa hetra dia tsy maintsy anomezana tapakila nandoavambola mifanaraka amin’ny sora-bola noraisin’ny mpiasa miandraikitra ny famoriana mba ho taratasy fanamarinana ho an’ny mpandoa hetra.

**Ny Mpiandraikitra dia mandrotsaka ny anjaran’ny Kaominina any amin’ny mpitana kaonty na mpitahiry volan’ny Kaominina, ny anjaran’ny Faritra kosa dia arotsany eny amin’ny Tahirimbolam-panjakana fara-fahatarany ny faha 15 ny volana manaraka.”**

**LOHATENY II  
ANDRAIKITRA MIKASIKA NY HETRA TSY MIVANTANA ALAINA AMIN’NY  
FANDANIANA**

**TOKO VIII  
ANDRAIKITRA SAMIHAFAN’ NY MPANDOA HABA**

**SOKAJY II  
FAMETRAHANA FANAMBARANA MOMBA NY FAMOAHANA VOKATRA HAMPIASAINA  
SY NY FANDOAVAM-BOLA**

**Andininy II.95.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin’ny paragirafy farany amin’ity andininy ity:

“Na izany aza ho an’ny mpanafatra entana, ny hetra tsy mivantana alaina amin’ny fandania dia kajiana sy angonin’ny sampandraharahan’ny fadintseranana alohan’ny hamoahana ny entana. Ny hetra tsy mivantana alaina amin’ny fandania dia tsy tokony hanaovana Fampitrosana momba ny fakana ny entana na fampitrosana haba.. Ireo hetra tsy mivantana alaina amin’ny fandania aloa amin’ny fanafarana akora voatanisa eto ambany dia raisina ho toy ny ampahan-ketra aloa mialoha amin’ny hetra tsy mivantana alaina amin’ny fandania amin’ny sigara vokarina eto an-toerana. Izy ireo dia esorina amin’ny sara tsy maintsy aloa amin’ny fanambarana famoahana vokatra ampiasaina.

- 24 01 10 00 - Tabacs non écotés ;
- 24 01 20 00 - Tabacs partiellement ou totalement écotés ;
- 24 01 30 00 - Déchets de tabac ;
- 24 03 91 00 - Tabacs « homogénéisés » ou « reconstitués ».

**Raha toa ny hetra tsy mivantana alaina amin’ny fandania nanaovana fanambaràna ka latsaky ny ampahan-ketra naloa mialoha, ny elanelana aterak’izany dia mivadika ho trosan-ketra tsy mivantana alaina amin’ny fandania izay afaka afindra amin’ireo fotoana fandoavambola isambolana manaraka. Izany famindrana izay dia afaka atao ao anatin’ny fehim-potoana tsy mihoatra**



*ny telo taona. Na manao ahoana na manao ahoana antony, dia tsy afaka ahazoana zo amin'ny fanonerana io trosan-ketra io.”*

**LOHATENY III  
ANDRAIKITRA MIKASIKA NY HETRA AMIN'NY FAHAZOAN-DALANA HIVAROTRA**

**TOKO I  
HETRA AVY AMIN'NY FAHAZOAN-DALANA MIKASIKA NY ALIKAOLA SY NY  
VOKATRA MISY ALIKAOLA**

**SOKAJY I  
FEPETRA AMIN'NY FIVAROTANA ALIKAOLA SY NY VOKATRA MISY ALIKAOLA**

**PARAGIRAFY II  
FIVAROTANA ZAVA-PISOTRO MISY ALIKAOLA**

**II- Fahazoan-dalana**

**Andininy III-12.-**

Ovana ho *“fara-fahatarany ny faha 15 ny volana”* ny vondron-teny *“alohan'ny faha 15 ny volana”* amin'ny paragirafy faha efatra amin'ity andininy ity.

**TOKO II  
HETRA FAHAZOAN-DALANA Hafa**

**SOKAJY I  
FANDOAVANA**

**Andininy III-63.-**

Ovana ho *“fara-fahatarany ny faha 15 ny volana”* ny vondron-teny *“alohan'ny faha 15 ny volana”* amin'ny paragirafy faha dimy amin'ity andininy ity.

**SOKAJY III  
ANDRAIKITRA**

**Andininy III-66.-**

Ovana ho *“fara-fahatarany ny faha 15 desambra”* ny vondron-teny *“alohan'ny 15 desambra”* amin'ity andininy ity.

**LOHATENY IV  
FAHEFANA MITAKY FAMPAHALALANA, IREO ZO Hafa AN'NY FANDRAHARAHANA  
SY IREO ANDRAIKITRA Hafa AN'NY MPANDOA HETRA, IREO ANDRAIKITRA  
AMIN'NY REJISITR'IREO MPISITRAKA TENA IZY**

**TOKO III  
ANDRAIKITRA HAFAN'NY MPANDOA HETRA**

**SOKAJY III  
FITANAN-KAONTY MAMAKAFAKA SY FANOMEZANA FAKITIORA ARA-DALANA**

**Andininy IV-21-**

a) Ovana toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny tsipika voalohany amin'ny paragirafy faha 3 amin'ity andininy ity :

*“ – soratana amin'ny dika roa mitovy, mitovy tantana, tsy vesarana, tsy misy hosokosoka, tsy azo ampiana amin'ny endriny rehetra ;”*

**TOKO IV  
IREO ANDRAIKITRA AMIN'NY REJISITR'IREO MPISITRAKA TENA IZY**

**SOKAJY VII  
FOMBA FAMPANDEHANANA SY FEPETRA TETEZAMITA**

Ovâna ho **“FOMBA FAMPANDEHANANA”** ny lohatenin'ity Sokajy VII ity.

**Andininy IV-41.-**

Ovâna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

*“ Ireo fomba fampiharana ireo fepetra voalazan'ny andininy IV-26 hatramin'ny IV-40 dia faritan'ny didy amam-pitsipika.”*

**LOHATENY V  
IREO PAIKA ARAHINA AMIN'NY FANAMARINANA ATAON'NY FANDRAHARAHANA  
ARA-KETRA**

**TOKO I  
FANAMARINANA AMIN'NY ANTONTAN-TARATASY**

**SOKAJY I  
ZO AMIN'NY FANAMARINANA**

**Andininy V-08**

Ovâna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

*“Ireo mpiasan'ny Foibem-pitondrana Ankapoben'ny Hetra, nanao fianianana sy manana fahazoan-dâlana, manana ny grady mpanara-mason'ny hetra farafahakeliny dia manan-jo hanao ny fanamarinana eny an-toerana, ny raharaha ara-ketran'ny mpandoa hetra sy manam-pahefana amin'ny famaritana ny fototra amerana ireo hetra, sara sy haba tokony naloan'ny mpandoa hetra izay nanaovany fanamarinana.*

***Ireo mpiasa ireo afaka ampian'ny tekisianina.”***

**TOKO III  
FEPETRA IRAISANA AMIN'IREO PAIKA ARAHINA AMIN'NY FANAMARINANA  
SY NY FANITSIANA IFANATREHANA**

**Andininy V-33.-**

Ovâna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

*“Ny mpandoa hetra izay nanaovana fanamarinana eny an-toerana na fanamarinana an-taratasy, araka ireo andininy V-09 hatramin'ny V-17 na ireo andininy V-02 hatramin'ny V-07 amin'ity*

*Fehezan-dalàna ity, dia manan-jo hitondra ny raharaha eo amin'ny Vaomiera ara-ketra ao anatin'ny dimy ambinifolo (15) andro manaraka ny daty naharaisana ny fampahafantarana raikitra izay ampiarahana amin'ny sora-pitakiana hetra.”*

**LOHATENY VI**  
**PAIKA ARAHINA AMIN'NY FIFANOLANANA SY FAMINDRAM-PO**  
**TOKO III**  
**PAIKA ARAHINA AMIN'NY FIFANOLANANA FAMERANA HETRA**  
**SOKAJY II**  
**PAIKA ARAHINA MIALOHA ENY ANIVON'NY FANDRAHARAHANA**  
**PARAGIRAFY II**  
**FEPETRA ARAHINA AMIN'NY FANGATAHANA MOMBA NY FIFANOLANANA AMIN'NY**  
**FAMERAN-KETRA**

**Andininy VI-16.-**

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny tsipika faha 2 amin'ity andininy ity :

*“ - mahakasika fampahafantarana raikitra na filazana fameran-ketra tokana ; ”*

b)Ovàna toy izao manaraka izao ny rijantenin'ny tsipika faha 9 amin'ity andininy ity :

*“ - ampiarahina ny dika mitovy amin'ny sora-pitakiana hetra ;”*

c) Ampiana paragirafy izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity :

*“Amin'izany, dia voarara ireo manam-pahefana mpanapa-kevitra voalazan'ny andininy VI-20 sy ireo mpitsara, hanaiky handray ireo fangatahana sy/na ireo fitarainana mandika ireo fepetra voalazan'ity andininy ity. Ny fandikana izany dia mitarika, amin'ny anarany manokana, fiombonana fandoavana ireo hetra tokony efaina”*

**PARAGIRAFY III**  
**TOERANA AMETRAHANA NY FITARAINANA SY FANDINIHINA NY FITARAINANA**

Ovana ho **“TOERANA AMETRAHANA SY FANDINIHINA NY FITARAINANA”** ny lohatenin'ny Paragirafy III.

**Andininy VI-18.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity :

*“ Ho an'ireo hetram-bondrom-bahoaka voalazan'ny lalàna ara-ketra, ny fangatahana fanalàna na fampihenana dia apetraka eny amin'ny Foibe miandraikitra ny fifanolanana ara-ketra aorian'ny fanamarinan'ny **Ivon-ketra** na ny Sampandraharaha miandraikitra ny fameran-ketran'ny kaominina misy azy. Ny fangatahana dia tsy maintsy ampiharahina amin'ny taratasim-panadihadihana mifanaraka amin'izany nataon'ity farany.”*

**PARAGIRAFY V**  
**FANAPAHANA**

**Andininy VI-20.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

*“Ny Fandraharahana ara-ketra no manapaka ny amin'ireo fitarainana voarainy, ao anatin'ny (60) andro naharaisana izany. **Raha misy fampandrenesana ny Vaomiera ara-ketra, io fe-potoana io dia telopolo (30) andro miatomboka amin'ny nandraisana ny tsao-kevitra nataon'ilay Vaomiera.***

*Ny Tale Jeneralin'ny Hetra no manana fahefana amin'ny fanapahana izay afaka mamindra manontolo na amin'ny ampahany izany fahefany izany.”*

**PARAGIRAFY V  
FANAFOANAN-KETRA**

**Andininy VI-24.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

*“Ny Fandraharahana ara-ketra no manapaka ireo fanafoanan-ketra natolotra tsy misy fierana nataon'ireo mpiasa mpiandraikitra ny fameran-ketra, ny famoriana ao **anatin'ny (60) andro** naharaisana azy. Ny Tale Jeneralin'ny Hetra no manana fahefana amin'ny fanapahana izay afaka mamindra manontolo na amin'ny ampahany izany fahefany izany.”*

**SOKAJY III  
PAIKADY MANOLOANA NY FITSARANA MIANDRAIKITRA NY ADY AMIN'NY  
FANJAKANA**

**PARAGIRAFY I  
FAMPIDIRANA NY FANGATAHANA**

**Andininy VI-27.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

*“Ny fitoriana eny amin'ny Fitsarana dia tsy maintsy apetraka ao anatin'ny telopolo (30) andro manomboka amin'ny fandraisana ny fampahafantarana ny fanapahana na manomboka amin'ny fahataperan'ny fe-potoana enimpolo (60) andro voalazan'ny andininy VI-26 teo aloha **na amin'ny fahataperan'ny paik'andro telopolo (30) andro izay voalazan'ny andininy VI-63.***

*Ny fitoriana eny amin'ny Fitsarana alohan'ny fahataperan'ny **fe-potoana voalaza etsy ambony** na mialohan'ny fampahafantarana ny fanapahana ataon'ny Fandraharahana na koa aorianan'ny fahataperan'ny fe-potoana ahafahan'ny mpangataka mitoray eny amin'ny Fitsarana dia tsy azo raisina.”*

**PARAGIRAFY II  
ENDRIKY NY FANGATAHANA SY PAIKA ARAHINA**

**Andininy VI-28.-**

Ampiana paragirafy farany izay mirija toy izao amin'ny farany amin'ity andininy ity :

*“**Tsy azon'ny mpitsara atao ny manapaka amin'ny fangatahana sy/na fomba tsy nandalo mialoha teny amin'ny Fandraharahana ara-ketra na inona na inona antony. Ny fanaovany izany dia mitarika ny fandoavany samy irery ireo sara takiana, amin'ny anarany manokana .”***

**Andininy VI-33.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

*“ Ny mpitory sy ny Fandraharahana ara-ketra dia tsy maintsy ampahafantariny **Mpiraki-draharahana amin'ny alalan'ny filazana ny fotoam-pitsarana, ka ny taratasy fanekena nandraisana dia tsy maintsy averina any amin'ny fitsarana mahefa alohan'ny fotoam-pitsarana. Io fampilazana io dia omena fara-fahatarany dimy ambin'ny folo andro alohan'ny fotoam-pitsarana.***

*Ny tsy fisian'ny fampahafantarana amin'ny alalan'ny filazana ny fotoam-pitsarana amin'ny mpangataka sy/na amin'ny Fandraharahana ara-ketra dia fahadisoana niniana natao, mety hitarika fijerena indray ny raharaha araka ny lalàna fehizoro laharana faha 2004-036 tamin'ny 1 oktobra 2004 mikasika ny fandaminana, ireo andraikitra, ny fampandehanana sy paika ampiharina eny amin'ny Fitsarana Tampony sy ireo sampam-pitsarana telo mandrafitra azy.”*

**SOKAJY IV**

**PAIKA ARAHINA MANOLOANA NY FITSARANA MISAHANA NY ADY MADIO**

Ovàna ho **“SARAN'NY PAIKA ARAHINA MANOLOANA FITSARANA MISAHANA NY ADY MADIO SY ARA-PANJAKANA”** ny lohatenin'ity sokajy IV ity.

**Andininy VI-46.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

*« Ireo paika arahina manoloana ny Fitsarana misahana ny ady madio sy ara-panjakana dia tsy andoavana sarany. »*

**SOKAJY V**

**FANDRAVONANA IREO FIFANOLANANA ARA-KETRA EO ANIVON'NY VAOMIERA ARA-KETRA**

**III- FAMPAHAFANTARANA NY VAOMIERA ARA-KETRA**

**Andininy VI-53.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny 4. amin'ity andininy ity :

*« Ny taratasy fampahafantarana dia apetraka eny amin'ny biraon'ny mpitan-tsoratra ny Vaomiera ara-ketra izay mandefa ny dika mitovy amin'izany amin'ny **Sampan-draharaha miandraikitra ny fifanolanana ara ketra sy ny Sampan-draharaha miandraikitra ny fitantanana ny antontan-taratasin'ny mpandoa hetra.** »*

**Andininy VI-54.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

*“1. Mba ho azo raisina, ny taratasy fampahafantarana ny Vaomiera ara-ketra dia tsy maintsy :*

- mahakasika mpandoa hetra iray ;*
- mahakasika fampahafantarana fameran-ketra raikitra iray ihany ;*
- ampiarahana amin'ny taratasy manamarina ny fandoavana ny ampahan-ketra ekena tamin'ny fanitsiana, raha misy izany ;*

- ampiarahana amin'ny fitanana an-tsoratra ny adi-hevitra ifanatrehana araka ny voalazan'ny andininy V-03 hatramin'ny V-07 ho an'ny fanaraha-maso ny antontan-taratasin-ketra sy voalazan'ny andininy V-17 ho an'ny fanamarinana eny an-toerana ;
- mirakitra ny karazan-ketra, ny taom-piasana sy ny sora-bola ifanolanana ;
- mirakitra ny famelabelarana amin'ny antsipirihany ny anton'ny fanoherana, ireo tohan-kevitra sy fehin-kevitra ;
- ampiarahana amin'ireo taratasy fanamarinana manohana ny heviny ;
- mirakitra ny sonia, ny anarana, sy ny andraikitra ny mpangataka. ;
- asiana daty.

**Ny Vaomiera ara-ketra dia tsy maintsy manapaka ny fandraisana na tsia ny fampahafantarana araka ireo fepetra voalaza etsy ambony sy ireo voafaritry ny andininy VI-16 amin'ity Fehezandalàna ity.**

2. Ny olona rehetra mampahafantatra ny Vaomiera amin'ny anaran'olon-kafa dia tsy maintsy mitondra miaraka amin'ny taratasy fampahafantarana, fanomezan-dalana ara-dalàna natao an-taratasy sy noraketina am-boky ao amin'ny biraon'ny hetra mintantana ny antontan-taratasin'ny ny mpandoa hetra alohan'ny fampahafantarana ny Vaomiera. Na izany aza, ireo mety tsy fahatomombanana ara-paikady, ankoatran'ny fahalanian'ny paik'andro, dia azo arenina **ao anatin'ny fetr'andro voafaritry ny Vaomiera ara-ketra** alohan'ny fotoam-pitsarana voalohany voatondron'ny Vaomiera.

**Ny fanarenana rehetra natao araka ireo fepetra voalaza etsy ambony dia tsy maintsy raketina ao amin'ny filazana nalefan'ity farany.”**

#### IV- FANADIHADIANA NY ANTONTAN-TARATASY

##### **Andininy VI-58.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

“ Ny Vaomiera dia manana **enimpolo andro manomboka amin'ny daty nandraisana ny fampahafantarana**, raha misy izany, mba hampahafantatra ny heviny amin'ny roa tonta. »

##### **Andininy VI-60.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

« **Ny Sampan-draharaha mpitantana ny antontan-taratasin'ny mpandoa hetra dia mametraka any amin'ny Vaomiera ara-ketra ireo fanamarihany**, ny fitanana an-tsoratra ny adi-hevitra ifanatrehana miaraka amin'ireo antontan-taratasin'ny paikady sy ireo porofo. Afaka hakana hevitra amin'ny fotoana rehetra izy kanefa tsy manatrika ny adi-hevitra.

1. Ny Vaomiera dia afaka mampiantso ireo mpanara-maso sy ny mpandoa hetra. Ny mpandoa hetra na ny solon-tenany dia mitondra ireo fanamarihana amin'ireo vontoin'ny fanitsiana tsy nekena teny ampiandohana, kanefa tsy afaka manatrika ny adi-hevitra.

2. Ny Vaomiera ara-ketra dia tsy afaka manao fanadihadiana hafa ankoatran'ireo efa voarakitra ao anatin'ny taratasy fampahafantarana nalefa taminy. Ireo vontoin'ireo fanitsiana tsy niadian-kevitra tao

*anatin'ny fitanana an-tsoratra fa voarakitra ao anatin'ny taratasy fampahafantarana voalohany sy nentina amin'ny fampahafantarana raikitra dia heverina ho toy ny neken'ny mpandoa hetra.”*

#### IV- HEVITRY NY VAOMIERA ARA-KETRA

##### **Andininy VI-62.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

**« Ny hevitra ny Vaomiera miaraka amin'ny antony dia tsy maintsy ampahafantarina ny fandraharahana sy ny mpandoa hetra amin'ny daty iray. Raha natao tamin'ny daty samy hafa ireo fampahafantarana ireo dia tsy maintsy mampahafantatra ny mpandoa hetra ny daty nandraisan'ny fandraharahana izany heviny izany ny Vaomiera.»**

##### **Andininy VI-63.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

*“1. Ny hevitra ny Vaomiera ara-ketra dia ahitana ireo antony nifotoran'izany sy mampilaza amin'ireo mpifanandrana ny anton'ny faharesen-dahatra an'ireo mpikambana.*

*2. Ny hevitra ny Vaomiera ara-ketra dia tsy mihatra amin'ireo mpifanandrana.*

*3. Ny hevitra ny Vaomiera ara-ketra dia ampahafantarina ny sampan-draharaha miandraikitra ny fifanolanana ho fototra amin'ny fanapahan-kevitr'ireo manampahefana mahefa voalazan 'ny andininy VI-24 amin'ity fehezan-dalàna ity.*

*Manana fe-potoana 30 andro manomboka amin'ny nandraisana ny hevitra ny Vaomiera ny Fandraharahana ara-ketra handraisana fanapahana. Mitohy ny paika arahina toy ny amin'ny fangatahana mialoha eny amin'ny Fandraharahana araka ny voalazan'ireo andininy VI-26 sy ny manaraka.*

*Tsy azo ekena ny fampidirana miaraka ny fangatahana mivantana eny amin'ny Fandraharahana ara-ketra sy ny fitarainana eny amin'ny Vaomiera ara-ketra.”*

##### **Andininy VI-64;-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

*“ Raha toa ka tsy mamoka ny heviny ao anatin'ny fe-potoana voafaritry ny lalàna ny Vaomiera ara-ketra dia afaka mandray an-tanana ny taratasy fampandrenesana ny Vaomiera araka ireo andininy VI-18 sy ny manaraka ny Sampan-draharaha miandraikitra ny fifanolanana ara-ketra. Ny tsy fisiana fanapahan-kevitr'ireo manam-pahefana amin'izany ao anatin'ny fe-potoana voafetra ho 30 andro miantomboka amin'ny fahataperan'ny fe-potoana ahazoan'ny Vaomiera ara ketra mamoka ny heviny, dia miendrika fandavana izay azo hoentiny eny amin'ny fitsarana.*

**TOKO IV  
FAMAIZANA FANDIKAN-DALANA**

**SOKAJY III  
FIFANARAHANA**

**Andininy VI-79.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

*“ Ireo fandikàna ny lalàna ara-ketra izay mety handoavana lamandy famaizana na hidirana am-ponja dia azo hanaovana fifanarahana mialoha na aorian'ny didim-pitsaràna. Alohan'ny didim-pitsarana raikitra, ny fifanarahana dia afaka mampitsahatra ny fanenjehana famaizana amin'ny fandikan-dalàna voalazan'ny lalàna manan-kery, tahaka izany koa ireo izay mety hampiditra am-ponja. Aorian'ny didim-pitsaràna raikitra, dia tsy misy intsony ny fifanarahana azo atao ankoatra ny fanamelohana ara-bola. Raha tsy misy ny fandoavana manontolo ny vola nifanarahana ao anatin'ny fe-potoana napetraka, dia foana ny fifanarahana ary miverina manan-kery ny fitanana an-tsoratra.*

*Na izany aza, ny famoriana ireo vola tsy maintsy aloa dia azo tohizana manaraka ireo fomba sy fepetra voalazan'ireo andininy VII-33 sy VII-35, ary ny fifanarahana dia tsy mampihantona ny famoriana efa vita fameran-ketra.”*

**LOHATENY VII  
FAMORIANA NY HETRA**

**TOKO I  
FAMORIANA IREO HETRA MAHAKASIKA NY TANY SY NY TRANO ARY HETRAM-  
BONDROM-BAHOAKA Hafa**

**SOKAJY I  
FITAKIANA NY HETRA**

**Andininy VII-01.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity :

*“ Ireo hetra mivantana sy ny haba toa azy hita ao anatin'ny Lohateny I sy II amin'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra dia takiana manomboka ny 1 martsa amin'ny taona amerana ny hetra raha tsy mifanohitra amin'ireo fepetra manokana mifehy ny karazan-ketra tsirairay amin'ny hetram-bondrom-bahoaka. Ny sora-bola aloa dia ampahafantarin'ny Ivon-ketra ireo mpandoa hetra amin'ny alalan'ny filazana fameran-ketra izay soniavin'ny Lehiben'ny Ivon-ketra mahefa ara-paritra. Ny Lehiben'ny Ivon-ketra dia afaka manome fahefana hanao sonia ireo mpiasan'ny hetra eo ambany fiahiny.”*

**Andininy VII-02.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

*“ Ireo hetra mahakasika ny tany sy ny trano tsy maintsy aloa amin'ny taona iray dia afaka anaovana fandraisana ampaham-bola mialoha kajiana amin'ireo hetra tamin'ny taona teo aloha. Ny mpandoa hetra dia afaka mangataka fandoavan-ketra tsikelikely amin'ny Lehiben'ny Ivon-ketra mahefa ara-paritra.”*



**Andininy VII-03.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

*“Ho fandinganana ireo fepetra teo aloha, ny fandoavana ny hetra dia afaka ahemotry ny **Lehiben'ny Ivon-ketra mahefa ara-paritra** amin'ny fotoana hananan'ny mpandoa hetra fahafahana ara-bola. Na izany aza, ireo fanapahana ireo dia tsy tokony ampihemotra ny fetra fandoavana aorian'ny 1 Novambra.”*

**SOKAJY II  
FANDOAVANA NY HETRA**

**Andininy VII-06.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

*“Ny hetra mivantana sy haba mitovy aminy dia aloa amin'ny vola manan-kery fampiasa eto Madagasikara na araka ny fomba fandoavam-bola eken'ny Minisitra misahana ny didy amam-pitsipika momba ny hetra any amin'ny **Mpandray volan'ny hetra mahefa ara-paritra**”*

**TOKO II  
FAMORIANA ATAON'IREO SAMPAN-DRAHARAHAN'NY HETRA**

**SOKAJY II  
SORA-PITAKIANA HETRA**

**Andininy VII-33.-**

a) Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny andalana voalohany amin'ity andininy ity :

*“Ireo trosan-ketra voalazan'ny andininy VII-01 sy VII-32 amin'ity Fehezan-dalàna ity **ary koa ireo trosan-ketra vahiny, nanaovan'ny manampahefana vahiny fangatahana fanampiana amin'ny famoriana**, dia anaovana sora-pitakiana hetra manokana na miaraka ary noho izany dia azo takiana. Ny sora-pitakiana hetra dia tsy maintsy alefa aorian'ny fampahafantarana raikitra, fampahafantarana ny fameran-ketra tsy misy fierana na filazana ny fikajian-ketra voalazan'ny andininy 20.01.56.16 ny Fehezan-dalàna momba ny hetra amin'ny fe-potoana voafaritry Fehezan-dalàna ity. Izy io dia avoaka aorian'ny taratasy fameran-ketra ho an'ireo tranga hafa mba tsy ahalany ny paik'andro amin'izany araka ny voalazan'ity Fehezan-dalàna ity. Ny sora-pitakiana hetra dia ataon'ny mpiasa manana laharan'ny mpandray vola na mpiasa Tompon'andraikitra amin'ny famoriana ireo Hetram-bondrom-bahoaka eny amin'ireo Vondrom-bahoaka Itsinjaram-pahefana, nankatoavina sy mahazo toetra tsy maintsy tanterahina avy amin'ny Tale na ny Lehiben'ny vondrona mpirotsaka an-tsehatra mitantana ny antontan-taratasin'ny mpandoa hetra, ho an'ireo hetra sy haba ao amin'ny Boky II amin'ny Fehezan-dalàna momba ny hetra, ataon'ny Lehiben'ny vondrona mpirotsaka an-tsehatra ara-paritra mahefa. Ny sora-pitakiana hetra dia atao amin'ny alalan'ny taratasy fameran-ketra, isaky ny karazan-ketra ary tsy maintsy ahitana ireto filazana manaraka ireto : ”*

b) Ampiana andalana izay mirija toy izao amin'ny faran'ity andininy ity :

**“Raha tsy mifanohitra amin’ireo fepetra voalazan’ireo fifanarahana ara-ketra, ireo fomba arahina amin’ny famoriana ireo trosa ara-ketra, ao anatin’ny fanampiana ireo manam-pahefana vahiny amin’ny famorian-ketra, dia voafaritry ny didy amam-pitsipika”.**

## **SOKAJY V ANDRAIKITR’ IREO OLON-KAFA**

### **Andininy VII-53.-**

a) Ampidirana paragirafy faha sivy izay mirija toy izao aorian’ny paragirafy faha valo amin’ity andininy ity:

**“Ho an’ireo kaonty misokatra ho an’ireo olon-kafa, tsy azon’izy ireo atao ny manidy ny kaonty na mamono ireo fanoratana eo amin’ny toerana misy azy raha tsy nampafantarina azy ny fanalana tsatoka.”**

b) Ampiana paragirafy farany izay mirija toy izao amin’ny faran’ity andininy ity :

**“ Ny fisian’ny fangatahana fanoherana ny fameran-ketra dia tsy mampihantona ny famoriana ny hetra, ary ireo orinasa mpandraharaha ara-bola sy ireo mpitahiry hafa sy ireo ananan’ny mpandoa hetra trosa, dia tsy maintsy manome na mandrotsaka ireo vola tsy misy fe-potoana any amin’ny mpiasa miandraikitra ny famoriana, raha vao naharay ny taratasy fanatanterahana ny fampahafantarana ireo olon-kafa mitazona fananana izy, ankoatry ny fihantonan’ny fanenjehana avy amin’ny fandraharahana na fitsarana mahefa. Ny fandavana ny fanatanterahana ivelan’ireo tranga voalaza teo aloha dia mahatonga ireo olona voalaza etsy ambony ho tompon’andraikitra amin’ny fandoavana ny hetra tsy maintsy efainy, araka ny andininy V-100, anjaran’izy ireo no mitaky izany any amin’ireo tena mpandoa hetra, ankoatra ireo fanenjehana famaizana amin’ny tsy fanatanterahana ny taratasy manan-kery manaraka ny andininy 221 amin’ny Fehezan-dalàna famaizana malagasy.”**

## **TOKO III FANGATAHANA FAMPiatoana NY FANDOAVAM-BOLA**

### **Andininy VII-59.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin’ity andininy ity :

**“ Ny fametrahana fitarainana momba ny fifanolanana amin’ny fototra amerana ny hetra na fangatahana manoloana ny Fitsarana dia tsy mampiato ny fanangonana ireo hetra. Ny fangatahana fampiatoana ny fandoavam-bola dia aterina eny amin’ny biraon’ny Foibe-mpitantanana miandraikitra ny fifanolanana ara-ketra miaraka amin’ny dika mitovy amin’ny fitarainana momba ny fifanolanana amin’ny fototra amerana ny hetra ary voamarina ara-taratasy ny nandraisan’ny biraon’ny hetra mintantana ny antontan-taratsin’ny mpandoa hetra izany.**

**Na izany aza, ny mpandoa hetra mametraka fitarainana ara-pifanolanana dia mahazo fampiatoana ny fandoavam-bola amin’ny ampahany ifanolanana raha manao fangatahana mazava :**

**- raha toa ka misy fampakaran-draharaha any amin’ny fandraharahana, ao amin’ny fitarainana mialoha;**

- raha mampandre ny Vaomiera ara-ketra, kanefa dia mangataka amin'ny alalan'ny taratasy miavaka eny amin'ny sampan-draharaha misahana ny fifanolanana ara-ketra izy ;

raha manome miaraka amin'ny fangatahany taratasy manamarina ny fandoavana ny ampahan-ketra nekeny izy raha misy izany, miaraka amin'ny fangatahany;

raha maneho ao anatin'ny fitarainany na faritany ny fototry ny fangataham-panafoanana tiany sitrahana ; raha manome miaraka amin'ny fitarainana ara-pifanolanana, ny taratasy fanamarinana izay milaza ny fandoavana mialoha ireo antoka eny amin'ny tahiry fametrahana amin'ny alalan'ireo fomba eken'ny lalàna amin'ny fandoavana hetra, tsy miteraka zana-bola ary ny sora-bola izay mira dimy amby roapolo isan-jato (25%) ny fanitsiana nolavina. Amin'izany, ny fandoavana ireo antoka voalaza ireo eny amin'ny tahiry fametrahana dia atao aorian'ny fanomezan-dalana avy amin'ny Tale misahana ny fifanolanana araka ny fangatahana ataon'ny mpandoa hetra.

Ny Tale misahana ny fifanolanana, manam-pahefana ara-ketra mahefa, dia mampahafantatra ny tohin'ny fangatahana fampiatoana fandoavam-bola ao anatin'ny fe-potoana folo andro manomboka amin'ny nandraisana ny fangatahana. Raha misy fandavana ny fangatahana dia azon'ny mpandoa hetra atao ny mampiakatra ny raharaha eny amin'ny Filan-kevi-panjakana ho an'ireo hetram-panjakana **na eny amin'ny Fitsarana momba ny ady ifanaovana amin'ny fanjakana ho an'ireo hetram-bondrom-bahoaka, izay tsy maintsy manapaka izany haingana.** Manana io zo io koa ny Tale misahana ny fifanolanana raha toa ka tsy misy ny fanapahana ao anatin'io fe-potoana io.

Ny fangatahana eny amin'ny Fitsarana dia tsy maintsy ampidirina ao anatin'ny fe-potoana (10) folo andro miatomboka amin'ny nandraisana ny fanapahan-kevitra na ny fahataperan'ny fe-potoana voalazan'ny andalana eo aloha.

Ireo fepetra voalazan'ity andininy ity dia azo ampiharina amin'ny fanaovana antoka amin'ny fitarainana ara-pifanolanana momba ny fameran-ketra, eny amin'ny Fandraharahana **na eny amin'ny Filankevi-panjakana sy ny Fitsarana amin'ny ady ifanaovana amin'ny fanjakana.**

Ny fampiatoana fanatanterahana, paikady amin'ny lalàna mifehy ny ankapobem-bahoaka ampiharina eny amin'ny Fitsarana Tampony sy ireo karazam-pitsarana ao aminy dia tsy mihatra amin'ny hetra.

**Amin'ny fepetra tetezamita, ireo fanapahana amin'ny fampiatoana ny fandoavam-bola ho an'ny mpandoa hetra, nalefa talohan'ny 1 janoary 2025 dia manan-kery mandra-pahatapitr'ireo antoka natao tamin'ny banky mifandray amin'izany.** Ny fanavaozana ny antoka dia tsy maintsy ampiarahana amin'ny fangatahana fampiatoana fandoavan-ketra vaovao araka ireo fepetra faritan'ity andininy ity. Ny fangatahana dia anaovana fitsirihana vaovao ataon'ny Foibem-pitantanana miandraikitra ny fifanolanana.”

## LOHATENY VIII.

### FIFANOLANANA ARA PANANGONAN-KETRA

#### TOKO I

### FANOHERANA AMIN'NY FANENJEHANA HO AN'IREO HETRA NOVORIAN'NY SAMPAN-DRAHARAHAN'NY TAHIRIM-BOLAM-PANJAKANA

**Andininy VIII-03.-**

Soloina ho *“Tale misahana ny fifanolanana ara-ketra”* ny vondron-teny *“Tale Jeneralin’ny hetra”* amin’ity andininy ity.

**LOHATENY IX  
FEPETRA SAMIHafa  
TOKO I  
FAHALANIANA PAIK’ANDRO SY FE-POTOANA  
SOKAJY I  
FAHALANIANA PAIK’ANDRO  
PARAGIRAFY I  
FE-POTOANAN’NY FAHALANIAN’NY PAIK’ANDRO**

**Zana-paragirafy III : Sara-panoratana, sara amin’ny hajia sy haba toa azy**

**Andininy IX-09.-**

Ampidirana paragirafy farany izay mirija toy izao amin’ny faran’ity andininy ity :

*“ Na izany aza, ho an’ireo fifanarahana izay iankinan’ireo fepetra ny fahatanterahany, ny fahalania paik’andro dia 10 taona manomboka amin’ny fahatanterahana izany.”*

**SOKAJY II  
FE-POTOANA**

**Andininy IX-23.-**

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin’ity andininy ity :

*“Ireo fe-potoana voalazan’ny Fehezan-dalàna momba ny hetra sy ity rijan-teny ity dia fe-potoana katroka ary tsy misy fe-potoana noho ny fahalavirana.*

*Ny fampitomboana ny fe-potoana fanampiny noho ny fahalavirana na noho ny antony hafa voalaza amin’ny lalàna mifehy ny ankapobem-bahoaka dia tsy mihatra amin’ny lafiny ara-ketra.*

*Amin’izany, tsy azon’ireo mpitsara atao ny manome fetr’andro fanampiny ho an’ny mpangataka, fa mahatonga azy ho tompon’andraikitra amin’ny anarany manokana amin’ny fandoavana ireo hetra takiana. »*

**TOKO II  
TSIAMBARATELON’NY ASA  
SOKAJY I  
FOTO-KEVITRA ANKAPOBE**

**Andininy IX-24.-**

Ampiana paragirafy farany izay mirija toy izao amin’ny faran’ity andininy ity :

*“ Ankoatra ireo tranga voalaza ao amin’ny Andininy VI-07 sy VI-17 amin’ity Fehezan-dalàna ity, ny olona hafa rehetra izay maniry hanao raharaha ara-ketra amin’ny anarana sy/na ho an’ny*

*mpandoa hetra dia tsy maintsy mitondra taratasy fisoloan-tena na fanomezam-pahefana izay tsy maintsy soratana eny amin'ny Sampan-draharaha mpitantana ny antontan-taratasy ara-ketra. Amin'izany, ny taratasy fisoloan-tena na fanomezam-pahefana dia tsy maintsy milaza ny karazan'ny taratasy, ny fangatahana na ny dingana ho tanterahana. Ny fangatahana ataon'ireo olon-kafa mitondra taratasy fisoloan-tena na fanomezam-pahefana tsy ara-dalàna dia tsy azo raisina.”*

## SOKAJY II

### FIVELARAN'NY ANDRAIKITRA AMIN'NY TSIAMBARATELON'NY ASA

#### Andininy IX-26 bis.-

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ity andininy ity :

*“ Ny Sampana misahana ny fifanakalozana angom-baovao dia natsangana mba hiandraikitra :*

*- Ny fifanakalozana iraisam-pirenena ny angom-baovao rehetra tena ilaina ho fampiharana ireo fepetra voalazan'ireo **fifanarahana** amin'ny fifanakalozana angom-baovao sy ireo **fifanarahana** eo amin'ny firenena maromaro, na isam-paritra, na eo amin'ny firenena roa ; **sy***

*- Ny fifanakalozana ny angom-baovao eo amin'ny sehatra nasionaly, araka ireo fepetra voalazan'ireo **fifanaraham-piaraha-miasa, fifanaraham-piaraha-miombon'antoka na fifanarahana** amin'ny fifanakalozana angom-baovao miaraka amin'ireo manam-pahefana eto an-toerana.*

*Ireo iraka sy andraikitra ary fampandehanana io Sampana io dia faritan'ny didy amam-pitsipika.*

**Ny ambiny tsy misy fanovana.**

**ANDININY FAHA-3  
FADINTSERANANA**

**A- MAHAKASIKA NY FEHEZAN-DALÀNA MOMBA NY FADINTSERANANA :**

Ny andinidin'ny fehezan-dalana momba ny Fadintseranana dia ampiana sy ovaina toy izao manaraka izao :

**TOKO V  
FEPETRA FAMPIHARANA NY LALANA MOMBA NY LAZAM-BIDY**

**Sokajy III  
Fiavian'ny entana**

Ampidirana paragirafy vaovao amin'ny andininy 21, ho toy izao :

**And. 21. - 3° (vaovao)** Ny Fandraharahana ny Fadintseranana dia afaka miroso amin'ny fanamarinana ny fanarahana ireo fepetra mason-tzivana mifandraika amin'ny fiavian'ny entana nanaovana fanambaràna amin'ny fomba rehetra. Ny fepetra mifandraika amin'izany dia apetraka amin'ny didy amam-pitsipika.

**Sokajy V  
Sandan'ny entana**

**§ 1°. – Amin'ny fanafarana entana avy any ivelany**

Ampidirana paragirafy vaovao amin'ny andininy 25, ho toy izao :

**And. 25. - 4° (vaovao)** Ny fanambaràna ireo singa amin'ny sandan'ny entana dia sora-panjakàna tena izy mamatotra ny mpanao fanambaràna amin'ny Fandraharahana ny Fadintseranana mitovy amin'ny fanambarana amin'ny antsipiriany.

**LOHATENY II  
FANDAMINANA SY FAMPANDEHANANA NY FANDRAHARAHANA  
NY FADINTSERANANA**

**TOKO II  
TOMBON-JO, FIAROVANA ARY ADIDY AMAN'ANDRAIKITRY  
NY MPIASAN'NY FADINTSERANANA**

Ovaina ny paragirafy 2° amin'ny andininy 44, ho toy izao :

**And. 44. – 2°** Ny meloka izay nilaza ny kolikoly dia afahana amin'ny sazy, lamandy ary fanagiazana raha toa ka mbola tsy nanomboka ny fanenjehana ataon'ny fandraharahana ny fadintseranana.

**LOHATENY IV  
RAHARAHA MOMBA NY FAMOAHAN'ENTANA ENY AMIN' NY FADINTSERANANA**

**TOKO III**  
**FAMARANANA SY FANEFANA NY SARA SY HABA**

**Sokajy III**  
**Fameran-ketra PIP na ivelan'ny PIP**

Ovaina ny andininy 124, ho toy izao :

**And. 124.-** Ny vokatra miendrika fanomezana na fanampiana mivaingana, azo avy any ivelany na vatsiam-bola amin'ny tahiry isan-karazany avy any ivelany (fanampiana ara-bola, vola fanampiana, **fampindramam-bola, fanomezana**) miditra eto amin'ny tanim-pirenena, dia andoavana ho an'ny Fanjakana ny sara sy haba voalazan'ny rijan-teny amam-pitsipika manan-kery.

Ny antokon-draharaham-panjakana, iraisana ampahany amin'ny fanjakana na tsy miankina amin'ny fanjakana misitraka izany dia manefa ao amin'ny Fandraharahana ny Fadintseranana, amin'ny tetibolany, ny sara sy haba tsy maintsy aloa amin'ny fanafahana ny fadintseranana amin'ireo entana ireo.

Raha toa ka misy antokon-draharaha iray misolo toerana ny antokon-draharaha nisitraka amin'ny fanefana ny sara tokony aloa, ny antokon-draharaha mpisolo toerana dia manefa ny sara tokony aloa mialohan'ny hakana ny vokatra voakasika araka ny fepetra mitovy amin'ny etsy ambony.

Raha toa ka **Ministera na andrim-panjakana no misitraka ny karazana vokatra efa voalaza eo amin'ny paragirafy voalohany amin'ity andininy ity, voamarina amin'ny taratasy fitaterana, na ny taratasy fanamarinana ny fanomezana, na ny antotan-taratasy fifanarahana** dia atao, araka ny fampisehoana ny faneken'ny Fanjakana miaraka amin'ny fanondroana ny laharana ao amin'ny tetibola izay hiantsoroka ny fanefana, ny fanombanana izany sara izany eo amin'ny famelabelarana miloko manga. Ny fanefana ny famelabelarana miloko manga natao araka izany dia atao mandritra ny taona anaovana azy amin'ny alalan'ny sorabola voasoratra ka tsy maintsy tsinjovina ao amin'ny tetibola ho famononana sy fanombanana ivelan'ny famaritana ara-toekarena amin'ny fanaovana ny tetibolam-panjakana.

Ny fanarenana izay mety ho fihoarana ny sorabola ao amin'ny laharana amin'ny tetibola izay voalaza dia tanterahina amin'ny Lalàna mifehy ny Fitananam-bola manaraka na raha ela indrindra amin'ny lalàna fandravonana.

Ny fombafomba iatrehana izany dia faritana amin'ny alalan'ny tenimita ataon'ny Minisitra miandraikitra ny Tetibola.

**LOHATENY V**  
**FAMPANDALOVANA SY SATA ARA-TOEKARENA**

**TOKO II BIS**  
**FAMINDRANA ENTANA SY FIANTSONANA AKAIKIN'NY MORONTSIRAKA**

**Sokajy voalohany**  
**Famindrana entana**

Ovaina ny paragirafy voalohany amin'ny andininy 151 Bis, ho toy izao :

**And. 151 Bis. - 1°** Ny famindrana entana dia sata eo amin'ny Fadintseranana izay ahafahana mamindra entana eo ambany fanaraha-mason'ny Fadintseranana :

- amin'ny fitaovam-pitanterana iray nampiasaina tamin'ny fanafarana ho amin'ny fitaovam-pitanterana iray hafa izay ampiasaina amin'ny fanondranana. Io famindrana io dia atao anatin'ny faritry ny Fadintseranana ary izany biraon'ny Fadintseranana izany no biraon'ny fidirana sy biraon'ny fivoahana ;
- **amin'ny fitaovam-pitanterana iray nampiasaina tamin'ny fanafarana ho amin'ny fitaovam-pitanterana iray hafa izay ampiasaina amin'ny fitondrana azy mamonjy biraon'ny fadintserana. Io famindrana io dia atao anatin'ny faritry ny Fadintseranana ary izany biraon'ny Fadintseranana izany no biraon'ny fidirana ahafahany mamonjy ny biraon'ny famoahana entana ;**

Ovaina ny paragirafy 5° amin'ny andininy 151 Bis, ho toy izao :

**And. 151 Bis. - 5°** Raha everin'ny sampandraharahan'ny Fadintseranana fa ilaina dia raisina ny fepetra mandritra ny fanafarana mba ahafahana mamantatra ny entana afindra mandritra ny fanondranana, **na ny fametrahana ny fanambarana fidirana amin'ny tanim-pirenena** amin'ny alalan'ny fametrahana fitombokase amin'ny konteneran'ilay entana eo ampahatongavana ary hamarinina ny fisian'izany tombokase izany mandritra ny fotoana iaingany.

Ovaina ny paragirafy 6° amin'ny andininy 151 Bis, ho toy izao :

**And. 151 Bis. - 6°** Raha toa ny Fadintseranana ka mametraka fe-potoana mazava mba hanondrana **na hametrahana ny fanambarana fidirana amin'ny tanim-pirenena** ho an'ny entana nanaovana fanambarana afindra dia tokony ho ampy amin'ny famindrana izany fe-potoana izany. Aorian'ny fangatahan'ny voakasika ary miaraka amin'ny antony eken'ny Fadintseranana fa mitombina dia azo itarina io fe-potoana nomena tamin'ny voalohany io.

## **TOKO IV** **FAMETRAHANA ENTANA AMIN'NY FADINTSERANANA**

### **Sokajy VI** **Fepetra samihafa ampiharina amin'ireo trano fametrahana entana rehetra**

Ovaina sy hatambatra ny paragirafy 2° sy 3° amin'ny andininy 186 mba ahazoana paragirafy 2° vaovao, ho toy izao :

**And. 186. - 2°** Raha toa izany ka tsy maintsy efaina amin'ny entana nisy nangalatra, **entana nesorina noho ny fakana an-tsokosoko, entana niharan'ny fahasimbana, ny sara sy haba ampiharina dia izay manan-kery amin'ny daty hanamarihana ny zava-misy araka ny fitanana an-tsoratra, ary tsy misy fiantraikany amin'ny fanenjehana ara-pitsarana mety hitranga.**

Ny fatiantoka **vokatry ny antony voajanahary na noho ny antony tsy azo anoharana** dia tsy iharan'ny fandoavana haba sy hetra.



Ovaina laharana ho paragirafy 3° ny paragirafy 4° amin'ny andininy 186, ho toy izao :

**And. 186. - 3°** Ho an'ny entana notataovana “ara-bidy” na voarara, ny sanda horaisina, dia ny an'izany entana voalaza izany amin'ny fidirana; izany dia faritana araka ny fepetra ao amin'ny andininy faha-23 sy faha-24 etsy ambony.

**LOHATENY V  
FAMPANDALOVANA SY SATA ARA-TOEKARENA**

Ovaina ny laharan'ny toko VIII, ho toy izao :

**TOKO VII  
FANONDRANANA ENTANA AMIN'NY FOTOANA VOAFETRA**

Ovaina ny laharan'ny toko VII, ho toy izao :

**TOKO VIII  
FANONDRANANA ENTANA AMIN'NY FOTOANA VOAFETRA HO FANATSARANA NY ENTANA HAONDRANA**

**LOHATENY IX  
HABA SAMIHafa ALAIN'NY FADINTSERANANA**

**TOKO VOALOHANY  
HETRA TSY MIVANTANA**

Averina ampidirina ny fepetran'ny andininy 257, ho toy izao :

**And 257- (vaovao)** Ny vokatry sasantsasany jifaina eo amin'ny faritra feheziny fadintseranana, na nampidirina, nangonina na namboarina tao, dia tsy maintsy mandoa haban-ketra antsoina hoe “hetra tsy mivantana”. Io haba io dia arafitra araka ny fepetra faritan'ny andininy faha-3, faha-9 ary faha-16 etsy ambony. Ny mpiasan'ny fadintseranana no manao ny fanilihana, fangalana ary ny famoriana ny hetra tsy mivantana araka ny fepetra sy ny fitsipika faritan'ity Fehezan-dalàna ity. Ny mahakasika ny lazam-bidy dia faritan'ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana

**LOHATENY X  
FIFANOLANANA**

**TOKO VII  
FEPETRA FAMAIZANA**

**SOKAJY I  
FANASOKAJIANA NY FANDIKAN-DALANA AMIN'NY FADINTSERANANA SY SAZY  
FOTOTRA**

**§ 2 : Heloka madinika mikasika ny fadintseranana  
C – Heloka madinika kilasy fahatelo**

Ovaina ny andininy 358, ho toy izao :

And. 358.- Mety iharan'ny famaboana ny entana misy olana sy onitra tafiditra eo anelanelan'ny

antsasany sy indray mandeha amin'ny tetibidin'ireo entana voalaza ireo :

- a) Ny fampisehoana ho toy ny venty ao amin'ny taratasin'entana na fanambarana ny horonan'entana maromaro na fonosan'entana hafa mihidy, natambatra tamin'ny fomba ahoana na tamin'ny fomba ahoana ;
- b) **Ny tsy fisian'ny taratasin'entana na ny tsy fampisehoana indray ny matoan'ny taratasin'entana;**
- c) **Ny fanadinoana rehetra atao amin'ny entana ao amin'ny taratasin'entana na ao anatin'ny fanambarana amin'ny ambangovangony ;**
- d) **Ny fahasamihafana rehetra atao amin'ny karazan'entana nosoratana tamin'ny taratasin'entana na nambara tamin'ny ambangovangony.**

## **D – Heloka madinika ambaratonga fahaefatra**

Ovaina ny andininy 359 paragirafy 1, ho toy izao :

**And. 359.- 1°** Mety iharan'ny famaboana ny entana misy olana sy ny onitra tafiditra eo anelanelan'ny **indray mandeha sy indray mandeha sy tapany** amin'ny tetibidin'ireo entana ireo, ny fandikana rehetra atao amin'ny fepetra voalazan'ny lalàna sy ny fitsipiky ny fadintseranana raha toa io tsy fanarahandala io ka mikasika ireo entana ao amin'ny sokajy misy ireo izay voarara eo am-pidirana na eo am-pivoahana ary tsy nofaizin'ity Fehezan-dalàna ity manokana.

### **§ 3 : Heloka tsotra amin'ny fadintseranana**

#### **A – Heloka tsotra kilasy voalohany**

Ovaina ny andininy 360, ho toy izao :

**And. 360.** Mety iharan'ny famaboana ny entana misy hosoka, ny famaboana ny fomba fitaterana, ny famaboana ny entana nentina hanaronana ny hosoka, ny onitra tafiditra eo anelanelan'ny **indray mandeha sy indroa miantoana** amin'ny tetibidin'ny zavatra misy hosoka sy ny fampidirana an-tranomaizina enim-bolana hatramin'ny herintaona, ny fampidirana entana antsokosoko rehetra ary koa ny fanaovana fanafarana na fanondranana tsy misy fanambarana ary tsy nofaizin'ity Fehezan-dalàna ity manokana.

**Ny ambiny tsy misy fanovana.**

**B- MAHAKASIKA NY LAZAM-BIDY AMIN'NY FADINTSERANANA :**

Ny fanovàna momba ny lazam-bidy amin'ny Faditseranana dia miompana amin'ny :

- Famerenana ny haban-tseranana amin'ny taha 10% ho an'ny haban-tseranana ary 20% ho an'ny TVA ho an'ny « Catamarans et bateaux de croisières » zana-tsokajy laharana 8901.10 90 ary amin'ny taha 20% ho an'ny haban-tseranana ary 20% ho an'ny TVA ho an'ny zana-tsokajy laharana 8903.21 00 / 8903.22 00 / 8903.23 00 / 8903.31 00 / 8903.32 00 / 8903.33 00 :**

**Raha :**

N° TARIF	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA
8901.10 90	--- Autres -----	u	0	0
8903.21 00	-- D'une longueur n'excédant pas 7,5 m -----	u	0	0
8903.22 00	-- D'une longueur excédant 7,5 m mais n'excédant pas 24 m -----	u	0	0
8903.23 00	-- D'une longueur excédant 24 m -----	u	0	0
8903.31 00	-- D'une longueur n'excédant pas 7,5 m -----	u	0	0
8903.32 00	-- D'une longueur excédant 7,5 m mais n'excédant pas 24 m -----	u	0	0
8903.33 00	-- D'une longueur excédant 24 m -----	u	0	0

**Vakiana :**

N° TARIF	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA
8901.10 90	--- Autres -----	u	10	20
8903.21 00	-- D'une longueur n'excédant pas 7,5 m -----	u	20	20
8903.22 00	-- D'une longueur excédant 7,5 m mais n'excédant pas 24 m -----	u	20	20
8903.23 00	-- D'une longueur excédant 24 m -----	u	20	20
8903.31 00	-- D'une longueur n'excédant pas 7,5 m -----	u	20	20
8903.32 00	-- D'une longueur excédant 7,5 m mais n'excédant pas 24 m -----	u	20	20
8903.33 00	-- D'une longueur excédant 24 m -----	u	20	20

- Famerenana ny haban-tseranana amin'ny taha 5% ary 20% ho an'ny TVA ho an'ny kamiao, ny traktera an-dalana, ny « camions-citernes et remorques » zana-tsokajy laharana 87.01 / 87.04 / 87.16 :**

**Raha :**

N° TARIF	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA
87011000	-Tracteur à essieux simple	u	0	0
87012110	--- Neufs -----	u	0	20
87012120	--- Usagés -----	u	0	20
87012210	--- Neufs -----	u	0	20
87012220	--- Usagés -----	u	0	20
87012310	--- Neufs -----	u	0	20
87012320	--- Usagés -----	u	0	20
87012410	--- Neufs -----	u	0	20
87012420	--- Usagés -----	u	0	20
87012910	--- Neufs -----	u	0	20
87012920	--- Usagés -----	u	0	20
87019100	-- N'excédant pas 18 kW -----	u	0	0
87019200	-- Excédant 18 kW mais n'excédant pas 37 kW -----	u	0	0
87019300	-- Excédant 37 kW mais n'excédant pas 75 kW -----	u	0	0

87019400	-- Excédant 75 kW mais n'excédant pas 130 kW -----	u	0	0
87019500	-- Excédant 130 kW -----	u	0	0
87042210	---- Neufs -----	u	0	0
87042220	--- Usagés -----	u	0	20
87042310	---- Neufs -----	u	0	20
87042320	--- Usagés -----	u	0	20
87163110	---- Neufs -----	u	0	20
87163120	---- Usagés -----	u	0	20
87163931	---- Neufs -----	u	0	20
87163932	---- Usagés -----	u	0	20
87164010	---- Neufs -----	u	0	20
87164020	---- Usagés -----	u	0	20

**Vakiana :**

N° TARIF	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA
87011000	-Tracteur à essieux simple	u	5	20
87012110	--- Neufs -----	u	5	20
87012120	--- Usagés -----	u	5	20
87012210	--- Neufs -----	u	5	20
87012220	--- Usagés -----	u	5	20
87012310	--- Neufs -----	u	5	20
87012320	--- Usagés -----	u	5	20
87012410	--- Neufs -----	u	5	20
87012420	--- Usagés -----	u	5	20
87012910	--- Neufs -----	u	5	20
87012920	--- Usagés -----	u	5	20
87019100	-- N'excédant pas 18 kW -----	u	5	20
87019200	-- Excédant 18 kW mais n'excédant pas 37 kW -----	u	5	20
87019300	-- Excédant 37 kW mais n'excédant pas 75 kW -----	u	5	20
87019400	-- Excédant 75 kW mais n'excédant pas 130 kW -----	u	5	20
87019500	-- Excédant 130 kW -----	u	5	20
87042210	---- Neufs -----	u	5	20
87042220	---- Usagés -----	u	5	20
87042310	---- Neufs -----	u	5	20
87042320	---- Usagés -----	u	5	20
87163110	---- Neufs -----	u	5	20
87163120	---- Usagés -----	u	5	20
87163931	---- Neufs -----	u	5	20
87163932	---- Usagés -----	u	5	20
87164010	---- Neufs -----	u	5	20
87164020	---- Usagés -----	u	5	20

**3. Fanovana ny fanambarana DD ho TPP ary DDAPEi ho TPP APEi ho an'ny « huiles de pétrole » sokajy laharana 27.10 , fampifanarahana amin'ny taha 20% ho an'ny TPP ary amin'ny taha 20% ho an'ny TPP APEi, ary fampifanarahana ny TPP APEi ho an'ny zana-tsokajy laharana 2710.19 34 / 2710.19 39 /2710.91 00/ 2710.99 00 :**

N° TARIF	DESIGNATION DES PRODUITS	Raha		Vakiana	
		DD	DDAP Ei	TPP	TPP APEi
2710.19 34	---- Huiles de base entrant dans la composition des huiles de graissage et lubrifiants -----	5	5	20	20
2710.19 39	---- Autres -----	5	5	20	20
2710.91 00	-- Contenant des diphényles poly chlorés (PCB), des terphényles polychlorés (PCT) ou des diphényles polybromés (PBB) -----	5	5	20	20
2710.99 00	-- Autres -----	5	5	20	20

4. **Fanasarahana zana-tsokajy mba hampifanaraka ny lazam-bidy amin'ny taha 20% ho an'ny haban-tseranana ho an'ny zana-tsokajy laharana 8471.30 00 / 8517.62 00 / 8534.00 00 / 9031.80 00, izay voasokajy ho entana azo ampiasain'ny mpanjifa avy hatrany ary ny lazam-bidy amin'ny taha 10% ho an'ny haban-tseranana ho an'ny zana-tsokajy laharana 8513.10 :**

Raha			Vakiana		
N° TARIF	DESIGNATION PRODUIT	DD	N° TARIF	DESIGNATION PRODUIT	DD
84713000	Machines automatiques de traitement de l'information portatives, d'un poids n'excédant pas 10 kg, comportant au moins une unité centrale de traitement, un clavier et un écran	10	84713000	Machines automatiques de traitement de l'information portatives, d'un poids n'excédant pas 10 kg, comportant au moins une unité centrale de traitement, un clavier et un écran	
			8471.30 10	Laptop	20
			8471. 30 20	Tablette électronique sans puce	20
			8471.30 90	Autres	10
85176200	Appareils pour la réception, la conversion et la transmission ou la régénération de la voix, d'images ou d'autres données, y compris les appareils de commutation ou de routage	5	85176200	Appareils pour la réception, la conversion et la transmission ou la régénération de la voix, d'images ou d'autres données, y compris les appareils de commutation ou de routage	
			85176210	Montre intelligente	20
			85176220	Casque ou oreillette sans fil	20
			85176290	Autre	5
85434000	Cigarettes électroniques et dispositifs de vaporisation électriques	5	85434000	Cigarettes électroniques et dispositifs de vaporisation électrique	20
90318000	Autres instruments, appareils et machines, électriques	5	90318000	Autres instruments, appareils et machines, électriques	
			90318010	Appareil de DIAG AUTO	20
			90318090	Autres	5
851310	- Lampes		851310	- Lampes	
85131010	--- Lampes solaires	0	85131010	--- Lampes solaires	0
85131090	--- Autres	10	85131020	--- Lampe portative à monter sur le système à visée télescopique d'un fusil de chasse	10
			85131090	--- Autres	10

5. **Fanitsiana amin'ny taha 20% ho an'ny TVA ho an'ny « autres articles de robinetterie et organes similaires » zana-tsokajy laharana 8481.80 00 ho an'ny « pompe » zana-tsokajy laharana 8413.81 00 / 8413.91 00 ary ny « arato gants, mitaines et moufles pour le sport » ho an'ny zana-tsokajy laharana 3926.20 10, 4203.21 00, 5608.19 10, 5608.90 10 :**

**Raha :**

N° TARIF	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	TVA
8481.80 00	- Autres articles de robinetterie et organes similaires -----	kg	ex
8413.81 00	-- Pompes -----	u	ex
8413.91 00	-- De pompes -----	kg	ex

3926.20 10	--- Gants, mitaines et moufles spécialement conçus pour la pratique du sport	2u	ex
4203.21 00	-- Spécialement conçu pour la pratique de sports -----	kg	ex
5608.19 10	--- Filets spécialement conçus pour la pratique de sports	kg	ex
5608.90 10	--- Filets spécialement conçus pour la pratique de sports	kg	ex

**Vakiana :**

N° TARIF	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	TVA
8481.80 00	- Autres articles de robinetterie et organes similaires -----	kg	20
8413.81 00	-- Pompes -----	u	20
8413.91 00	-- De pompes -----	kg	20
3926.20 10	--- Gants, mitaines et moufles spécialement conçus pour la pratique du sport	2u	20
4203.21 00	-- Spécialement conçu pour la pratique de sports -----	kg	20
5608.19 10	--- Filets spécialement conçus pour la pratique de sports	kg	20
5608.90 10	--- Filets spécialement conçus pour la pratique de sports	kg	20

**6. Famerenana ny haban-tseranana amin'ny taha 20% ary 20% ho an'ny TVA ho an'ny « autres verres de lunetterie en autres matières » zana-tsokajy laharana 9001.50 90 :**

**Raha :**

N° TARIF	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA
9001.50 90	- Autres -----	kg	ex	ex

**Vakiana :**

N° TARIF	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA
9001.50 90	- Autres -----	u	20	20

**7. Fanitsiana amin'ny taha 10% ho an'ny TVA ho an'ny « récipients pour gaz comprimés ou liquéfiés, en fonte ou acier » zana-tsokajy laharana 7311.00 00 :**

**Raha :**

N° TARIF	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	TVA
7311.00 00	Récipients pour gaz comprimés ou liquéfiés, en fonte, en fer ou acier	kg	5

**Vakiana :**

N° TARIF	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	TVA
7311.00 00	Récipients pour gaz comprimés ou liquéfiés, en fonte, en fer ou acier	kg	10

**8. Fanitsiana amin'ny taha 20% ho an'ny TVA ho an'ny « chaussures de sports : Chaussures à pointes, à crampons » zana-tsokajy laharana 6402.19 20 / 6403.19 10 / 6404.11 10 :**

**Raha :**

N° TARIF	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	TVA
6402.19 20	--- Chaussures à pointes, à crampons -----	2u	ex
6403.19 10	--- Munies de pointes ou de crampons -----	2u	ex
6404.11 10	--- Munies de pointes ou de crampons -----	2u	ex

**Vakiana :**

N° TARIF	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	TVA
6402.19 20	--- Chaussures à pointes, à crampons -----	2u	20
6403.19 10	--- Munies de pointes ou de crampons -----	2u	20
6404.11 10	--- Munies de pointes ou de crampons -----	2u	20

**9. Fanasarahana zana-tsokajy laharana 8711.60 mba hampivavaka ny « bicyclettes et trotinettes électrique » amin'ny « motocycles électriques » :**

**Raha :**

N° TARIF	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA
8711.60	- A moteur électrique pour la propulsion :			
8711.60 10	--- Neuf -----	u	0	0
8711.60 20	--- Usagés -----	u	20	20

**Vakiana :**

N° TARIF	DESIGNATION DES PRODUITS	UQN	DD	TVA
8711.60	- A moteur électrique pour la propulsion :			
	--- Motocycle			
8711.60 31	--- Neufs -----	u	0	0
8711.60 32	--- Usagés -----	u	20	20
8711.60 40	--- Cyclomoteur (vélo électrique) -----	u	20	20
8711.60 50	--- Trottinette -----	u	20	20
8711.60 90	--- Autres -----	u	20	20

**10. Fampifanarahana ny tahan'ny haban-tseranan'ny « APEi » ho an'ireo vokatra tafididra ao anatin'ny lisitra « les produits d'exclusion » :**

TARIF n°	DESIGNATION DES PRODUITS	DD APEi	
		Raha	Vakiana
02083000	Viandes et abats comestibles de primates, frais, réfrigérés ou congelés -----	0	20
02085000	Viandes et abats comestibles de reptiles y compris les serpents et tortues de mer, frais	0	20
02109900	Autres viandes et abats comestibles, salées, séchées, fumées ou en saumure, et farines et poudre -----	0	20
03024100	Harengs (Clupea harengus, Clupea pallasii) -----	0	20
03024400	Maquereaux (Scomber scombrus, Scomber australasicus, Scomber japonicus) -----	0	20
03024700	Espadons (Xiphias gladius) a l'exclusion des abats de poisson comestibles n°0302.9	0	20
03025100	Poissons famille Bregmacerotidea, à l'exclusion des abats poisson comestibles n°0302.9	0	20
03025200	Poissons famille Bregmacerotidea, à l'exclusion des abats poisson comestibles n°0302.9	0	20
03025300	Poissons famille Bregmacerotidea, à l'exclusion des abats poisson comestibles n°0302.9	0	20
03027400	-- Anguilles (Anguilla spp.) -----	0	20
03028100	-- Squales -----	0	20
03028300	-- Légines (Dissostichus spp.) -----	0	20
03029100	-- Foies, œufs et laitances -----	0	20
03029200	-- Ailerons de requins -----	0	20

03035100	Harengs congelés -----	0	20
03035400	-- Maquereaux (Scomber scombus, Scomber australasicus, Scomber japonicus) ----	0	20
03035700	-- Espadons (Xiphias gladius) -----	0	20
03036300	-- Morues (Gadus morhua, Gadus ogac, Gadus macrocephalus) -----	0	20
03036400	-- Eglefins (Melanogrammus aeglefinus) -----	0	20
03036500	-- Lieus noirs (Pollachius virens) -----	0	20
03038100	-- Squales -----	0	20
03038300	-- Légines (Dissostichus spp.) -----	0	20
03039100	-- Foies, œufs et laitances, nageoire, tête, queues, vessies natatoires & autres abats de poissons -----	0	20
03039200	-- Ailerons de requins -----	0	20
03044700	-- Squales -----	0	20
03044800	-- Raies (Rajidae) -----	0	20
03045600	-- Squales -----	0	20
03045700	-- Raies (Rajidae) -----	0	20
03048800	-- Squales, raies (Rajidae) -----	0	20
03052000	Foies, œufs, laitances de poissons, sales, séchés, fumés ou en saumure -----	0	20
03054100	Saumons du Pacifique, de l'Atlantique et du Danube, fumés y compris les filets fumés	0	20
03054200	Harengs fumés, y compris les filets -----	0	20
03054300	Truite (dalm; Oncorhynchus apaches et Oncorhynchus chrysogaster) -----	0	20
03054400	Tilapias (Oreochromis spp.), siluridés (pangasius...), carpes (Cyprinus spp., Carassius supp. -----	0	20
03054900	-- Autres -----	0	20
03054910	Autres poissons fumés, y compris les filets, faits a la main -----	3	20
03054990	Autres poissons fumés, y compris les filets autre que faits à la main -----	3	20
03055100	Morues, séchées, mêmes salées, mais non fumées -----	0	20
03056100	Harengs, salés ou en saumure, non séchés ni fumés -----	0	20
03056200	Morues, salées ou en saumure, non séchées ni fumées -----	0	20
03056300	Anchois, salés ou en saumure, non séchés ni fumés -----	0	20
03061200	Homards congelés -----	0	20
03061900	Autres -----	0	20
03063200	-- Homards (Homarus spp.) -----	0	20
03063900	-- Autres -----	0	20
03069200	- Autres Homards (Homarus spp) -----	0	20
03069900	-- Autres -----	0	20
08054000	Pamplemousses et pomelos	0	20
16021020	--- conditionnées pour la vente au détail comme pour usages diététiques -----	0	20
16021090	--- Autres -----	0	20
17011200	Sucres de canne ou de betterave et saccharose chimiquement pur à l'état solide de betterave -----	10	20
17011300	Sucre brut de canne -----	10	20
17011400	Autres sucres de canne -----	10	20
24039100	Tabacs homogénéisés ou reconstitués -----	0	20
34011110	Savons, prod., prep. organiq.tensio-actifs, barr., pains, morc.sjt. frap., de toilet.a usa.medi	0	20
34011190	Autres savons, produits et prep.organiq.tensio-actifs, de toilette	0	20
34011910	--- Savons ordinaires -----	0	20
34011919	--- Autres -----	0	20
34012010	Autres savons sous autres formes--Bondillons et copeaux -----	0	20
